

Date Printed: 02/05/2009

JTS Box Number: IFES_46
Tab Number: 36
Document Title: PRESIDENTIAL ELECTION LAW
Document Date: 1992
Document Country: MAD
Document Language: MLA-FRE
IFES ID: EL00637



* 3 5 5 F D 2 6 A - 1 B E B - 4 A 9 2 - 8 6 F 1 - 2 3 6 0 C 8 8 2 9 1 F C *

MINISTÈRE

MINISTÈRE DE L'INTÉRIEUR

RIJAN-TENY MIKASIKA NY FIFIDIANANA
TEXTES RELATIFS AUX ÉLECTIONS

**DIDY AMAN-DALANA
MANAN-KERY
AMPIHARINA AMIN' NY FIFIDIANANA
FILOHAN' NY REPOBLIKA**

RECUEIL OFFICIEL
DES LOIS
ET RÈGLEMENTS GÉNÉRAUX
APPLICABLES EN MATIÈRE D'ÉLECTION
DE PRÉSIDENT DE LA REPUBLIQUE

25 NOVEMBRE 1992

F Clifton White Resource Center
International Foundation for Election Systems

ANTANANARIVO - TRANOPIRINTIM - PIRENENA - 1992

FOTOPOTONY

SOMMAIRE

Lalampanorenana ny Repoblikan' i Madagasikara	3
Constitution de la République de Madagascar	36
Convention du 31 octobre 1991	62
Hitsivolana laharana faha-91-001 tamin' ny 9 marsa 1991 anaovana ny satam-pitondrana ankapobe ny antoko na fikambenana politika	67
Ordinance n° 91-001 du 9 mars 1991 portant régime général des partis ou organisations politiques	76
Hitsivolana laharana faha-92-041 tamin' ny 2 oktobra 1992 anaovana ny Lalam-pifidianana	85
Ordinance n° 92-041 du 2 octobre 1992 portant Code électoral	129
Hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana	161
Ordinance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle	172
Rijan-teny notsoahina tao amin' ny didim-panjakanana laha- rana faha-92-685 tamini ny 13 jolay 1992	181
Extrait du décret n° 92-685 du 13 juillet 1992	183
Didim panjakanana laharana faha-92-895 mameatra ny fanda- mynana' ny Filankevi-pirenena momba ny fitidianana sy fombafomba fampandehanan draharaha ao aminy	185
Décret n° 92-895 fixant l'organisation et les modalités de fonctionnement du Conseil National Electoral (CNE)	184
Décret n° 92-938 du 28 octobre 1992 relatif à la carte électorale	200
Ordinance n° 60-082 du 13 août 1960 modifiée par l'ordonnance n° 62-017 du 14 août 1962 relative aux réunions publiques et aux manifestations sur la voie publique (JOR du 20 août 1960 et du 1 ^{er} septembre 1962)	205
Ordinance n° 80-104 du 21 septembre 1960 relative aux attroupements (JOR du 1 ^{er} octobre 1960, page 1947)	211

LALAMPANORENAN' NY REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA

Ho fampiharana ny Fifanarahena tamin' ny 31. oktobra 1991 dia:

- Ny vahoaka no nandany,
- Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Gouvernementa no mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy toy izao ny andinindininy

SAVARANONANDO

Ny Vahoaka Malagasy masi-mandidy.

Fatra-pilikitra amin' ny soa toavina ananany eo amin' ny lefiny kolontsaina sy ara-parahy ka anisan' izany ny Fihevenana izay antoky ny Firisam-pirenena.

Manamafy ny finoany ny fisian' Andriamanitra Andriananahary.

Manaja ny fanekena iraisam-pirenena nankatoaviny,

Mandray ho toy ny nataony ny Dina iraisam-pirenena momba ny Zon' olombelona sy ny dinan' ny Afrikana momba ny Zon' olombelona sy ny Vahoaka ary ny Fifanekena momba ny Zon' ny ankizy, ka mihevitra ireo ho toy ny isan' ny lalàna velona eto amin' ny taniny.

Miaiky tenteraka fa ny fivelaran' ny maha-olona sy ny maha-Malagasy azy no antoka hitondra fampandrosoane mirindra izay ieraha-mahalala fa mitaky ireto fepetra mavesa-danja ireto:

- ny tanajana sy ny fiarovana ny tahalahana fototra zakain' ny tsirairay sy ny besimiaro;

- ny fisarahana sy fitandanjan' hy fahefana izay tsy maintsy ampiassaine sy ampiharina eraka ny fomba demokratika;

- ny fitantanana mangarahara ny raharaham-panjakana izay antoky ny fandraisan' ny olom-pirenena anjara amin' ny Siton-drana sy ny fisian' ny tanaraha-maso ampy sy mahomby;

- ny fananganana Fanjakana fehezin-dalàna ka ny Vahoaka sy ny Mpitondra dia samy hilefitra eo ambanin' ny fitsipi-dalàna mitovy eo ambany tanaraha-mason' ny fitsarana mahaleotena;

- ny fitandroane ny fireisam-pirenena amin' ny alalan' ny fitem-pandresoana mifandenja amin' ny latim-piañana rehetra;
- ny firaiketana amin' ny fandriampahalemana sy ny fienakatiana;
- ny fiadiana amin' ny tsy fahamarinana, ny tsy fitoviana sy ny fanavakahana amin' ny endriny rehetra;
- ny fampihorana ny fitsinjaram-pahelana mahefà isam-paritra;

Dia manambara :

FIZARANA VOALOHANY

FOTO-KEVITRA ANKAPOBENY

Andininy voalohany. — Firenena iray ny Vahoaka Malagasy ka mivondrona ho Fanjakana masi-mandidy sy laïka.

Republika tokana tsy azo zaraïna, mitondra ny anarana hoe Repoblikan' i Madagasikara. izany Fanjakana izany..

Ny demokrasia no fototra iorenan' ny Repoblika. Eo amin' ny farity ny tany eken' ny lalàna iraisam-pirenena ho azy no maha-masi-mandidy azy.

And. 2. — Ny Repoblikan' i Madagasikara dia tsinjaraina ho vondrombahoakam-paritra izay iantohan' ny Lalàmpanorenana ny fahavitan-tenany.

Ireo vondrombahoakam-paritra ireo dia mifarimboha amin' ny Fanjakana amin' ny fampandrosoana ny fianekaviambem-pirenena.

And. 3. — Tsy azo amidy na atao antoka na atakalo ny tanin' ny Repoblikan' i Madagasikara.

And. 4. — «Fanindrazana → Fahafahana — Fahamarinana» no filamatry ny Repoblikan' i Madagasikara.

Ny fanevany dia saina telo soratra: fotsy, mena, maitso vita amin' ny tsivalana telo mahitsizoro mitovy refy ka ny voalohany fo tsy ary mitsangana manaraka ny tahon-tsaina, ny roa hafa mandry ka ny mena ambony ary ny maitso ambany.

«Ry Tanindrazanay malala ô» no 'hiram-pirenena.

Ny lalàna no mamertra ny fitombo-kasem-panjakana sy ny mari-piandrianan' ny Firenena.

Ny teny malagasy no tenim-pirenena.

And. 5. — Antananarivo no renivohitry ny Repoblikan' i Madagasikara.

And. 6. — Tompon' ny fahefana feno ny Vahoaka ka mampiasa izany amin' ny alalan' ireo solontenany lany amin' ny fifidianana andraisan' ny rehetra anjara, mivantana na tsy mivantana na amin' ny fitsapan-kevi-bahoaka. Tsy misy ampeham-bahoaka na olon-tokana mahazo manendry tena hampiasa izany fahefana feno izany.

Mpifidy avokoa, araka ny fepetra voatondron' ny lalàna, ny olom-pirenena lahy sy vavy mizaka ny zon' ny isam-batan' olona sy ny zo politika.

Ny zo maha-mpifidy dia tsy verivery foana raha toa tsy noho ny didim-pitsarana raikitra.

And. 7. — Ny lalàna no anehoana ny safidim-bahoaka. Mitovy ny olona rehetra eo anatrehan' ny lalàna, na izy natao-hiarovana, na izy natao handidy, na izy natao hamaizana.

And. 8. — Teraka-mitovy zo ny olona rehetra eo anatrehan' ny lalàna ary samy manana fahalalahana fototra arovan' ny lalàna.

Ny Fanjakana dia mandrara tanteraka ny endri-panavakavahana rehetra, na avy amin' ny maha-lahy sy ny maha-vavy izany, na avy amin' ny fari-pahalalana, na avy amin' ny fari-pananana na avy amin' ny fiaviana, na avy amin' ny firazanana, na avy amin' ny finoana, na avy amin' ny tsy fitovian-kevitra.

FIZARANA II

NY AMIN' NY FAHALALAHANA SY NY ZO AMAN' ANDRAIKITRY NY OLOM-PIRENENA

Laharana voalohany

Ny amin' ny zo aman' andraikitry ny isam-batan' olona sy ny zo politika

And. 9. — Ny fampiasana sy ny fiarovana ny zon' ny tsirairay sy ny fahalalahana fototra dia arindran' ny lalàna.

And. 10. — Ny fahalalahana maneho-hevitra sy miteny, ny fahalalahana eo amin' ny fifandraisana; ny fahalalahana manao gazety, ny fahalalahana hiditra amina fikambanana na hanorina fikambanana, ny fahalalahana hivory malalaka, ny fahalalahana mivezivezy, ny fahalalahana amin' ny fietriteretana sy amin' ny finoana dia samy iantohana ho an' ny rehetra ary tsy azo ferana raha tsy hoe ho fanajana ny fahalalahana sy ny zon' ny hafa sy noho ny fahaterena hiaro ny filaminam-bahoaka.

And. 11. — Tsy misy feneriterena mialoha azo ampiherina amin' ny fampahalam-baovalo amin' ny endriny rehetra.

Voafaritry ny lalàna sy ny fepetra fitandroana ny hasin' ny asa fampahaalam-baovao' ny fetran' ny fahalahany sy ny andraikiny.

And. 12. — Ny tsirairay dia manana zo handao an' i Madagaskara sy hiverina eto araka ny fepetra voatondron' ny lalàna.

Zon', ny tsirairay ny mivezivezy sy manorim-ponenana an-kalalahana manérana ny tanin' ny Repoblika, rehefa voahaja ny zon' ny hafa sy ny fepetra faritan' ny lalàna.

And. 13. — Ny olona tsirairay dia iantohana amin' ny tsy fahaoaria manao ankeriny na herisetra amin' ny tenany, amin' ny fonenany sy amin' ny tsiambaratelon' ny taratasy ifandraisana.

Tsy misy fisavan-trano na toerana azo atao raha tsy alàlana omen' ny lalàna ary araka ny baiko an-tsoratra nomen' ny fahefana mpitsara afaka manao izany, afa-tsy ampi' ireo izay tratra ambodiomby.

Tsy misy olona azo enjehina na samborina na tanana àm-ponja raha tsy noho ny anton-javatra voafaritry ny lalàna ary araka ny fomba voalazany.

Tsy misy olona azo sazina raha tsy araka ny lalàna navoaka hanan-kery alohan' ny nanaovana ilay fihetsika mahavoasazy.

Tsy misy olona azo sazina indroa noho ny heloka tokana ihany.

Ny lalàna dia miaritoka ny zo hitady ny rariny sy ny hitsiny ho an' ny olona rehetra ary tsy vato misakana izany velively ny 'tsv fahampian' ny fidiram-bola aminy

Iantohan' ny Fanjakana ny zom-piarovan-tena frano sy tsy azo hozongozonina eo anatrehan' ny antokom-pitsarana rehetra, amin' ny dingana rehetra eo amin' ny fizotry ny ady, manomboka, hatrany amin' ny famotorana mialoha eo anatrehan' ny polisy na ny fampanoavana.

And. 14. — Ny olom-pirenena rehetra dia afaka mivondrona amin-kalalahana, tsy misy fanomezan-dàlana mialoha, ao anaty fikambanana na antoko politika. Na izany aza anefa dia raréna kosa ny fivoronan' ny fikambanana na antoko politika izay manohintohina ny firaisam-pirenena sy ireo manindrahindra ny tanakazakana na ny fanavakavahana ara-pokô na ara-pinoana

Ny lalàna no mamaritra ireo fepetra fanorenana sy fisian' ireo fikambanana sy antoko politika.

And. 15. — Ny olom-pirenena tsirairay avy dia manana zo hilatsaka hofidina amin' ireo fífidiana rehetra voalazan' ity Lalàmpanorenana ity rehefa mahafeno ny fepetra voatondron' ny lalàna ary izany dia tsy ijerena ny fananany na ny tsy fananany antoko politika ary tsy voatery hatolotr' antoko politika izy.

And. 16. — Adidin' ny olona rehetra, na iza na iza ny manaja ny Lalàmpanorenana sy ireo Andrim-panjakana ary ny didy amandalànan' ny Repoblika ary izany dia ao anatin' ny faritry ny fahalahana demokratika eken' izao Lalàmpanorenana izao.

Laharana II

Ny amin' ny zo sy adidy momba ny toe-karena sy sosialy ary kotoraly

And. 17. — Ny Fanjakana no mandamina ho an' ny tsirairay ny fampiasana ny zo izay miantoka ny maha-izy azy sy ny fahamen-drehany tsy ho voatohintohina, ny fivelarany feno ara-batana sy era-tsaina ary ara-pitondran-tena.

And. 18. — Adidy ombam-boninahitra ny fanefana ny fanom-poam-pirenena voaddirin' ny lalàna. Ny fanantosana izany dia tsy manembantsembana ny toerana misy ny olom-pirenena eo amin' ny asany na ny fampiasana ny zo politika ananany

And. 19. — Ny Fanjakana dia mankato ny zon' ny tsirairay amin' ny fiarovana ny fahasalamany dieny hatrany am-bohoka

And. 20. — Ny Fanjakana dia miantoka ny fiarovana ny ankohnana izay fototra voajenahary sy andrin' ny fiaraha-monina. Ny olona tsirairay avy dia manana zo hanorina ankohnana ary hamela holovain' ny taranany ireo fananany manokana

And. 21. — Ny Fanjakana dia miantoka ny fiarovana ny ankohnana mba hahazoany mivelatra tsara, toy izany koa ny reny sy ny zaza amin' ny alàlan' ny famoahan-dalàna sy ny fananganana rafitra mpiahy mifanentana.

And. 22. — Ny Fanjakana dia miezaka araka izay azony atao handray ny fepetra rehetra ilaina mba hahazoana miantoka ny fivoaran' ny tsirairay era-tsaina, ka tsy asiana famoperana izany, afa-tsy ny fahaizana sy ny fahombiazan' ny tsam-beten' olona

And. 23. — Manan-jo bianatra sy handray fanabeazana ny ankizy tsirairay avy. Amin' izany dia tompon' andraikitra ny ray aman dreny ka hajaina ny fahalahana hisafidy ananany.

Manan-jo hiofana amin' asa ny tanora

And. 24. — Ny Fanjakana dia mameetraka tanim-pampianarana tsy andoavam-bola azon' ny rehetra arahina. Ny fampianarana ambaratonga fototra dia tsy maintsy arahin' ny rehetra

And. 25. — Ny Fanjakana dia manaiky ny zon' ny olona hanokatra sekoly tsy miarkina ary miantoka ny fahalahana hanome fampianarana, iraha toa ka voahaja-ny fepetra momba ny fitandremam-pahasalamana sy ny fitondran-tena ary ny fahafahamanao takian' ny lalana.

Ny sekoly tsy miarkina dia omena zo mitovy eo amin' ny fepetra mikasika ny hetra ary ny lalana no mamestra izany.

And. 26. — Ny isam-batan' olona dia manana zo handray anjara amin' ny fainana koltoraly iveloman' ny mpiara-belona amin' ny fandrosoana entin' ny siansa sy amin' ny vokatsoa aterak' izany

Ny Fanjakana dia miantoka ny fiarovana ny lovan-tsaim-pirenena sy ny famokarana ara-tsaina ary ny fampivoarana azy ireo

And. 27. — Zo sy adidy ho an' ny olom-pirenena tsirairay ny asa sy ny fiofanana amin' ny asa.

Ny fidirana amin' ny asam-panjakana dia misokatra ho an' ny olom-pirenena rehetra tsy misy fepetra afatsy ny fahafahamanao sy ny farji-pahaizana.

And. 28. — Tsy misy olona azo lesohina tombontsoa eo amin' ny asa aman-draharaohany noho ny maha-lahy na maha-vavy azy, noho ny taonany, noho ny finoany, noho ny hevihy, noho ny fia-viany, noho ny firehan-keviny.

And. 29. — Ny olom-pirenena tsirairay dia manan-jo handray karama ara-drariny mifantentana amin' ny hatsara sy vokatry ny asa vitany, izay miantoka ho azy sy'ho an' ny ankohonany fiaina na mendrika ny haja maha-olona.

And. 30. — Ny Fanjakana dia miezaka hiahy ny filan' ny olom-pirenena rehetra izay tsy afaka miasa noho ny taonany, na noho ny kilemany ara-batana na ara-tsaina, ka izany dia hataon' ny Fanjakana indrindra amin' ny alalan' ny fananganana rafitra manana endrika sosialy

And. 31. — Eken' ny Fanjakana ny zon' ny mpiasa tsirairay hiaro ny tombontsoany amin' ny alalan' ny fitakiana sendikaly ary indrindra amin' ny alalan' ny fahalalahana hanangana sendikà.

Na ahoana na ahoanà anefa dia malalaka ny fidirana aminà sendika.

And. 32. — Ny mpiasa tsirairay avy dia manana zo, indrindra amin' ny alalan' ny solontenany, handray anjara amin' ny famaritana ireo fitsipika sy fepetra momba ny asa.

And. 33. — Ekena ny zo hanao fitokonana ka araka ny fepetra voatondron' ny lalàna no anatanterahana izany.

And. 34. — Iantohan' ny Fanjakana ny fananan' ny tsirairay zo hanana fananana manokana, tsy misy fananan' olona azo ongontana aminy raha tsy nohp ny tombontsoam-bahoaka kanefa izany dia tsy maintsy hialohavana onitra ara-drariny.

And. 35. — Afaka mandray ny fepetra ilaina ahazoany miady amin' ny asa na fihetsika mety hanimba ny tontolo iainany na mitady hanaisotra aminy ny taniny na mitady hibodo ireo kijanan' ombiny na mitady hanimba ireo harena voajanahary na ireo kolontsainy ny Fokonolona, kanefa izany fepetra izany dia tsy tokony hanohintohina ny tombontsoa iombonana sy ny filaminam-bahoaka.

Ny sehatra sy ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia fari tan' ny lalàna.

And. 36. — Ny fandraisan' ny olom-pirenena tsirairay anjara amin' ny vola'iianan' ny Fanjakana dia tsy maintsy tsikelikely no ampitomboana azy ka hotombanana arakaraka ny fahafahaný mandoa hetra.

And. 37. — Iantohan' ny Fanjakana ny fahalalahana hananga: orinasa ka ny fanajana ny tombontsoa iombonana no mameretra an' izany mbamin' ny filaminam-bahoaka sy ny tontolo iainana.

And. 38. — Iantohan' ny Fanjakana ny tsy fahafahanà manohintohina ny renivola sy ny petrabola hamokarana.

And. 39. — Ny olon-drehetra dia manana adidy hanaja ny tontolo iainany; iantohan' ny Fanjakana ny fiarovana izany tontolo iainana izany.

And. 40. — Iantohan' ny Fanjakana ny tsy fiandaniana ara-politika amin' ny fitondran-draharam-panjakana, ny foloalindahy, ny fitsarana, ny polisy ary ny fampianerana sy ny fanabeazana.

Mandray andraikitra ny Fanjakana hanangana refitra mahaleo tena hikarakara manokana ny fampivoarana sy ny fiarovana ny zon' olombelona.

FIZARANA III

NY AMIN' NY FIRAFITRY NY FANJAKANA

And. 41 — Mizara toy izao ny firafitry ny Fanjakana :

— ny fahefana mpanatanteraka izay ahitana ny Filohan' ny Repoblika sy ny Governemanta ;

— ny fahefana mpanao lalàna, izay misy ny Antenimierampirenenia sy ny Antenimierandomhololona ;

— ny fahefana mpitsara izay iandraiketan' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana, ny fitondran-draharaha sy ny fitantanambolam-panjakana, ny Fitsarana Tampony, ireo Fitsarana Ambony, ireo Fitsarana ambaratonga voalohany sy ireo sampany ary ny Fitsarana Avo.

And. 42. — Ny lalàna no mamaritra ny habetsahana sy fepetra ary fombaomban' ny tambin-karama omena izay olona voatendry hisahana andraikitra, na hamita asa, na hanantotsa iraka eo anivon' ireo Andrim-panjakana voalazan' ity Lalàmpanorenana ity.

And. 43. — Tsy misy olona voatendry hisahana andraikitra araka ny voalazan' ity Lalàmpanorenana ity mahazo mandray, ivelan' ny zony, fanomezana sy tamby na avy amin' iza na avy amin' iza olona isam-batana na olona an-kevitra ka na vahiny izany na tompon-tany, fa raha tsy izany dia aorjgana.

Ny lalàna no hametra ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo.

FIZARANA IV

NY AMIN' NY FAHEFANA MPANATANTERAKA

Laharana voalohany

Ny amin' ny Filohan' ny Repoblika

And. 44. Ny Filohan' ny Repoblika no Filoham-panjakana Amin' ny maha-ray aman-dreny azy, dia izy no mitandro ny fana jana ny Lalàmpanorenana Izy no miantoka amin' ny alàlan', ny fanelanelanany ny fizotra ara-dalànan' ireo fahefana rehetra, izy no miantoka ny fahaleovantenam pirenena sy ny maha iray tsy anombinanya ny Tanindrazana iombonana ary mitandro ny fiarohana sy ny fanajana ny fiandriónam pirenena na eto an toerana na any ivelarfy, izy no taratry ny Firaisam-pirenena.

And. 45. Fidina hiasa dimy taona amin' ny alàlan' ny latsabato mivantana ataon' ny olom-pirenena rehetra ny Filohan' ny Repoblika, indroa ihany izy no azo fidina.

And. 46. Izay olona milatsaka ho fidina ho Filohan' ny Repoblika dia tsy maintsy imizaka ny zom-pirenena malagasy hatre am-pahaterhana, ny zon' ny isam-batani olona ary ny zony arapolitika, feno efapolo taona farafahakeliny amin' ny vaninandro hametrahany ny filatsahany ho fidina

Tsy maintsy mameatra-pjalana amin' ny vaninandro mialoha ny fisokafan' ny fampielezan-kevitra ny Filohan' ny Repoblika am-perin' asa ka maniry hilatsaka ho fidina.

Ny lalana no manondro ny fepetra hafa sy ny fombafomba fanolorana ny filatsahan-kofidina.

And. 47. — Telopolo andro farafahakeliny ary enimpolo andro farafahelany alohan' ny fiafaran' ny fe-potoana itondran' ny Filohan' ny Repoblika am-perin' asa no anaovana ny filidianana ny Filohan' ny Repoblika ary ny Governemanta no manao ny fiantsoana.

Voafidy ho Filohan' ny Repoblikà avy hatrany izay mahazo antsa-sa-manilan' ny vato manan-kery amin' ny fihodinana voalohany. Raha tsy tratra izany, dia asiana fihodinana faharoa ka izay mandresy amin' ireo mpilatsaka roa hahažo vato be indrindra tamin' ny fihodinana voalohany ka nisafidianana tamin' ny fihodinana faharoa no lany ho Filohan' ny Repoblika. Ny fihodinana faharoa dia atao telopolo andro farafahelany dorian' ny fanaimbarana olisyaly ny vokatry ny fihodinana voalohany

And. 48. — Alohan' ny handraisany ny asany, ny Filohan' ny Repoblika dia manao izao fianianana manareka izao eo anoloan' ny Firenena sy eo anatrehan' ny Antenimierampirenena, ny Antenimieran-doholona ary ny Fitsarana momba ny Lalàmpanore nana izay novoriana manokana ho amin' izany.

«Eto anatrehan' Andriamanitra Andriananahary sy ny vahoaka, mianiana áho fa hanatanteraka an-tsakany sy an davany ary amim-pahamarinana ny andraikitra lehibe maha Filohan' ny Fanjakana Malagasy ahy. Mianiana áho fa hampiasa ny fahefana natolotra bhy ary hanokana ny heriko rehetra hiarovana sy hanamafisana ny firaism-pirenena sy ny zon' ôlombelona. Mianiana áho fa hanaja sy hitandrina toy ny anakandriamaso ny Lalàmpanorenana sy ny Lalàmpanjakana, hikatsaka hatrany ny soa ho an' ny vahoaka malagasy tsy ankanavaka».

And. 49. — Ny asa maha-Filohan' ny Repoblika dia tsy azo ampirafesina amina asam-panjakana na asan' ôlom-boafidy hafa, na asa hafa ankoatr' izany; tsy azo ampirafesina ihany koa amina asa hafa ao anatin' antoko politika na vondron' antoko politika.

And. 50. — Ny tsy fahafahan' ny Filohan' ny Repoblika manana ny asany intsony dia azon' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana ambara rehefa nampahafantarin' ny Antenimierampirenena azy tamin' ny alàlan' ny fanapahan-kevitra nolianian' ny roa ampatelon' ny Solombavarbahoaka mpikambanà ao amin' ny Antenimierampirenena farafahakeliny, noho ny fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana na noho ny antony hafa voamarina tsara sy voaporofa ka mahatonga azy tsy afaka hanao ny asany, intsony.

And. 51. — Azon' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana ambara ny tsy fahafahan' ny Filohan' ny Repoblika miasa vétivety rehefa nampahafantarin' ny Antenimierampirenena azy tamin' ny alàlan' ny fanapahan-kevitra nolianian' ny roa ampatelon' ahay

amin' ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin' ny Antenimierampirenena.farafahakeliny.

Fanapahana avy amin' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanore-nana no manaisotra ny tsy fahafahana vetivety. Izany tsy fahafahana miasa vetivety izany dia tsy tokony hihoatra ny telo volana faraha dila izany fe-potoana izany dia tsy maintsy ambaran' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana ny tsy fahafahana miasa intsony mihitisy.

And. 52. — Raha misy fahabangan-toerana na tsy fahafahana miasa intsony na tsy fahafahana miasa vetivety, dia ny Filohan' ny Antenimierandoholona no misahana vonjimaika ny asan' ny Filohan' ny Repoblika..

Raha misy fahabangan-toerana na tsy fahafahana miasa intsony dia ao anatin' ny fe-potoana voatondron' ny andininy faha-47 etsy ambony no atao ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika vaovao.

And. 53. — Ny Filohan' ny Repoblika no manendry ny Praiministra araka ny fepetra voalaza ao amin' ny andininy faha-90 eto ambany.

Araka ny fanolorana avy amin' ny Praiminisitra, dia manendry ny mpikambana hafa ao amin' ny Governemanta izy sy mampitsahatra; azy ireo amin' ny esany.

And. 54. — Izy no mitarika ny Filankevitry ny Minisitra.

Izy no manao sonia ny hitsivolana notapahina tao amin' ny Filankevitry ny Minisitra, araka ny toe-javatra sy ny fepetra voalazan' ity Lalàmpanorenana ity.

Izy no manao sonia ny didim-panjakana nolaniana tao amin' ny fivorian' ny Minisitra.

And. 55. — Izy no Filoha Tampon' ny Foloalindahy. Noho izany dia izy no mitarika ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovam-pirenena, izay voatondron' ny lalàna ny firefiny sy ny andreikiny. Izy no mamari tra ny fiheverana ankabobe momba ny fiarovana, eo amin' ny fivorian' io Filankevitra io, araka ny teti-pitondrana ankapoben' ny Fanjakana.

Izy no manapa-kevitra ny amin' ny fampiasana ny tafika sy ireo fitaovana ao aminy any ivelan' ny tanin' ny Repoblika, rehefa nahazo ny teny ierana avy amin' ny Filankevitra Ambony momba ny Fiarovam-pirenena sy ny Filankevitry ny Minisitra ary ny Parlementa.

Izy no manendry ireo miaramila voaantso hisolo tena ny Fanjakana Malagasy eo anivon' ny Fikambanana iraisam-pirenena.

And. 56. — Ny Filohan' ny Repoblika no manendry sy mampody ny Masoivohon' ny Repoblikan' i Madagasikara. Sy ireo alefa hamita iraka manokana any amin' ny Fanjakana sy Fikambanana iraisam-pirenena.

Izy no mandray ny taratasy fanendrena sy fampodiana ny solontenan' ny Fanjakana sy ny Fikambanana iraisam-pirenena ankatoavyn' ny Repoblikan' i Madagasikara.

Izy no mifampiraharaha sy mankatò ny fifanekena amin' ny any ivelany. Ampahafantarina azy ny fifampiraharaha rehetra handraiketana fifanekena iraisam-pirenena tsy ilàna fankatoavana.

Eo amin' ny Filankevitry ny Minisitra no anendreny ireo olona hitana ny toerana ambony ao amin' ny asam-panjakana, izay voafetran' ny lalàna ny lisitra amip' izany. Azony afindra amin' ny Praiminisitra io fahefana io.

Izy ne mampiasa avy hatrany, araka ny ilàna izany, ireo rantsamangaika mpanara-maso ny fitondran-draharam-panjakana.

Izy no manana 'fahefana hamindra fo 'amin' ireo voasazy.

Izy no manolotra ny mari-boninahitry ny Repoblikan' i Madagasikara.

And. 57. — Ny Filohan' ny Repoblika no mamoaka hampanankery ny lalàna ao anatin' ny dimy ambin' ny folo andro aorian' ny nampitan' ny Antenimierampirenena ny lalàna lany erany tante-raka. Azo hafohezina dimy andro izany fe-potoana izany raha misy hamehana ambaran' ny Antenimierampirenena.

Alohan' ny fahataperan' ireo fe-potoana ireo dia azon' ny Filohan' ny Repoblika atao ny mangataka amin' ny Antenimierampirenena fàndinlhana indray ilay lalàna na ny andininy sasantsasany ao aminy.

Raha tsy tafavoaka hanan-kery ao anatin' irep fe-potoana voalaiza eo ambony ireo ny lalàna, dia azon' ny Filohan' ny Antenimierampirenena atao ny misolo ny Filohan' ny Repoblika amin' ny famoahana izany lalàna izany.

And. 58. — Azon' ny Filohan' ny Repoblika ravana ny Antenimierampirenena araka ny tolo-kevitry ny Filankevitry ny Minisitra, araka izay voalazan' ny andininy faha-95 eto ambany.

And. 59. — Ny Filohan' ny Repoblika, eo am-pivorian' ny Filankevitry ny Minisitra, sy-rehefa nahazo ny tena ierana avy amin' ireo Filohan' ny Antenimierampirenena sy ny Antenimier-doholona ary ny Filohan' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana no manambara ampahibemaso ny fotoam-pahamaizana na ny fahalatsahan' ny firenena an-katerena; na ny fampiharana ny lalàna miaramila, mba ho fiarovàna ny Repoblika, ho fitandroana ny filaminam-bahoaka sy ny fandriampahalemana eto amin' ny tany sy ny Fanjakana na koa raha tahiny ka misy zava-mitranga mitaky ny fampiharana. izany.

Ny fanambarana ny fahalatsahan' ny firenena an-katerena dia manome fahefana manokana ho an' ny Filohan' ny Repoblika ka amin' ny alàlan' ny lalàna no hamaritana ny fara fetran' sy fahefany.

And. 60. — Ny didy rehetra ataon' ny Filohan' ny Repoblika dia iarahany manao sonia amin' ny Praiminisitra sy izay Minisitra miadidy ny fanatanterahana azy.

Laharana II

Ny amin' ny Gouvernemanta

And. 61. — Ny Gouvernemanta dia ahitana ny Praiministra sy ireo Ministrat.

Ny Gouvernemanta no manoritra sy manatanteraka ny politikam-panjakana.

Izy no mampiasa ny sampan-draharam-panjakana rehetra sy ny Foloalindahy.

Tompòn' andraikitra eo anoloan' ny Antenimierampirenena araka ny fepetra voalaza amin' ny fizarana faha-V eto ambany izy.

Ny Praiministra no Lehiben' ny Gouvernemanta.

Tendren' ny Filohan' ny Repoblika amin' ny alàlan' ny didim-panjakana, izy, araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-90 eto ambany.

Ireo mpikambana hafa ao amin' ny Gouvernemanta dia tendren' ny Filohan' ny Repoblika izay tsy maitsy mifanaraka amin' ny tolo-kevitry ny Praiministra.

And. 62. — Ny asan' ny mpikambana ao amin' ny Gouvernemanta dia tsy azo ampirafesina amin' ny fanatanterahana andraikitra nahavoafidy eo anivon' ny vahoakà na amin' izay rehetra raharaha fisoloan-tena antokon' asa, na amin' ny asam-panjakana na amin' izay rehetra fisahanana anton-drahara ha hafa handraisen-karama.

And. 63. — Mitarika ny asan' ny Gouvernemanta ny Praiministra ary tompon' andraikitra eo amin' ny fandrindrana ny asan' ireo departemantan' ny minisitera.

Izy no mampiasa volavolan-dalàna.

Izy no miantoka ny fampiharana ny lalàna.

Izy no miantoka ny fampiharana ny didim-pitsarana.

Izy no mampiasa ireo rantsa-mangaika mpanara-maso ny raharaha-panjakana sy manao izay hampandeha tsara ny sampan-draharam-panjakana, ny fitantanana araka ny tokony ho izy ny volan' ny vondrom-bahoaka sy ny an' ireo antokon-draharam-panjakana.

Izy no miantoka ny filaminam-bahoakà sy ny fitandroana ny filaminana ao anatin' ny fanajana ireo fahalalahana fotora sy ny zon' olombelona; noho izany, dia izy no mampiasa ireo hery samihafa rehetra enti-mandamina sy mitandro ny filaminana, ary miaro ny loza tsy hihatra amin' ny vahoaka no sady koa misahana ny fiarovam-pirenena.

Izy no mitarika ny Komity iraisan' ny minisitera momba ny Fiarovana izay miandraikitra ny famolavolana ny politikan' ny fiarovana eo anivon' ny Gouvernemanta. Izy no mampiasa ny fandraharahana ankapobe momba ny fiarovana. Ny lalàna no mamaritra ny fandaminana sy ny andraikitri ireo rafitra ireo.

Izy no Lehiben' ny Fitondran-draharam-panjakana; izy no manendry' ireo mpiasam-panjakana sivily sy miaramila ary koa ireo mpiasa amin' ny antokon-drahara ha miankina amin' ny Fanjakana.

Izy no mitarika ny Filankevitry ny Gouvernemanta.

Izy no miantoka ny firindran' ny fandrosoana isam-paritra.

Azony afindra amin' ny mpikambana ao amin' ny Gouvernementa ny fahefana sasantsasany izay azon' izy ireo ampitaina amin' ny hafa koa.

And. 64. — Ao amin' ny Filankevitry ny Gouvernementa, ny Praiminisitra dia :

- mandritra ny politika ankapobe arahan' ny Fanjakena ary miantoka ny fanatanterahana izany;
- manapaka ny volavolan-dalana aroso amin' ny Parlementa;
- mampiasa ny fahefana hanao didy amam-pitsipika;
- mamolayola ny teti-pivoarana ankapobe hampandrosoana ny toe-karena sy ny fiareha-monina ary ny fanajariana ny tany;
- mifampiraheraha sy manao sonia ny fanekena iraisam-pirenena izay tsy ilàna fankatoavana;
- mampiasa ny anjara fahefana hafa izay tsy maintsy hakana hevitra amin' ny Gouvernementa araka ity Lalampanorenana ity sy ireo lalàna manokana.

And. 65. — Ny didy ataoñi ny Praiminisitra dia iarahany manao sonia amin' ny Ministra miadidy ny fanatanterahana azy raha ilaina izany.

FIZARANA V

NY AMIN' NY FAHEFANA MPANAO LALANA

Laharana voalohany

Ny amin' ny Antenimierampirenena

And. 66. — Solombavambahoakan' i Madagasikara na depiote no anarana entin' ny mpikambana ao anatin' ny Antenimierampirenena.

Efatrà taona no fe-potoam-piasana ifidianan' ny olona rehetra azy ireo mivantana araka ny filatsahana ara-tarika, ka araka ny vato azo no ahazoany toerana.

And. 67. — Ny asan' ny Solombavambahoaka dia tsy azo ampiresina amin' ny tisahanana asam-panjakana, afa-tsy ny fampiarana, na izay rehetra fanatanterahana andraikitra nahavoafidy eo anivon' ny vahoaka.

Ny Solombavambahoaka voatendry ho mpikambana ao amin' ny Gouvernementa dia atsahatra avy hatrany amin' ny maha-mpikambana azy ao amin' ny Antenimierampirenena.

Foana avy hatrany rehefa mety ho fahazoana baiko hitondra teny.

And. 68. — Ny lalàna no mameatra ny isan' ny mpikambana ao amin' ny Antenimierampirenena, ny fitsinjarana toerana eran' ny tany sy ny Fanjakana sy ny fizazazaran' ny fari-pifidianana ary ny fombafomba fifidianana. Izy koa no mameatra ny fepetra ahafahana milatsaka ho fidiana, ny asa aman-drahahaha tsy azo ampiresina amin' ny maha-solombavambahoaka, ny fepetra mikasika ny fa-

nonganana azy ireq mbamin' izay fomba hifidianana ny olona asaina hisolo azy reha sendra misy ny fahabangan-toejanana; mandra-panavaozaña ny Antenimierampirenena.

And. 69. — Tsy misy Solombavambahoaka azo torina, na enjehina, na samborina, na ampidirina am-ponja na tsaraina noho ny hevitra naposany, na noho ny latsâbato nataony teo am-panaovanana ny raharahany.

Tsy misy Solombavambahoaka azo enjehina na samborina, mandritra ny fotoam-pivoran' ny Antenimierampirenena, amin' ny râharaha mikasika ny ady heloka bevava na ady heloka tsotra reha tsy nahazoan-dâlana tamin' ny Antenimierampirenena, raha tsy hoe tratra ambodiomby izy.

Tsy misy Solombavambahoaka azo samborina ivelan' ny fotoam-pivoriana, raha tsy nahazoan-dâlana tamin' ny biraon' ny Antenimierampirenena misy azy afa-tsy raha tratra ambodiomby izy na nahazoan-dâlana honejehina na voaheloka tanteraka.

Ny tsirairay avy dia afaka manao fitarainana any amin' ny biraon' ny Antenimierampirenena, momba ny tsy fahavitan' ny Solombavambahoaka iray ny asa nankinina taminy na momba ny, fihetsika tsy mety nataony. Tsy maintsy manome valiny haingana momba izany ny biraon maharitra.

And. 70. — Fidina eo amin' ny fiandohan' ny fotoam-pivoriana voalohany, ny Filohan' ny Antenimierampirenena sy ny mpikambana ao amin' ny biraon, ka mandritra ny faharetan' ny fotoana ifidianana azy no maha-Filoha sy biraon azy ireo.

Raha misy antony lehibe neverin' ny roa ampahatelon' ny Solombavambahoaka ny mahamety izany dia azo soloina ny Filoha na ny mpikambana ao amin' ny biraon' ny Antenimierampirenena.

And. 71. — Mivory ara-potoana tsy misy fepetra indroa isantaoña ny Antenimierampirenena. Tsy azo atao latsaky ny enimpolo andro na mihoatra ny sivifolo andro izany.

Manomboka ny telata voalohan' ny volana mey ny fotoam-pivoriana voalohany, fa ny telata faran' ny volana septambra kosa no fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra handaniana ny lalana itantanana ny volam-panjakana.

And. 72. — Ny Filohan' ny Repoblika, amin' ny alâlan' ny didim-panjakana raisina amin' ny filankevity ny Minisitra, sy ny Filohan' ny Antenimierampirenena amin' ny alâlan' ny fiantsoana, vokatry ny fangatahan' ny ampahatelon' ny mpikambana, dia samy mahazo mangataka fivoriana, tsy ara-potoana ataon' ny Antenimierampirenena araka ny fandaharan-draharaña voafetra.

Tsy mihoatra ny roa ambin' ny folo andro ny fotoam-pivoriana. Nà izany aza, raha vantany vao tapitra nodinihin' ny Antenimierampirenena ny fandaharan-draharaña niantsoana azy, dia faranana amin' ny didim-panjakana ny fivoriana.

And. 73. — Ampahibemaso ny fivoriana ataon' ny Antenimierampirenena. Anaovana fitanana an-tšoratra izay hayoka ho fantetry ny basinimaro araka ny fepetra voalazan' ny lalana.

Mivory tsy ampahibemaso ny Antenimierampirenena raha toa angatahin' ny Governemanta na ny ampahefatra ny mpikambana ao eminy.

And. 74. — Ny Antenimierampirenena vaovao dia mivory tsy ara-potoana tsy misy fepetra, ny talata faharoa manaraka ny fanambarana ny vokatry ny fifidianana azy mba hanangana ny biraony sy hifidy ny Praiminisitra vaovao. Tsy mifarana ny fivoriana raha tsy efa nankatoaviny na voatendry ny Praiminisitra vaovao.

And. 75. — Ny fitsipika mifehy ny fandaminana ny Antenimierampirenena dia tondroin' ny lalàna eo amin' ny fotokevitra ankapobeny sy tondroin' ny fitsipika anatin' eo amin' ny fampiharana azy.

Laharana II

Ny amin' ny Antenimieran-doholona

And. 76. — Loholona na Senateran'i Madagasikara no anarana entin' ny mpikambana ao eminy ny Antenimieran-doholona. Efa-taona ny fe-potoana iasany.

And. 77. — Ny ao anatin' ny Antenimieran-doholona dia ahitana ny roa ampahatelony, mambra voefidin' ireo solontena nofida tao amin' ny Vondrom-bahoakam-paritra ka mitovy ny isany isaky ny fari-pifidianana; ny iray ampahatelony dia 'mambra solontenán' ireo hery momba ny toe-karena, sosialy, koltoraly ary ny antokom-pinoana izay natolotry ny fikambanana sy fivondronan' olona mijoro ara-dalàna ka tendren' ny Filohan' ny Repoblika.

Ny cse maha-Senatera dia tsy azo ampirafesina amin' ny asa maha-Solombavambahoaka.

And. 78. — Havaozina isaky ny roa taona ny antsasaky ny mpikambana ao eminy ny Antenimiera-doholona amin' ireo sokajy roa ireo.

Ny lalàna no manondro ny fitsipika mifehy ny fomba fiasany, ny olona ao-anatin' sy ny fomba anendrena ny mpikambana ao aminy.

And. 79. — Mandinika ny volavola sy ny tolo-dalàna rehetra ny Antenimieran-doholona.

Tsy maintsy akan' ny Governemanta hevitra izy momba ny toe-karena sy ny sosialy ary momba ny fandaminana ny faritra.

And. 80. — Mivory tsy misy fepetra mandritra ny fivorian' ny Antenimierampirenena ny Antenimieran-doholona.

Azon' ny Governemanta atao koa ny miantso azy hiatrika fotoam fivoriana manokana. Ny fandaharam-potoanany amin' izany dia voafetran' ny didim-panjakana fiantsoana.

Rehefa tsy mivory ny Antenimierampirenena dia tsy afaka mandinika afa-tsy ny raharaha nangatahan' ny Governementa ny heviny izy ka tsy tafiditra amin' izany ny volavola-dalana.

And. 81. — Mihatra amin' ny Antenimieran-doholona ny fepetra voalazan' ny andininy faha-68, 69, 70, 71, 73 ary 75.

Laharana III

Ny asa fanaovan-dalana sy ny fitandraisan' ny Governementa sy ny Parlementa

And. 82. — Ny lalana dia tanian' ny Parlementa araka ny fepetra vnatondron' ity fizarana ity. Ny Parlementa dia ny Antenimierampirenena sy ny Antenimieran-doholona.

Ankoatra ireo antoré-javatra ampisahanin' ny andininy hafa amin' ny Lalampanorenana azy dia:

I. Ny lalana no mameatra ny fitsipika mikasika:

- ny zon' ny olom-pirenena sy ny antoka fotora omena ny tsirairay sy ny vondroq' olona ho amin' ny fampiasana ny zo amam-pahalelahana;
- ny zom-pirenenena sy ny maha-olom-pirenena;
- ny loloha takian' ny fiarovam-pirenena amin' ny vatan-tenan' ny olom-pirenena sy ny fananany;
- ny fandaminana ny fianakaviana, ny sata sy ny fizakan-jon' ny isam-batan' olona, ny fehin' ny fanambadiana, ny fandovana sy ny fanomezana, ny fandraisana sy ny firaketana an-dalana ireo fomba amam-panao mikasika ny satan' ny isam-batan' olona;
- ny fananganana rafi-pitsarana vaovao sy ny fahefana tandrify azy avy, ny fandaminana ny rafi-pitsarana momba ny ady amin' ny Fanjakana sy ny rafi-pitsarana momba ny fitantanam-bolam-panjakana, ary ny paik' ady mikasika azy ireo, ny fitsipika mikasika ny paika tsy maintsy arahina amin' ny ady madio sy amin' ny rahraham-barotra, ny sata mifehy ny mpitsara sy ny antoky ny fahaleovantenanay;
- ny famaritana ny heloka bevava sy ny heloka tsotra, ny sazy ampiharina amin' izany, ny paik' ady heloka ary ny famotsoran-keloka;
- ny fifehezana ny fananana sy ny fizaka-manana azy ary ny fepetra ahazoana manaisotra amin' ny tompony ny fananany na ny fampiasana azy tsy azo lavina noho ny filan' ny besinimaro na ny famindrana ny fitompoana azy amin' ny Fanjakana;
- ny fananganana antokon-drahraham-panjakana isan-tsokajiny;
- ny fombafombam-pittidianana any amin' ny vondrom-bahoakam-paritra, ny fandaminana, ny fahefana sy ny loharonom-bolany, ny fifandraisany amin' ny Fanjakana;
- ny famindram-pananan' orinasam-panjakana amin' ny olontsotra;

— ny fifehezana ny famoaham-bola.

II. Ny lalàna no mamaritra ny foto-kevitra ankapobe, momba :

— ny fandaminana ny fiarovam-pirenena sy ny fampiasan' ireo tahefana sivily, ny tafika-sy ny hery mpitandro ny filaminana; ny sata mifehy ny miaramila sy tsy fironany na amin' ny atsy na amin' ny aroa;

— ny sata mifehy ny mpiasam-panjakana sy ny mpandrahara-ham-panjakana;

— ny sata mifehy ny mpampianatra sy ny mpikarcka eo amin' ny fampianarana ambony;

— ny sata mifehy ny polisim-pirenena;

— ny sata mifehy ny mpandraharahan' ny fonja;

— ny adidy fanefa amin' ny raharaha sivily sy amin' ny raharaha ham-barotra;

— ny fifampitondrana ara-dalàna eo amin' ny fifandraisan' ny mpampiasa sy ny mpiasa sy ny zo zakain' ny sendikà ary ny zo hitokona;

— ny fampianarana sy ny fiofanana amin' ny asa amandraharaha;

— ny fandaminana ny asa aman-draharaha mahaleotena;

— ny fiarovana ny tontolo iainana.

III. Ny lalàna no mamertra ny fototra amerena ny hetra isankarazeny, ny lanjany ary ny fomba famoriana azy.

Ny lalàna fitantanam-bolam-panjakana no mamaritra ny vola miditra 'amin' ny Fanjakana sy ny tsy maintsy efainy ary ny fidandanjaña ara-bola takian' izany; io lalàna io dia iadian-kevitra sy taniana araka ny fepetra voatondron' ny andininy faha-88 eto ambony.

IV. Ny lalàna drafitr' asa no mamaritra ny zava-kendren' ny Fanjakana amin' ny firotsahany amin' ny asa momba ny toe-karena, sosialy ary ny fanajariana ny tany.

V. 'Fahefan' ny Parlementa irery ihany ny fahazoana mamaky syd amin' ny firenen-kafa.

VI. Ny fahalatsahan' ny firenena an-katerena dia ambaran' ny Filohan' ny Repoblika amin' ny alalan' ny didim-panjakana, araka ny voalazan' ny andininy faha-59 etsy ambony; ny fanalavana azy mihoatra ny dimy amin' ny folo andro dia mitaky-fahazoan-dàlana avy amin' ny Parlementa.

VII. Ny lalàna no mamaritra ny fameperana ny fahalalahant ny besinimaro sy ny isam-bafan' olona mandritra ny fotoana isian' ny toe-javatra manokana.

VIII. Tsy maintsy lalàna no manome alàlana hanamafisana na hankatoavana ny fifanekem-pihavanana, ny fifanekem-barotra na fifanarahana na fifanekera mikasika ny fandaminana ny rafitra iraisam-pirenen-tsamihafa, ireo izay mampiditra andraikitra hoefaina amin' ny volam-panjakana, ireo izay manova ny fepetra miendrika lalàna, ireo izay mikasika ny fitoetry ny olona, ny fifane-

kena tsy hifanafika, ireo izay misy famindran-tempo, filanakelo-zana na fakana tany fanampiny.

Alohan' izay rehetra fanamafisana atao, dia atolotry ny Filohan' ny Repoblika ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana ireo fifa-kena mba hohamarininana raha mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana. Raha sendra tsy mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana izy ireny, dia tsy azo atao ny fankatoavana raha tsy aorian' ny fanitsiana ny Lalàmpanorenana izy ireny.

And. 83. — Ny anton-javatra hafa tsy tafiditra ao amin' ny faritra sahanin' ny lalàna dia mifandraika amin' ny didy amam-pitsipika. Izay rijan-teny miendri-dalàna noraisina momba ireny anton-javatra ireny dia azo ovana amin' ny alalan' ny didim-panjakana izay havoaka rehefa milaza ny heviny ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana.

Rehefa manan-kery ity Lalàmpanorenana ity, ireo fepetra miendri-dalàna mety ho raisina dia tsy ho azo ovana amin' ny alalan' ny didim-panjakana raha tsy nambaran' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana fa miendrika didy amam-pitsipika izy araka ny voalazan' ny andalana étsy-ambony.

And. 84. — Samy manam-pahefana hanolotra volavolan-dalàna na ny Praiministratia na ny mpikambana ao amin' ny Parlementa.

Ny tolo-dalàna sy ny fanitsiana atolotry ny mpikambana ao amin' ny Antenimiera dia ampahalalaina ny Governementa izay manome ny fanamarihany ao anatin' ny telopolo andro.

Rehefa tapitra izany fe-potoana izany dia miroso amin' ny fandinihana ny tolo-dalàna sy ny fanitsiana ny Antenimiera mba handaniana azy.

Tsy azo raisina izy ireny raha miteraka fampihenana ny fampidiram-bolam-panjakanà na famoronana na fampitomboana ny vola mivoaka amin' ny Fanjakana no vokatry ny fandaniana azy, afatsy ny mikasika ny lalàna mifehy ny fitantananam-bola.

Raha tsapa mandritra ny fizotry ny fanaovan-dalàna fa tsy tafiditra ao amin' ny faritra fehezin' ny lalàna ny tolo-dalàna sy ny fanitsiana, dia afaka manambara ny tsy fahazoana mandray azy ny Governementa.

Raha misy ny tsy fifanarahana eo amin' ny Governementa sy ny Antenimierampirenena na ny Antenimieran-doholona momba izany, dia mamoaka didy ao anatin' ny valo andro ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana raha toa ka mangataka izany ny iray amin' ireo.

And. 85. — Ny fandaharan' aisan' ny Parlementa dia ahitana fiadian-kevitra momba ny volavolan-dalàna natolotry ny Praiministratia, araka ny laharam-pahamehana sy ny filaharana notapahin' ny Governementa.

And. 86. — Ny volavolan-dalàna sy ny tolo-dalàna rehetra dia dinihin' ny Antenimiera nandray azy voalohany vao ampitaina any amin' ny Antenimiera ankilany.

Ifandimbiasan' ny Antenimiera roa tonta ny ady hevitra mandrasian' ny fandaniana rijan-teny tokana.

Raha toa ka tsy nety lany ny volavolan-dalàna na tolo-dalàna iray rehefa novakian' ny Antenimiera tsirairay indray ka nisy tsy fifanarahan-kevitra tamin' izy roa tonta na rehefa novakian' ny Antenimiera tsirairay indray mandeha rehefa nanambara ny fisian' ny hamehana ny Governemanta, dia afaka mandray fanapahan-kevitra ny Praiminisitra hamory vaomiera ikambanana isasahana izay ampiandraiketina fanolorana rian-teny momba ireo fepetra mbola iadian-kevitra. Ny rian-teny novolavolain' io vaomiera ikambanana io dia azon' ny Governemanta atolotra ny Antenimiera, roa tonta mba hankatoavina. Tsy misy fanitsiana azo raisina raha tsy nahazoana ny Faneken' ny Governemanta.

Raha toa ka tsy afaka mandany rian-teny lombonana ny vaomiera na tsy nolaniana araka ireo fepetra voalaza eo amin' ny andininy eo ambony ilay rian-teny, dia afaka mangataka ny Antenimierampirenena ny Governemanta handray fanapahan-kevitra farany.

And. 87. — Ny Governemanta, izay manamby ny andraikiny araka ny fepetra voalazan' ny andininy feha-91 etsy ambany, dia afaka mitaky amin' ny Antenimiera tsirairay mba hanapa-kevitra avy amin' ny alalan' ny latsabato tokana mikasika ny fepetra manontolo na ampahany voalazan' ny rian-teny iadian-kevitra.

— mandritra ny fivoriana tsy ara-potoana raha toa ka voatolotra valo amby efapolo ora mialoha ny fisokafan' ny fivoriana ireo rian-teny ireo;

— ao anatin' ny valo andro mialoha ny fifaranan' ny fivoriana ara-potoana tsirairay avy.

And. 88. — Mandritra ny fivoriana 'ara-potoana faharoa no andinian' ny Parlementa ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana.

Ny Minisitra miandraikitra ny Tetibolam-panjakana dia manomana ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana izay lanian' ny Filankevity ny Governemanta, eo ambany fahefan' ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta, no anaovany izany

Manana fe-potoana enimpolo andro raha kelyindrindra ny Parlementa handinihana izany.

Manana fe-potoana telopolo andro farafahelany manomboka eo amin' ny fotoana nanolorana ny volavolan-dalàna taminy ny Antenimierampirenena mba hamakiany sy handinihany azy am-boalo-hanly. Rehefa tsy naneho ny heviny tao anatin' izay fe-potoana izay izy, dia heverina ho toy ny efa nandany azy sahady ka dia atolotra ny Antenimieran-doholona, indray ilay volavolan-dalàna.

Araka ny fepetra efa voalaza, dia manana fe-potoana dimy ambin' ny folo andro manomboka eo amin' ny fampitana azy ilay volavolan-dalàna koa ny Antenimieran-doholona mba hamakiany azy am-boalo'hany; ary ny Antenimiera tsirairay dia samy manana fe-potoana dimy andro hanaovany ny famakiana azy manaraka.

Raha misy iray amin' ireo Antenimiera tsy maneho ny heviny tao anatin' ny fe-potoana voatondro dia neverina ho toy ny efa nanome ny fanekeny ilay rian-teny natolotra hodinihiny izy.

Raha tsy nolania ny Parlemanta alohan' ny fivoriania faharoa ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana, dia azo ampiharina avy hatrany ireo fepetra voalazan' ilay volavolan-dalàna ka amin' ny alalan' ny hitsivolana no hanaovana izany, ary azo ampidirina eo, izay fanitsiana neken' ny Antenimiera roa tonta.

Izay fanitsiana.rehetra natao tamin' ilay volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana ka niteraka fitomboan' ny fandaniana na fihenan' ny loharanom-bolam-panjakana dia tsy maintsy ampiarahina amin' ny tolo-kevitra ampitomboana ny vola miditra na ampihenana ny vola mivoaka mitovy lanja amin' izany.

Ny jalàna no mamaritra ny fomba fandaniana ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana

Raha tsy voatolotra ara potoana mba havoaka hanan-kery alohan' ny fiantombohan' ny taom-pitantanana, ny volavolan-dalàna momba ny fitantanam bolam-panjakana amin' io taom-pitantanana io, dia mangataka alalana amin' ny Parlemanta ny Governemanta mba ahazoany mitaky hetra ary manokatra amin' ny alalan' ny didim-panjakana ny sorabola voatokana ho amin' ireo fandaniana lany latsabato teo aloha

And. 89. — Amin' ny alalan' ny fanambarana tsy arahin' adi-hevitra no ifandraisan' ny Filohan' ny Repobliku amin' ny Parlemanta.

And. 90. — Isaky ny fiantombohan' ny fe-potoana-nahavoafidy azy na raha misy fampitana pialana ataon' ny Governemanta na noho ny antony hafa mahabanga ny toeran' ny Praiminisitra, ny Antenimierampirenena no manendry ny Praiminisitra avy amin' ireo mambra ao aminy na ivelan' ireo mambra ao aminy ka izay mahazo vato be indrindra no lany, ary izany dia ao anatin' ny fe-potoana fito andro manomboka amin' ny vaninandro fisokafan' ny fivoriana manokana ataony na manomboka amin' ny vaninandro ahitam-pototra ny fahabangan-toerana

Ao anatin' ny dimy ambin' ny folo (15) andro nahalany azy, ny Praiminisitra dia manolotra amin' ny Antenimierampirenena ny fandaharan' asan' ny politika ankapobe arahiny.

Ny fankatoavam-pahefana dia azony amin' ny alalan' ny lat sabato misfina ka ny antsasa-manilan' ny mambra ao amin' ny Antenimierampirenena no mandray azy. Ny tsirairay mihitsy no maneho ny safidiny amin' ny latsabato ary tsy azo afindra amin' olon-kafa izany. Ny Filohan' ny Repoblika no manendry ny Praiminisitra nahazo ny fankatoavam-pahefana tamin' ny Antenimierampirenana. Rehefa tsy misy fanendrena natao tao anatin' ny fe-potoana folo andro, dia manan-kery avy hatrany ny fankatoavana ny Praiminisitra nataon' ny Antenimierampirenena

Raha sendra misy fandavana ny fankatoavam-pahefana, dia manana fè-potoana fito andro raha be indrindra ny Praiminisitra voatendry mba hanolorany fandaharan' asa vaovao izay holaniana araka ny fepetra mitovy amin' ny tetsy aloha ihany. Raha sendra misy fandavana vaovao indray momba ny fankatoavam-pahefana na raha sendra tsy nahavita ny fividiahana ny Praiminisitra na ny fankatoavam-pahefana azy ny Antenimierampirenena, na inona na inona antony, ao anatin' ny telopolo andro manomboka ny vaninandro fisokafan' ny fivoriana manokana ataony na manomboka ny vaninandro ahitam-potora ny fahabangan-toeran' ny Praiminisitra, dia ny Filohan' ny Repoblikà no manendry mivantane ny Praiminisitra vaovao. Amin' izany tarehin-javatra izany, ny latsabato fametrahama-pitokisana dia tsy azo atao mihitsy raha tsy amin' ny fotoana fanaovana ny tatitra isan-taona voatondro ao amin' ny andininy faha-92 etsy ambany.

And. 91. — Rehetra iany ny fandaharan' asan' ny politika ankapobeny dia tsy azon' ny Antenimiera iverenana intsony.

Na izany aza anefa, raha tsapan' ny Gouvernemanta eo am-pantanterahana ny asa, fa misy fanovahă fototra tokony hatao amin' io fandaharan' asa io, dia atolotry ny Praiminisitra holanian' ny Antenimierampirenena izany fanaovana izany.

Rehefa niara-nanapa-kevitra tamin' ny Gouvernemanta ny Praiminisitra, dia azony atamby andraikitra ny Gouvernemanta amin' ny fametrahana fangataham-pitokisana.

Tsy azo atao ny mandatsa-bato raha tsy afaka valo amby efapolo ora aorian' ny nametrahana ny fangataham-pitokisana. Raha toe ka ny androatokon' ny mpikambana ao amin' ny Antenimierampirenena no, mitsipaka ny fangataham-pitokisana dia mamétraka ny fialany amin' ny Filohan' ny Repoblika ny Gouvernemanta.

Mifidy Praiminisitra vaovao indray ny Antenimierampirenena mba hananganana Gouvernemanta vaovao araka ny fepetra tondroin' ny andininy faha-90 etsy ambony.

And. 92. — Eo amin' ny fivoriana ara-potoana voalohany no anoloran' ny Gouvernemanta amin' ny Antenimierampirenena ny tatitra momba ny fanatanterahany ny fandaharan' asany.

Pour la composition du Comité de redressement économique et social, les deux co-présidents, en consultation avec les représentants de la Primature, du MMSM et du FFKM, définissent les critères et principes objectifs qui président aux choix des membres. Il sera tenu compte d'une recherche d'équilibre pondéré dans la représentation des différentes mouvances et des différentes régions.

Fait à Antananarivo, le 31 octobre 1991

*Le Chef du Gouvernement
des Forces Vives, p.i.*

Le Premier Ministre,
Pour le FFKM,
Pour les Forces Vives,
Pour le MMSM.

HITSIVOLANA LAHARANA PAHA-80-001
anaovana ny satam-pitondrana ankapobe ny antoko na fikambanana
politika

Ny Filohan' ny Repoblika Demokratika Malagasy,

Araka nà Lalàmpanorenana,

Araka ny fanapahanà laharana faha-1-HCC/D. 3 tamin' ny
, 9 marsa 1990 nataon' ny Fitsarana Avò momba ny Lalàmpanorenana,

Dia niamoaka izao hitsivolana izao.

FEPETRA ANKAPOSE

Andininy voalohany. — Voafaritra ao amin' ny andininy faha-8 amin' ny Lalàmpanorenana fa ireo teratany mizaka tanteraka ny zon' olom-pirenena, dia mahazo miforona an-kalalahana ho antoko na fikambanana politika araka ny fitsipika demokratika.

Izao hitsivolana izao no manondro ny satam-pitondrana ankapobe ny antoko na fikambanana na fitambaran' antoko sy ny mety ho fitambarany.

And. 2. — Ny antoko na fikambanana politika dia fivondronan' olona maromaro izay manana tanjona iraisana ka miara-miara ho fandraisana anjara amin' ny fainana ara-politika amin' ny fomba demokratika sy mitandro ny fandriampahalemana.

Ny fikambanana miray dia, vondrona na fikambanana manana endrika ara-toekarena, ara-tsosialy na ara-kolontaina izay manapakevitra hiray dia amin' ny antoko na fikambanana politika iray. Tsy maintsy manaraka ny fepetra voafaritry ny fitsipi-pitondrana io antoko na fikambanana politika io izy.

Ny fitambaran' antoko dia ny fivondronan' antoko na fikambanana politika roa na maromaro miorina àra-dalàna ary mitovy firehan-tsaina sy manana tanjona iraisana.

Iantohan' ny lalàna ny futòvian-jon' ny antoko na fikambanana na fitambaran' antoko politika.

And. 3. — Ny teratany malagasy rehetra, na lahy na vavy, mizaka ny zon' olom-pirenena sy feno 18 taona raha kely Indrindra, dia mahazo milatsaka an-kalalahana amin' ny antoko na fikambanana politika iray araka ny fepetra voalakan' izao hitsivolana ixao.

Ny tanora latšaka ny 18-taona dia mahazo miditra amin' ny rafitra anankiray manokana anatin' ny antoko na fikambahanana politika mba hitaizana azy ireo ho olom-pirenena sy hijoro ara-poto-keyitra.

FEPETRA MOMBANA NY FANORENANA SY FANDAMINANA

And. 4. — Ny fanorenana antoko na fikambahanana politika, dia tsy entina hanohintobina ny firaism-pirenena, ny fandrianan-pirenena, ny maha-ray tsy mivaky ny tany sy ny fanjakana ary tsy ho antony mahatonga velively fanavakavahana ara-poko, na ara-piranana na ara-pindana.

And. 5. — Ny antoko na fikambahanana politika rehetra dia ahitana ny rantsa-mangaika foibe sy sampâna isam-paritra na minokana. Ny foiben-toerana dia tsy maintsy eto amin' ny tanim-pirenena.

Afaka manao kongresy na favoriambe na favoriana mifanaraka amin' ny didy aman-dalana manan-kery sy ny fepetra voatâkitra ao amin' ny fitsipi-pitondrana izy.

Amin' ny alalan ireo fikambahanana miray dia atinny, dia afaka misahaña asa ara-toe-karena, na arâ-tsealaly na ara-kolontsaina izy.

And. 6. — Ny fananganana antoko na fikambahanana politika iray dia tsy maintsy anaovana fanambarana an-tsoratra atao' ny mpanorina azy, apetrika na alefa any amin' ny :

— ministera miandraikitra ny Atitany, raha mikasika ny rantsa-mangaika foibe na ireo fikambahanana miray dia;

— filohan' ny komity mpanatanteraky ny Fivondronampokontany, raha mikasika ireo sampâna.

Io fanambarana io dia tsy maintsy apetraka na alefa iay amin' ny manampahiefâna tonipon' andraikitri ao anatin' ny fe-potoana 15 andro manomboka amin' ny vaninandro nifaranan' ny favoriana fananganana ny rantsa-mangaika foibe na ny fikambahanana miray dia, 30 andro io fe-potoana io ho an' ny sampâna.

Raha alefa amin' ny paositra, dia ny fitomboky ny paositra no manamarina izany.

And. 7. — Tsy maintsy atao tovâna amin' ny fanambaranana fano-renana ny rantsa-mangaika na ny fanambaranana firaism' ny

fikambahanana miray dia ireto antontan-taratasy ireto ary anaovana. matoan-tsoratra sy sosony dimy :

a. Ny fitsipi-pitondrana izay tsy maintsy manondro mazava ;

- ny anarana entin' ilay antoko na fikambanana politiki na fikambanana miray dia;
- ny anton-javatra kendreny;
- ny toerana misy ny foibeny;
- ny fitsipi-panorenana sy fomba fiasan' ireo rantsa-mangaika azy eo aman' ny fitondrana sy ny fitantanana ny raharahan;
- ny fepe tra ahazoana mandray ny mpikambana sy mandroaka azy;
- ny fombafomba amoriana ny kongresy na ny fivoriambe;
- ny fepe tra ahazoana manova ny fitsipi-pitondrana;

b. Ny fitanana an-teoratra ny fivoriambe nanorehana ny fikambanana,

d. Ny lisitr' ireo mambra miandraikitra ny fitondrana sy ny fitantanana ny raharahan' ilay antoko na fikambanana politika; any amin' ny lambaratongan' ny rantsa-mangaika foibe na ny an' ny fikambanana miray dia, miaraka atmin' ny :

- anarany sy ny fanampin' anarany;
- ny vaninandro sy ny toerana nahatrahany (Fokontany, Fitaisana, Fivondronana);
- ny fiankohonany;
- ny asa aman-drahara ha atao ny;
- ny fonenany;
- ny laharana sy ny vaninandro ary ny toerana nanomezana ny kara-panondrom-piremeny;
- ny raharaha atao ny so anan' ilay antoko na fikambanana politika, na so aman' ilay fikambanana miray dia;
- ny sonia voamarina eo anatrehan' ny lalana.

Ho an' ny fikambanana miray dia, dia ampiana, ireto taratasy manaraká ireto :

e. Ny kopian' ny fanomezan-dalana hanorina ilay fikambanana misahana asa ara-ekonomika, sosialy na ara-kolontsaina;

f. Ny taratasy fanamarinam-piraisana nomen' ny mpitondra ny rantsa-mangaika foiben' ny antoko na fikambanana politika.

And. 8. — Tsy maintsy atovana ny fanambarana ananganana sampana iray :

- a. Ny fitsipi-pitondrana ilay antoko na fikambanana politika izay iraisany;
- b. Ny kopian' ilay tapakila nanaovana ny fanambarana fano-renana nomena an' ilay rantsa-mangaika foibe;

d. Ny fanondroana ny faritra iadidian' ny sampana na ny sokajy manokana;

e. Ny lisitry ny mambra miandraikitra ny fitoadrana ny sampana sy ny fitantanana ny raharahanay miraka amin' ny :

— anarany sy fanzopin' anarany;

— ny vaninandro sy ny toerana nahaterahany (Fokontany, Firaisaha, Fivondronana);

— ny fiankohomany;

— ny asa aman-draharaha ataony;

— ny fomenany;

— ny laharana sy ny vaninandro ary ny toerana nanomezana ny kara-panondrom-pireneny;

— ny raharaha ataony ao amin' ilay sampan' ny antoko na fikambanana politika;

— ny sonia voamarina eo anatrehan' ny lalana;

f. Ny taratasy fanamarinam-piarahana nomen' ny mpitondri ny ny rantsa-mangaika foiben' ny antoko na fikambanana politika.

Ireo antontan-taratasy ireo dia tsy maintsy atao sosony telo.

And. 9. — Soratan' ny mpanampahefana tompon' andraikitra ao amin' ny rejisitra voatokana ho amin' izany ny fanambarana natao ary tsy maintsy anomezany tapakila manamarina ny naharaisana azy ao anatin' ny valo endro.

And. 10. — Tsy misy na iza na iza azo fidina ho mpitondra antoko na fikambanana politika anankiray na ny iray amin' ny sampana miray aminy, raha tsy manana ny zoma-pirenena malagasy sy raha tsy mizaka tanteraka ny zon' olom-pirenena no sady feno 21 taona raha kely indrindra.

Na izany aza anefa, ireo olom-pirenena feno 18 taona katroka, dia azo ampiandraiketina ny fitantanana-draharaha an-tokantranon' ny fikambanana.

And. 11. — Ny antoko na fikambanana politika rehetra uansovana fanambarana ara-dalana dia mahazo :

— mampaka-draharaha eo anatrehan' ny fitsarana;

— mandray fanomezana sy tolo-pananana ary ny latsakemboka ataon' ny mpikambana ao aminy;

— mividy, mitana ary mitantana sy mampiasa fanana-manafaka sy fanana-mitoetra izay ilainy amin' ny zava-kendreny ka heveriny atao.

And. 12. — Ny antoko tsirairay miorina avy amin' ny fampihara-
rana izao hitsivolana izao, dia manana zo amin' ny fiarovana ny ana-
rana entiny ny mari-panevahans ezy, ny lokon' ny antokony ary ny
samantarana hafa mampiavaka azy.

And. 13. — Ny rantsa-mangaika feibe misididy ny fitondrana
ny antoko na fikambanana politika sy ny an' ny fikambanana miray
dia, dia tsy maintsy mampahafantatra ny minisitera miandraikitra ny
Atitany, ao anatin' ny fe-potoana iray volana, izay fiovana rehetra
mitranga eo amin' ny fitondrana, na ny fitantanana-draharahany
mbamin' izay fanovana rehetra atao amin' ny fitsipi-pitondeany.

And. 14. — Ny rantsa-mangaika ny fitondrana ny sampana isam-
paritra na ny sokajy manokana, dia tsy maintsy mampabala-
ny filohän' ny komity mpanganteraky ny Fivondronampokontany
ao anatin' ny fe-potoana iray volana, ny fiovana rehetra mitranga
eo amin' ny fitondrana azy na ny fitantanana ny raharahan.

And. 15. — Ireo fanambarana mikasika ny fanorenana ny
rantsa-mangaika foiben' ny antoko na fikambanana politika, dia
hampahafantarina' ny Fitondram-panjakana ny besinimaro amin' ny
alalan' ny famoahana ao amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika,
ny tsoa-tsortatra avy amin' ireo fanambarana ireo izay milaza mazava
ny anarana entin' ilay antoko na fikambanana politika, ny toerana
misy ny foibeny, ny anton-javatra kendreny ary ny vaninandro nano-
mezana ny tapakila manamarina ny naharaisana azy ary izany dia ao
anatin' ny rož volana mianaraka ny fanomezana ny tapakila manama-
rina ny naharaisana ny fanambarana na ny fametrahana ny fanitsiana
yoalazan' ny andininy faha-17 etsy ambany, araka ny fisehoan-javatra.

Mitovy amin' izany fepetra sy fe-potoana izany koa no tsy maintsy
ampahafantarina ny besinimaro ny fanovana sy fiovana mikasika ny
anarana iantsoana ny antoko na fikambanana politika, na ny toerana
misy ny foibeny, na ny zava-kendreny; izany dia tsy azo ampi-
harina amin' ny hafa raha tsy manomboka amin' izay andro namoa-
hana azy.

And. 16. — Ny fitambaran' antoko na fikambanana politika
tondroina eo amin' ny andininy faha-2 ao amin' izao hitsivolana izao,
dia tsy maintsy mameetraka any amin' ny minisitera miandraikitra ny
Atitany ny fitsipika an-tokantranony izay atao sosony telo, ka ao
anatin' ny fe-potoana iray volana manemboka amin' ny vaninaydre
nanorenana azy no anaovana izany.

Ny soratra nenti-nanorina izany mbamin' ireo fanovana na fiovana
natão tam'in' ny fitsipika an-tokantranano, dia tsy maintsy ampa-
hafantarina ihany koa ny minisitera miandraikitra ny Atitany ao anatin
ny valo andro.

MOMBA NY FANARAHAMA-SO SY IREO FAMAIZANA

And. 17. — Aorian' ny fanomezana ny tapakila nanaovana ny fanambarana fanorenana, dia hamarinin' ireo manam-pahefana tompon' andraikitra raha toa ka feno ireo fepetra voalazan' ny lalana.

Ny tsy ara-dalana hita fototra, dia ampahafantarina ny antoko na ny fikambanana politika ka, na ny Ministrə miandraikitra ny Atitany na ny Filohan' ny komity mpanatanteraky ny Fivondronampokontany no miadidy izany araka ny fischoan-javatra.

Raha toa ny tsy ara-dalana ka mikasika ny antontan-taratasy iompanan' ny fanambarana, na ny fifangaroan' anarana, mari-panavaha, loko ary famintarana hafa mampiavaka ny antoko na fikambanana politika, dia manana fe-potoana telo volana aorian' ny nampahafantarana izany azy ilay antoko na fikambanana politika mba hanitsiana ny tsy mety. Aorian' io fe-potoana io, dia ambaran' ny manampahefana tompon' andraikitra ny fampihatoani ny asany mandra-pahavitan' ny fanitsiana.

Raha mikasika ny fepetra tondroin' ny andininny faha-10 etsy ambony ny tsy ara-dalana, dia zahan' ny Ministrə miandraikitra ny Atitany fototra ny fanesorana avy hatrany ny mpitogedri voakasik' izany, amin' ny raharaha atsiony eo anivor' ilay antoko na fikambanana politika.

And. 18. — Ny tsy fanaovana ny fanambarana vointondro ao amin' ireo andininny faha-6, faha-7 ary faha-8, dia mahatonga ny fandearana niy fisahanina izay rehetra aza ara-politika ary izany akory ity misahana ny fitoriana ho famaizana araka ny lalana.

And. 19. — Avy amin' ny tatitra ataoñ' ny Ministrə miandraikitra ny Atitany, izay antoko na fikambanana politika mandika ireo fepetra voalazan' ny andininny faha-4 entin', izao hitsivolana izao, dia noravana amin' ny alalan' ny didim-panjakana raisina eo em-pivorian' ny Ministrə, aorian' ny fanganana ny hevity ny Filan-kevitra Farattonpon' ny Tolom-piavotana.

And. 20. — Hofaizina sazy ami-ponja enim-bolana ka hatramin' ny dimy taona sy handoi sazy vola 180 000 Iraimbilanja ka hatramin' ny 1 800 000 Iraimbilanja, na iza na iza mandray anjara amin' ny sampijoroana hatrany na ny fanarenana indray amin' ny fomba mivantana na ankolaka ny antoko na fikambanana politika efa noravana tamin' ny fampiharana ity hitsivolana ity.

And. 21. — Heftizina mitovy amin' izany sazy izany ihany koa izay rehetra mpitontra mandika ny fepetra voalazan' ny andininny faha-18 etsy ambony.

FEPETRA SAMIHAF

And. 22. — Raha sendra nisy fandravana, ny famindrana tompony fananan' ny antoko na fikambanana politika, dia atao araka ny voalazalazan' ny fitsipi-pikambanana na raha tsy misy sepetsa, voalaza ao amin' ny fitsipi-pikambanana, dia hatao araka izay fitsipikeferana ao amin' ny fivoriambe fandravana azy, na raha tsy misy fivoriambe fandravana, dia araka izay fitsipika voatondro isaky ny fischoan-javatra, amin' ny alalan' ny didim-panjakana atao eo am-pivorian' ny Minisitra.

And. 23. — Rehefa asaina manapaka momba ny famindrana tompony fananany ny fivoriasiben' ny antoko na fikambanana politika, ary na toy inona na toy inona fomba famindrana-tompo ny fananana, dia tsy zony omena ireo mambra ao amin' io antoko na fikambanana politika norivana io izay mety ho amphanan' izany fananam-pikambanana izany.

And. 24. — Andoavana hajia sy saram-pisoratana amin' ny bokim-panjakana ny fitsipi-pitondrana ny antoko na fikambanana politika rehefa-anaovana fanambarana any amin' ny minisitera mifandraikitra ny Atitany.

Ny fitsipi-pitondrana apetraka any amin' ny filohin' ny komity impanatanteraky ny Fivondronampokontany rehefa manao ny fanambarana ny fanorenana sampana isam-paritra na sokajy mauokana iray, dia tsy andeav'na hajia sy saram-pisoratana amin' ny bokim-panjakana.

And. 25. — Afaka amin' ny fanafentesana ireo fombifomba arahina mikasika ny fanambarana ny fanorenana voalazan' izao hitsivolana izao ireto antoko na fikambanana politika nignarakaraka ireto :

- MONIMA;
- MFM/MFT;
- VONDRONA SOSIALISTA MONIMA;
- UDECMA/KMTP;
- VONJY IRAY TSY MIVAKY;
- AKFM/KDRSM;
- AREMA;
- AKFM/FANAVAOZANA.

And. 26. — Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin' izao hitsivolana izao, indrindra indrindra fa ny hitsivolana laharana faha-76-008 tamin' ny 20 marsa 1975, ny hitsi-

volana nasiām-panovàna laharana faha-76-050 tamin' ny 29 desambra 1976, ny hitsivolana laharana faha-81-016 tamin' ny 7 aogositra 1981 ary ny hitsivolana laharana faha-89-009 tamin' ny 13 aogositra 1989.

And. 27. — Havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika izao hitsivolana izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery, Antananarivo ny 9 märtsa 1990

Didier RATSIRAKA

Ayy amin' ny Filohan' ny Repoblika Demokratika Malagasy :

Ny mambra eo emis' ny Filan-kovitra Foratompon' my Tolom-phevotana :

, Colonel RAMAHATRA Victor, *Premier ministre sady Lehiben'* ny *Gouvernement;*

RANDRIANANJA Charles;

MONJA Jaona;

RATSIFEHERA Arsène;

RAKOTOVAO RAZAKABOANA;

RAKOTONIAINA Justin;

ANDRIAMORASATA Solo Norbert;

RAMANANTSALAMA Jean Baptiste;

Rémi TIANDRAZA;

SAMBSON Gilbert;

Colonel RANDRIANTANANY Jean de Dieu;

INDRIANJAFY Georges Thomas;

Général de Brigade JAOTOMBO Ferdinand;

Colonel Joseph Noël JONAH;

KAPOMA Michel;
ANDRIANOELISOA Théophile;
RAKOTOMAVO Bruno;
SOSOHANY André;
Colonel MARSON Max;
SOLOARIVONY François-Xavier;
NDREMANJARY Jean André;
RAKOTONDRAINY Julien Augustin;
BOANORO Henri Victor;
MAHARAVO Rodolys;
JOSE Viansy.

ORDONNANCE N° 80-001
portant régime général des partis ou organisations politiques.

Le Président de la République Démocratique de Madagascar,

Vu la Constitution,

Vu la décision n° 1-HCC/D. 3 du 9 mars 1990 de la Haute Cour Constitutionnelle,

Ordonne :

DISPOSITIONS GENERALES

Article premier. — L'article 8 de la Constitution dispose que les citoyens jouissant pleinement de leurs droits civiques peuvent se constituer librement, selon les règles démocratiques, en parti ou organisation politique.

La présente ordonnance détermine le régime général des partis ou organisations politiques et de leur regroupement éventuel.

Art. 2. — Le parti ou organisation politique est le rassemblement de plusieurs personnes qui, ayant un objectif commun, œuvrent à participer à la vie politique par des moyens démocratiques et pacifiques.

La formation affiliée est une organisation ou association à caractère économique, social ou culturel qui décide de s'affilier à un parti ou organisation politique. Elle doit se conformer aux dispositions des statuts de ce parti ou organisation politique.

Le regroupement politique est le rassemblement de deux ou plusieurs partis ou organisations politiques régulièrement constitués et ayant des affinités et des objectifs communs.

La loi garantit l'égalité en droit des partis, organisations ou regroupements politiques.

Art. 3. — Tout citoyen malgache des deux sexes, jouissant de ses droits civiques et âgés au moins de 18 ans, peut adhérer librement à un parti ou à une organisation politique selon les dispositions de la présente ordonnance.

Les jeunes de moins de 18 ans peuvent faire partie d'une structure interne spécialisée d'un parti ou d'une organisation politique en vue de leur éducation civique et idéologique.

CONDITIONS DE CREATION ET ORGANISATION

Art. 4. — La création d'un parti ou d'une organisation politique ne doit pas porter atteinte à l'unité nationale, à la souveraineté nationale, à l'intégrité territoriale et ne doit en aucun manière procéder d'une motivation ségrégationniste à caractère ethnique tribal ou confessionnel.

Art. 5. — Tout parti ou organisation politique est constitué par un organisme central et des sections locales ou spécialisées. Les sièges doivent être situés sur le territoire national.

Il peut organiser des congrès, des assemblées ou des réunions conformément à la législation en vigueur et dans les conditions prévues par les statuts.

Il peut se livrer à des activités économiques sociales ou culturelles par ses formations affiliées.

Art. 6. — La création d'un parti ou d'une organisation politique doit faire obligatoirement l'objet d'une déclaration écrite par ses fondateurs à déposer ou à adresser :

— au ministère chargé de l'Intérieur, en ce qui concerne l'organisme central et les formations affiliées;

— au président du comité exécutif du Fivondronanipokontany, en ce qui concerne les sections.

Cette déclaration doit être déposée ou adressée à l'autorité compétente dans un délai de 15 jours à compter de la date de clôture de la réunion au cours de laquelle la constitution de l'organisme central ou de la formation affiliée a été décidée. Ce délai est de trente jours pour les sections.

En cas d'envoi postal, le cachet de la poste fait foi.

Art. 7. — Les documents suivants doivent être annexés à la déclaration de création de l'organisme central ou d'adhésion de la formation affiliée; et produits en original et cinq copies;

a. Les statuts qui doivent préciser :

— la dénomination du parti ou de l'organisation politique, ou de la formation affiliée;

- son objet;
- son siège;
- les règles de constitution et de fonctionnement des organes de direction et d'administration;
- les conditions d'admission et de radiation de ses membres;
- les modalités de réunion des congrès ou des assemblées;
- les conditions de modification des statuts;

b. Le procès-verbal de l'assemblée constitutive;

c. La liste des membres chargés de la direction et de l'administration du parti ou de l'organisation politique au niveau de l'organisme central, ou de la formation affiliée, avec leurs :

- nom, prénom;
- date et lieu de naissance (Folocotany, Firaisana, Flyondionana);
- filiation;
- profession;
- domicile;
- numéro, date et lieu de délivrance de la carte nationale d'identité;
- fonction au sein du parti ou organisation politique, ou formation affiliée;
- signature légalisée.

Pour la formation affiliée, ces documents sont complétés par :

d. La copie de l'acte portant autorisation de création de l'organisation ou de la formation à caractère économique, social ou culturel;

e. Le certificat d'affiliation délivré par l'organisme central dirigeant du parti ou organisation politique.

Art. 8. — A la déclaration de création d'une section, devront être annexés :

a. Les statuts du parti ou organisation politique d'appartenance;

b. La copie du récépissé de déclaration de constitution délivrée à l'organisme central;

c. L'indication du ressort territorial de la section ou de la formation spécialisée;

d. La liste des membres qui sont chargés de la direction et de l'administration de la section, avec leurs :

— nom, prénoms;

— date et lieu de naissance (Fokontany, Firisana, Fivondronana);

— filiation;

— profession;

— domicile;

— numéro, date et lieu de délivrance de la carte nationale d'identité;

— fonction au sein de la section du parti ou organisation politique;

— signature légalisée;

e. Un certificat d'appartenance délivré par l'organisme central dirigeant du parti ou organisation politique.

Ces documents doivent être produits en trois exemplaires.

Art. 9. — L'autorité compétente inscrit la déclaration sur un registre *ad hoc* et en délivre obligatoirement un récépissé sous huitaine.

Art. 10. — Nul ne peut être élu membre dirigeant d'un parti ou organisation politique ou de l'une de ses sections, s'il n'est de nationalité malgache, ne jouit de la plénitude de ses droits civiques et n'est âgé de 21 ans au moins.

Toutefois, tout citoyen âgé de 18 ans révolus peut être chargé d'une fonction de gestion interne.

Art. 11. — Tout parti ou organisation politique régulièrement déclaré peut :

— ester en justice;

— recevoir des dons, legs et les cotisations de ses membres;

— acquérir, posséder, administrer et disposer des biens meubles et immeubles, nécessaires au but qu'il se propose;

Art. 12. — Chaque parti constitué en application de la présente ordonnance a droit à la protection de ses noms, emblème, couleur et autres signes distinctifs.

Art. 13. — L'organisme central dirigeant du parti ou de l'organisation politique et de l'organisme dirigeant de la formation affiliée sont tenus de faire connaître au ministère chargé de l'Intérieur, dans un délai d'un mois, tous les changements dans sa direction, ou son administration ainsi que toutes les modifications apportées à ses statuts.

Art. 14. — L'organisme dirigeant de la section locale ou de la formation spécialisée est tenu de faire connaître au président du comité exécutif du Fivondronampokontany, dans un délai d'un mois, tous les changements intervenus dans sa direction ou son administration.

Art. 15. — Les déclarations de constitution de l'organisme central des partis ou organisations politiques seront rendues publiques par les soins de l'Administration au moyen de l'insertion au *Journal officiel* de la République d'un extrait précisant la dénomination du parti ou de l'organisation politique, son siège social, son objet et la date de délivrance du récépissé, et ce, dans les deux mois qui suivent la délivrance du récépissé, ou du dépôt de la régularisation prévue à l'article 17 ci-dessous, selon le cas.

Les modifications ou changements se rapportant à la dénomination, au siège social ou à l'objet du parti ou de l'organisation politique doivent être rendus publics dans les mêmes conditions et délai; ils ne sont opposables au tiers qu'à partir du jour où ils auront été publiés.

Art. 16. — Le regroupement politique visé à l'article 2 de la présente ordonnance doit déposer son règlement intérieur établi en trois exemplaires auprès du ministère chargé de l'Intérieur, dans un délai d'un mois à compter de la date de constitution.

L'acte de constitution ainsi que les modifications ou changements apportés au règlement intérieur doivent être notifiés sous huitaine au ministère chargé de l'Intérieur.

DU CONTROLE ET DES SANCTIONS

Art. 17. — Après délivrance du récépissé, les autorités compétentes vérifient si les conditions légales sont remplies.

Les irrégularités constatées sont portées à la connaissance du parti ou de l'organisation politique, soit par le Ministre chargé de l'Intérieur, soit par le président du comité exécutif du Fivondronampokontany suivant le cas.

Si les irrégularités concernent les documents constitutifs de la déclaration ou la confusion de nom, emblème, couleur et autres signes distinctifs, le parti ou l'organisation politique dispose d'un délai de trois mois à compter de la notification pour régulariser sa situation. Passé ce délai, les autorités compétentes prononcent sa suspension jusqu'à la régularisation.

Si les irrégularités concernent les conditions posées par l'article 10 ci-dessus, le Ministre chargé de l'Intérieur constate la carence d'office du dirigeant concerné de ses fonctions au sein du parti ou de l'organisation politique.

Art. 18. — Le défaut de déclaration prévue aux articles 6, 7 et 8 entraîne l'interdiction de toute activité politique sans préjudice de poursuite pénale.

Art. 19. — Sur rapport du Ministre chargé de l'Intérieur, tout parti ou organisation politique qui contrevoie aux dispositions de l'article 4 de la présente ordonnance sera dissous par décret en conseil des Ministres après consultation du Conseil Suprême de la Révolution.

Art. 20. — Sera puni d'un emprisonnement de six mois à cinq ans et d'une amende de 180 000 FMG à 1 800 000 FMG quiconque aura participé au maintien ou à la reconstitution directe ou indirecte d'un parti ou organisation politique dissous en application de la présente ordonnance.

Art. 21. — Sera puni des mêmes peines tout dirigeant qui contrevoie aux dispositions de l'article 18 ci-dessus.

DISPOSITIONS DIVERSES

Art. 22. — En cas de dissolution les biens du parti ou organisation politique seront dévolus conformément aux statuts ou à défaut de dispositions statutaires, suivant les règles déterminées en assemblée générale de dissolution, ou à défaut d'assemblée générale de dissolution, suivant les règles fixées, pour chaque cas, par décret pris en Conseil des Ministres.

Art. 23. — Lorsque l'assemblée générale du parti ou organisation politique est appelée à se prononcer sur la dévolution des biens et quel que soit le mode de dévolution, elle ne peut attribuer aux membres du parti ou organisation politique discous, une part quelconque des biens de l'association.

Art. 24. — Les statuts du parti ou organisation politique sont soumis aux droits de timbre et d'enregistrement lors de la déclaration auprès du ministère chargé de l'Intérieur.

Les statuts déposés auprès du président du comité exécutif du Fivondronampokontany au moment de la déclaration de constitution d'une section locale ou d'une formation spécialisée sont exemptés de la perception des droits de timbre et d'enregistrement.

Art. 25. — Sont dispensés de l'accomplissement des formalités de déclaration de constitution prévues par la présente ordonnance les partis ou organisations politiques suivants :

- MCNIMA;
- MFM/MFT;
- VONDRONA SOSIALISTA MONIMA;
- UDECMA/KMTP;
- VONJY IRAY TSY MIWAKY;
- AKFM/KDRSM;
- ADEMA;
- AKPM/PANAVAOZANA.

Art. 26. — Sont et demeurent abrogées toutes dispositions antérieures contraires à la présente ordonnance, notamment l'ordonnance n° 76-008 du 20 mars 1976, l'ordonnance modifiée n° 76-050 du

29 décembre 1976, l'ordonnance n° 81-016 du 7 août 1981 et l'ordonnance n° 89-009 du 13 août 1989.

Art. 27. — La présente ordonnance sera publiée au *Journal officiel de la République*.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le 9 mars 1990.

Didier RATSIRAKA

Par le Président de la République Démocratique
de Madagascar :

Les membres du Conseil Suprême de la Révolution :

Colonel RAMAHATRA Victor, Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

RANDRIANANJA Charles;

MONJA Jaona;

RATSIFEHERA Arsène;

RAKOTOVAO RAZAKABOANA;

RAKOTONLAINA Justin;

ANDRIAMORASATA Solo Norbert;

RAMANANTSALAMA Jean Baptiste;

Rémi TIANDRAZA;

SAMBSON Gilbert;

Colonel RANDRIANTANANY Jean de Dieu;

INDRIANJAFY Georges Thomas;

Général de Brigade JAOTOMBO Ferdinand;

Colonel Joseph Noël JONAH;

KAPOMA Michel;

ANDRIANOELISOA Théophile;

RAKOTOMAVO Bruno,

SOSOHANY André;

Colonel MARSON Max;

SOLOARIVONY François-Xavier;

NDREMANJARY Jean André;

RAKOTONDRAINY Julien Augustin;

BOANORO Henri Victor;

MAHARAVO Rodelys;

JOSE Vianey.

HITSIVOLANA LAHARANA FAHA-92-041
aneovana ny Lalàm-pifidianana

Ny Praiministra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana.

Araka ny hitsivolana laharana faha-90-001 tamin' ny 9 marta 1990 aneovana ny satem-pitondrana ankapobe ny entoko na fitambanana politika;

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-018 tamin' ny 8 jolay 1992 mikasika'ny Fitsarana Avo mombe ny Lalàmpanorenana.

Araka ny fanapahana laharana faha-11-HCC/D/3 tamin' ny 2 oktobra 1992 nataon' ny Fitsarana Avo mombe ny Lalàmpanorenana.

Eo am-pivorien' ny Governemanta.

Dia mamoaka izao hitsivolana izao :

Andininy voalohany. — Izao hitsivolana izao no manoritra ny fisyika ankapobe mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato, nefy tsy tohinina amin' izany ireo fepetra voalazan' ny lalàna sy ireo fepetra manokana mifehy ny sokajim-pifidianana tsirairay avy.

FIZARANA I

**FIZAKA-MANANA SY FAHITANA FOTOTRA
NY ZO HANDATSA-BATO**

TOKO I

NY AMIN' IREO FEPETRA ILAINA MBA HO ISAN' NY MPIFIDY
SY HO MPILATSAKA HOFIDINA

(*Hitsivolana laharana faha-92-044 tamin' ny 23 oktobra 1992*).

* And. 2 (vaoeo). — Mpifidy avokos rehetra mety ho olom-pirenena malagasy, ka tsy misy avakavaka na lehy na vavý, feno valo ambin' ny folo (18) taona amin' ny vaninandro henaovana ny latsabato, izay mipetraka eto amin': ny tanim-pirenena ary mizaka ny zon' ny Isam-batan' olona sy ny zo era-politike.

Ny Fehezan-dalàna mombe ny zom-pirenena malagasy no manoritra ny fepetra mikasika ny fahazoana mifidy sy milatsaka hofidina ho an' ireo vehivavy efa mizaka ny zom-pirenena malagasy tamin' ny alàlan' ny fanembadiana.

Ireo andininy faha-37 sy faha-38 ary faha-39 entin' io Fehezan-dalàna io ihany no manoritra ireo fepetra mikasika ny fahazoana mifidy sy milatsaka hofidina ho an' ireo vahiny mizaka ny zom-pirenena malagasy.

Ny lalàna mènokana mifidy ny iñicianane isanisanay no manoritra ny fepetra mikasika ny fahazoana mifidy sy milatsaka hofidina ho an' ireo Malagasy mipetraka any ivelan' ny tanim-pirenena.

And. 3. — Verezin-jo tsy hifidy, ka noho izany dia tsy azo sora-tana ao amin' ny lisitry ny mpifidy voalazan' ireo andininny faha-6, sy faha-8 ary faha-9 etsy ambany :

1. ireo olona voaheloky ny Fitsarana noho ny heloka bevava vitany;

2. ireo izay iharan' ny sazy an-tranomaizina mihatra na sazy vola raikitra mihoatra ny 500 000 Iraimbilanja (na iray hetsy Ariary) noho ny heloka tsotra vitany na inona na inona karazany, tsy ao anatin' izany anefa ny fanamelohana efa navoakan' ny Fitsarana mikasika ny;

a. Heloka tsotra noho ny tsy fitandremana; afa-tsy raha nisy fitsaohana nandositra niaraka tamin' izany;

b. Fandikan-dàlana momba ny toe-karena na momba ny fitantanam-bola, ankoatra ireo izay voatondro ho heloka tsotra, kanefa na izany aza, ny famaizana ampiharina dia tsy miankina amin' ny porofo fa sain-dratsy no anaovan' ireo tompon-keloka ny fandikan-dalàna no sady tsy mahavoa afa-tsy sazy vola ihany;

3. ireo olona very trosa noho ny fahabankiana ka tsy mbola voaverin-jo;

4. ireo olona noverezin-jo tanteraka sy ireo adala naiditra eny amin' ny trano fitsabona;

5. ireo izay voararan' ny antokom-pitsarana ny fananany zo handatsa-bato, ho fampiharana ny lalàna ahazoana manatanteraka io fandraranana io. Ny fiandraiketan-draharahan' ny antokom-pitsarana ~~co~~akasik' izany dia tsy maintsy mandefa any amin' ny Manam-pahefana izay miandraikitra ny fanaovana ny lisitry ny mpifidy, fampandrenesana mampahafantatra io fahaverezan-jo tsy hifidy io.

And. 4. — Azo fidiana avokoa, tsy misy avakavaka na lavy na vavy, rehefa mety ho olom-pirenena malagasy ka mahafeno ireto fepetra manaraka ireto :

1. Voasoratra ao amin' ny lisitry ny mpifidy;

2. Mahafeno ny taona takian' ny lalàna mba hisahanana ny raharaha tsirairay nahavoafidy;

3. Tsy mbola voaheloky ny Fitsarana noho ny heloka bevava na heloka tsotra.

(Hitsivolana Taharana faha-92-044 tamin' ny 23 oktobre 1992).

— And. 'B (voovo). — Ircô 1010AO monozana izay mitefy ny octojim-pifidianana isonisony no momeritra ny fopetro mikasika ny tsy fahafahana milotsaka hofidina sy ny fitsipitka mombo ny tsy fohezoana mempirefy raharsha.

Ircô mpiasom-ponjakano rehetra oo amin' ny Tahofam-pitondrana sivily sy mieremilo maniry ny hirotsaka hofidina amin' ny fifidianena, dia tsy maintoy manolo-tona hitoatra tsy ho eo am-parinosa, roho ola indrindra, dia ny antokotoly ny fioctafon' ny fampielezen-kevitro mombo ny fifidianana. Roho sondra ka tsy voafidy izy ircô no roha tapitro ny fotoona nahovoafidy azy, dia rai-dina ovy hatrany hiverina oo amin' ny firaisan-draharaha nihoviany izy ireo. —

TOKO II
MOMBA NY LISITRY NY MPIFIDY

Sokajy I

Fanaovana ny lisitry ny mpifidy

And. 6. — Isaky ny Fokontany tsirairay avy no anaovana ny lisitry ny mpifidy ka ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Firaismampokontany no mikarakara izany ary ho eo ambany fanaraha-maso sy fiandraiketan' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany.

And. 7. — Atsangana eo anivon' ny Fokontany tsirairay avy ny voamieram-paritra iray miadidy ny fanisana ny mpifidy, izay miandraikitra ny fanisana ny olom-pirenena rehetra mahafeno ny fepe tra takian' ny lalana amin' ny fampiasana ny zo handatsa-bato.

Io vaomiera io, izay apetraka eo ambany fiandraiketan' ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana, dia ahitana solontena efatra avy amin' ny faritra isanisany eo anatin' ny Fokontany. Ireo mambra ao amin' io vaomiera voalaza io dia tendifren' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Firaismampokontany araky ny tolo-kevitra aroson' ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana.

Ireo fikambanana tsy miankina na ivelan' ny Fanjakana izay nekena hisahana ny fanabeazana eo amin' ny fitiavan-tanindrazana sy fanaraha-maso ny fifidianana, dia mahazo mirotsaka manampy io vaomiera io. Tsy maintsy manao filazana momba izany any amin' ny solontenam-panjakana eto amin' ny ambaratongan' ny Firaismampokontany izy ireo no sady atolony ao koa ny lisitr' ireo mambra ao aminy voatendry ho amin' izany.

And. 8. — Ny lisitry ny mpifidy dia ahitana ireo mpifidy rehetra voasoratra anarana ao amin' ny rejisitra fanisam-bahoakan' ny Fokontany.

Ny tsy maha-eo an-toerana ilay olona noho ny fanaovany fanompoam-pirenena voadidin' ny lalana dia tsy misakana velively ny fanoratana azy ao amin' ny lisitry ny mpifidy any amin' ny Fokontany misy ny tena fonenany. Ireo fepetra voalaza ireo dia ampihafina ihany koa amin' ireo tantsambo eo am-perin' asa.

Na manao ahoana na manao ahoana, dia tsy misy olona na iza na, iza, azo soratana ao amin' ny rejisitra fanisam-bahoakan' ny Fokontany mihoatra ny iray, na ao amin' ny lisitry ny mpifidy mihoatra ny iray, fa raha tsy izany dia iharan' ireo sazy voatondro ao amin' ny andininy faha-117 entin' ity Fehezan-dalana ity.

And. 9. — Ny lisitry ny mpifidy dia tsy maintsy manondro, ho an' ny mpifidy tsirairay avy :

- ny laharam-pisoratana;
- ny anarana sy fanampin' anarana;
- ny vaninandro sy toerana nahaterahana;
- ny fiankohonana;

- ny anton-draharaha ;
- ny laharana sy vaninandro ary toerana nanomezana ny karanondrom-pirenena ;
- ny adresy mazava tsara.

And. 10. — Vaomieram-panjakana iray tarihin' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany ne mamarana ny lisitry ny olom-pirenena rehetra izay nekeny fa mahafeno ny fepetra takian' ny lalana amin' ny fampiasana ny zo handatsa-bato. Avela ho andraiktry ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany ny fikarakana izay olona ho anisan' ny vaomiera voalaza io.

Ny lisitry ny mpifidynofaranan' ny vaomieram-panjakana dia apetra ka eo amin' ny biraom-pokontany mba ho zahan' ny mpifidy eo an-toerana ihany. Anaovana filazana ny androtr' io ihany izany fametrahana ny lisitry ny mpifidy izany amin' ny alalan' ny fanaovana azy peta-drindrina any amin' ireo biraon' ny Fivondronampokontany sy Firisampokontany ary Fokontany, sy eny amin' ireo tsena ary eny amin' ireo toeran-dehibe mahavory olona tsy tapaka.

And. 11. — Ny fanatontosana ireo fombafomba voandidin' ny lalana voalazan' ny andininy faha-10 etsy ambony, dia hita fototra amin' ny alalan' ny fitanana an-tsortatra izay itehirizan' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany, kopia iray.

And. 12. — Mahazo manao fitarainana izay rehetra olom-pirenena hadino tsy voasoratra ka ao anatin' ny fe-ptoana roapoloo andro manomboka amin' ny vaninandro nanaovana ny peta-drindrina no anolorany izany.

Ny mpifidy, na iza izy na iza, dia mahazo mitsipaka ny fanoratana iray tsy marim-pototra.

Manan-jo mitovy amin' izany ihany koa ireo Manam-pahefana ara-pitondrana sy ara-pitsarana.

Ireo fitarainana am-bava na an-tsortatra dia raisina ao amin' ny biraon' ny Firisampokontany ary soratana ao amin' ny rejisitra iray voatokana indrindra ho amin' izany. Misy tapakila naharaisana azy omena amin' izany.

Ireo fitarainana dia ampitsaina any amin' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany, ka alohan' ny fahataperan' ny fe-ptotoana voatondro ao amin' ny paragrefy voalohany entin' ity andininy ity, raha tratra aoriana indrindra.

Tsy miteraka fampiatoan-draharaha eo amin' ny zo handatsa-bato ny fitsipahana.

And. 13. — Fampandrenesana an-tsortatra no sady tsy andoavam-bola no ataon' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany amin' izay mpifidy notsi-pahana ny fanoratana azy, ary afaka manome fanazavana izy io amin' izany.

And. 14. — Ireo fitarainana sy fitsipahana dia ho tsarin' ny vaomiera manokana iray ahitana solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany sy ny an' ny Firaisampokontany voakasik' izany ary koa solontena roa avy amin' ny mpifidy notendren' tlay vondrom-bahoakam-paritra izay voatohina noho izany antony izany lisity ny mpifidy ao aminy, ka ao anatin' ny fe-potoana iray volana raha ela indrindra, manomboka amin' ny vaninandro nanomezana ny tapaika no anaovana izany.

Raha tsy manapa-kevitra ao anatin' io fe-potoana'io ny vaomiera manokana, dia azon' ny mpitaraina aroso mivantana ho dinihin' ny filohan' ny fitsarana ambaratonga voalohany na ny sampam-pitsarana izany, ao anatin' ny fe-potoana iray volana manomboka amin' ny vaninandro mahatapitra ny fe-potoana nomena ny vaomiera manokana mba hanapahany hevitra, araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-16 etsy ambany.

And. 15. — Ny fampahafantarana ny fanapahana nataon' ny vaomiera dia ataon' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany, tsy misy hatak' andro amin' ny andaniny sy ankilany voakasik' izany; azony atao ny maka fitsarana ambony ao anatin' ny dimy ambin' ny folo andro amin' ny alalan' ny taratasy tsotra na filazana am-bava any amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny fitsarana ambaratonga voalohany na ny sampam-pitsarana.

And. 16. — Ny fangatahana fitsarana ambony dia entina eo anatrehan' ny filohan' ny fitsarana ambaratonga voalohany na ny sampam-pitsarana. Mamoaka didim-pitsarana momba izany izy io ao anatin' ny folo andro, ka tsy andoavam-bola izany na anarana ny fombafombam-pitsarana, ary atao amin' ny alalan' ny fampandrenesana tsotra ho an' izay rehetra voakasik' izany, dimy andro aty alohany.

Na izany aza anefa, raha toa-ilay fangatahana nentina teo anatrehan' ka mila vaha-olana mialoha mikasika ny fitoetry ny olona, dia alefany aloha izy ireo hanao fampakaran-draharaha eo anatrehan' ny antokom-pitsarana mahefa no sady omeny fe-potoana fohy ny ankilany nanapoitra io toe-javatra ilana vaha-olana mialoha io, mba hahazoany manamarina ny tena fototry ny fangatahany.

And. 17. — Fangatahana fandravana any amin' ny Fitsarana Tampony no hany azo atao anoherana ilay fanapahana nataon' ny filohan' ny fitsarana ambaratonga voalohany na ny sampam-pitsarana.

Ny fangatahana fandravana dia tsy azo raisina raha tsy vita tao anatin' ny dimy ambin' ny folo andro nahazoana ny fampahafantarana ny fanapahana.

Tsy miteraka fampiatoan-draharaha ny fe-potoana nomena sy ny fangatahana fandravana.

Amin' ny alalan' ny fangatahana tsotra alefa any amin' ny fiandraiketan-draharaohen' ny antokom-pitsarana izay nanao ny fanapahana momba izany no anaovana ny fanovana didy.

Ny mpiandraiki-tsora-pitsarana dia mampandre ny toriana ao anatin' ny telo andro ny 'amin' izany fangatahana izany.

Ireo singan-taratasy sy fehin-teny avy amin' ny andaniny sy ny ankilany dia ampitain' ny mpiandraiki-tsoratry ny fitsarana ambaratonga voalohany na ny sampam-pitsarana any amin' ny lehiben' ny mpiandraiki-tsoratry ny Fitsarana Tampony ka tsy anefana sarany izany.

Haingana dia haingana sy tena raikitra ny fanapahana atao' ny fitsarana momba ny fangatahana fandravana ary tsy andoavantsarany na anaovana' antoka izany.

And. 18. — Ireo sora-pitsarana rehetra mikasika ny fididianana dia tsy ilana hajja ary soratana maimaimpoana amin' ny bokimpanjakana.

Ny kopian' ny sora-pahaterahana na ny didim-pitsarana mahasolo izany ilaina mba hanamarinana ny taonan' ny mpifidy, dia omena maimaimpoana an-taratasy tsotra ho an' izay rehetra mila izany. Ery am-piandohan' ny rijan-teny no anondroana ny ilana manokana ireo kopia ireo izay tsy azo ampiasaina amin-javatra hafa.

And. 19. — Ny vaomieram-panjakana voalazan' ny andininy faha-10 etsy ambony, dia manao tsy misy hatak' andro ireo fanovana rehetra voadidin' ny fitsarana atao. Averiny atao indray, raha misy ilana izany, ny raharaha nofoanana tao anatin' ireo fetotoana voatondron' ny antokom-pitsarana.

And. 20. — Ny Fanjakana no miantoka ireo taratasy voatonta pirinty ilaina amin' ny fanaovana ny lisitry ny mpifidy.

Sokajy 2

Fanavaozana ny lisitry ny mpifidy

And. 21. — Havaozina isan-taona ny lisitry ny mpifidy ka ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Firaismampontekany, araka ny fisehoan-javatra, no mikarakara-izany. Manomboka ny 1 desambra ka hatramin' ny 31 janoary, amin' ny taona manaraka, dia asain' izy ireo ampiana ao:

1. Ny anaran' ireo olona rehetra hadino tsy voasoratra tamin' ny lasa;

2. Ny anaran' ireo izay rehetra vao nahafeno ny fepetra takian' ny lalana mba ho mpifidy.

Momba ny fanoratana vaovao rehetra atao, ny tabilao dia tsy maintsy misy fanamarihana ao amin' ny tsanganana voatokana ho amin' izany, izay Fokontany nisoratan' ilay mpifidy talohan' izao sy ny vaninandro namonoana ny anaran'y tany.

Raha tahiny ka mbola tsy nisoratra mihitsy izy na taiza na taiza, dia asiana fanamarihana momba izany ao amin' ilay tsanganana voatokana miaraka amin' ny fanondroana ny Fokontany izay none-nany tamin' ny faha valo ambin' ny folon' ny taonany.

Asainy esorina tao ny anaran' ireo:

1. Olona maty;
2. Izay very ny zo tekian' ny lalàna aminy;
3. Izay voadidin' ny Manam-pahefana hanao izany' ny famonoana ny anaran;
4. Izay efa fantany fahateo fa tsy marim-potòtra ny fisoratany ho anisan' ny mpifidy, na dia mbola tsy misy mihitsy aza fitsipahana izany.

Ny tabilao misy ny fanampiana sy ny fanesorana natao tamin' ny lisitry ny mpifidy dia ampitaina ho fantavy ny vaomieram-panjakana izany dia apetraka, ampahalalaina ny besinimaro, ampahefantarina ary faranana tanteraka araka izay voafazan' ireo andininny faha-10 sy faha-11 ary faha-19 etsy ambony.

Araka izany, ny Fokontany dia tsy maintsy mampita any amin' ny Firaisampokontany, indray mandeha isan-telo volana ahay farafaharatsiny ireo taratasy rehetra ilaina amin' ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy.

And. 22. — Ny 15 aprily no tsy maintsy amaranana tanteraka ny lisitry ny mpifidy.

And. 23. — Mijaniona eo amin' izay nameranana azy ny lisitry ny mpifidy hatramin' ny 30 novambra amin' io taona diavina io ihany, raha tsy ohatra angaha ka nisy fanovàna mety ho nasain' ny didim-pitsarana natao amin' izany, na misy famonoana ny anaran' ireo mpifidy maty izay hatao raha vantany vao fantatra ny sora-pahafatesana, na koa nisy famonoana ny anaran' ireo mpifidy izay tsy mizaka ny zon' ny isam-batan' olona sy ny zo ara-politika araka ny didim-pitsarana tena raikitra tsy azo ihoarana intsony.

And. 24. — Na izany aza anefa; dia hisy fari-potoana vaovao anavaozana ny lisitry ny mpifidy izay hisokatra mialohan' izay rehetra mety ho fanontanian-tsafidy amin' ny alàlan' ny fifidianana, afa-tsy amin' ny fifidianana ampahefana ihany kosa.

Manomboka valo amby efapolo ora aorian' ny famoahana ho fantavy ny besinimaro ny didim-panjakana na ny fanapahana anaikàna ny mpifidy handatsa-bato izany ary hifarana dimy andro mialoha ny latsabato.

Mandritra io fari-potoana io, ny vaomieram-panjakana dia han-drav fanapahana momba ny fangatahana fisoratana anarana na famonoana anarana rehetra ao anatin' ny telo andro nanaovana ny fangatahana.

Raha misy ny fanoherana, ny filohan' ny fitsarana ambaratonga voalohany na ny Sampam-pitsarana dia handray fanapahan-kevitra haingana dia haingana araka ny fombafomba voadin' ny andininy faha-15 sy faha-16 ary faha-17 etsy ambony ary izany dia alohan' ny vaninandro fandatsaham-bato.

And. 25.— Ireo filohan' ny fitsarana ambaratonga voalohany na ny Sampam-pitsarana izay nampakarana mivantana ny raharaha, dia manana fehefana handray fanapahan-kevitra hatramin' ny andro enaovona ny latsabato, momba ny fitarainan' ny olona izay milaza fa toy tafiditra tao amin' ny litsiry ny mpifidy ny anarany, ka tsy onarehena ireo fombafomba voadin' ny andininy faha-13 sy faha-15 etsy ambony izany.

Ny karezan' ny fahediscoana tsy nahy teo am-panaovana ny lisitra dia ho tondroina mazava tsara amin' ny alalan' ny taratasy fanamarinaona izay omén' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany.

Ny mpitsera voatendry ho filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fenisam-beto voalazon' ny andininy faha-106 etsy ambony, dia manana fehefana handray fanapahan-kevitra araka ireo fepe tra mitovy tsy misy hafa amin' izany ihany koa, momba ny fitarainana tondroin' ny paragrefy voalohany etsy ambony, ao anatin' ilay Fivondronampokontany Izay nanendrena azy hiasany.

Amin' io tarehin-javatra io, dia ny mpiraki-draharahan' ny solompampanoa lalana eo an-toerana na, raha tsy misy, dia mpiraki-draharaha iray voatokana ho amin' izany ka tendren' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany ne ny solontenany, no mpitan-tsoratra. Ieo mpiraki-draharaha menokana io dia manao fianianana an-tsoratra.

And. 26.— Azo encovana fangstahana fandravana so anatin' ny folo endro ampehafotarana izany, ny fanepahana notso' ny filohan' ny floscra ambaratonga voelohany na ny sampam-pitsarana na ny mpitsera voatendry ho filohan' ny vaomiera tena miendroititra ny foniçam-bato.

And. 27.— Amin' ireo anton-javatra-tondroin' ny andininy faha-6 sy faha-24 etsy ambony, ny fanomezana laharam-pisoratana ho an' ireo mpifidy misoratra anarana ao amin' ny litsiry ny mpifidy, dia atao amin' ny fomba mifanesy tsara tsy misy tomika eo amin' ny ambaratongan' ny Fokontany.

FIZARANA II

MOMBA NY RAHARAHAM-PIFIDIANANA

TOKO VOALOHANY

NY AMIN' NY FANAICKANA NY SOKAJIN' OLONA MPIFIDY HANDATSABATO

And. 28.— Amiñ' ny aleka' ny didim-panjakana atao eo am-pivorian' ny Governemanta, ne amin' ny alolan' ny didim-piton-drano atao ny manamphefana tompon' andraikitra no anaikona

ireo sokajin' olona mpifidy handatsa-bato, araka ny fepetra voadidin' ny lalana mikasika ny sokajim-pifidianana tsirairay avy.

Azo atao ny mampivory ireo sokajin' olona mpifidy amin' ny andro alahady, na amin' ny andro iray tsy fiasana, eny fa na dia amin' ny andro hafa ao anatin' ny herinandro aza.

Amin' izany tarehin-javatra rehetra izany, dia andro iray ihany no anaovana ny fifidianana any amin' ireo fari-pifidianana rehetra voakasik' izany.

And. 29: — Feran' ny didim-panjakana na didim-pitondrana fanaikana ny mpifidy ny andro sy ny ora hanombohana ny latsabato ary ny ora izay tsy maintsy hamaranana azy. Raha tsy misy izany, dia manomboka amin' ny fito ora maraina ny latsabato ary mifarana amin' ny enina ora hariva. Na izany aza anefa, raha sendra misy fifidianana tsy mivantana dia ho ferana amin' ny alalan' ny didim-pitondrana ataon' ny manampahefana tompon' andraikitra ny ora famaranana.

And. 30. — Raha hita fa ilaina ny hanokafana ny latsabato mia-loha ny ora noferan' ny didim-panjakana manaika ny mpifidy, dia azon' ny manampahefana tompon' andraikitra atao ny mamertra io ora io ho maraindraina kokoa amin' ny alalan' ny didim-pitondrana

Amin' izany rehetra izany, dia tsy maintsy anaovana fampielezana ho fanta-bahoaka tsara ny didim-pitondrana mamertra ny ora ho maraindraina kokoa na ny didim-pitondrana mamaritra ny ora famaranana azy.

Na manao ahoana na manao ahoana arifa, ny ora famaranana dia tsy azo ferana ankoatra ny amin' ny enina ora hariva, raha tsy ohatra angafia ka amin' ny ora fifaranan' ny latsabato dia mbola misy mpifidy tonga ao amin' ny bireom-pifidianana, na miandry ny anjarany eo an-tokontany mifanolotra amin' ny birao mba handatsa-bato.

TOKO II

NY AMIN' NY FAMPIELEZAN-KEVITRA

And. 31. — Mandritra ny faharetan' ny vanim-potoam-pifidianana dia fehezin' ny didy amam-pitsipika ny momba ny fampiezanz-kevitra, ny fanaovana pete-drindrina ny lisitr' ireo mpilatsaka hofidina, ny taratasy aely ary ny taratasin-datsabato.

Raréna ny fanontana pirinty, ny fampiesana na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona, ny taratasy aely, trakitra, pete-drindrina ary taratasin-datsabato ho amin' ny fampiezanz-kevitra, ankoatra ny fepetra voadidin' ny lalana.

Raréna torak' izany koa ny fizarana ireo antontan-taratasy ireo amin' ny andro anaovana ny latsabato.

And. 32. — Ny faharetan' ny fotoana anaovana fampiezanz-

kevitra dia ho ferana amin' ny alàlan' ny rijan-teny manokana atao ho an' ny fifidianana tsirairay avy.

Raha toa ka mitanindry ny fari-potoana, anaovana, ny fifidianana roa mifanesy, dia hajanona aloha ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana-faharoa amin' ny andro anaovana ny latsabato amin' ny fifidianana voalohany.

(*Hitsivolana leharana faha-92-044 tamin' ny 23 oktobra 1992*).

And. 33 (vor/ot) — Malolotô ny fivoriono atao amparibemoso mombo ny fifidianana rotoho flancovana fonombarana malolotô eny omin' ny olontonam-panjikana co amin' ny ambaratongan' ilay tsorana vokasik' izony. No izony azo crôto, dia toy azo ateo ony omin' ny lôlom-behesta no ony on-toona irony fivoriono irony.

Raha toa ka manterentana ny filaminam-bohoko izy irony, dia azon' ny olontonam-panjikana co amin' ny ambaratongan' ilay tsorana vokasik' izony atao ny mandravo no kosa mampiato dzy irony.

And. 34. — Tsy maintsy ao anatin' ny toe-tsaina anjakan' ny fifanajana mifamaly sy ny fihavanana no izoran' ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana ka-tsy andrenesana mihitsy teniteny foana ho filâna ady ary koa manivaiva. Izay rehetra mandika ireo fepetra ireo dia ho toriana araka ny voalazan' ny andininy faha-119 etsy ambany.

(*Hitsivolana leharana faha-92-044 tamin' ny 23 oktobre 1992*).

« And. 35 (voovoal) — Rarôno mafy ory fezîn' ny lôlôna ny fampiasana ireo fomba nentim-paharazana zory miterika fômotrahan-teny maningatra, ny tena sy mahotongo fomerotana co amin' ny mpifidy iray handatae-bato ho an' ny celfdy iray na ho an' ny mpilotsoko hofidina iray na ny licity ny mpilotsoko hofidina.

Ireo trano fiveyahana sy tranom-panjakana ory trano fonenan' ny miaramila dia tsy azo ampiasaina haneovana fampielezan-kevitra »

And. 36. — Mandritra ny fotoana aharetan' ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana, dia rarâna izay rehetra'mety ho, fitokanana ofisialy.

Rarâna ny fampiasana ireo fananam-panjakana sy ireo fiarakodiam-panjakana mba hoenti-manao fampielezan-kevitra.

Ny tsy fanajana ireo fepetra voalazan' ny paragrafy etsy ambony dia hotoriania ho toy ny fandikan-dalâna momba ny ady heloka fo-tsiny tsotra izao.

And. 37: — Ireo fikambanana mizaka ny zo aman' andraikitra fehezin' ny lalâm-panjakana, ireo fikambanana mizaka ny zo aman' andraikitra fehezin' ny lalâna ifampitondrana ivelan' ny Fanjakana, ka ny ampaham-bola betsaka amin' ny renivolam-pikambanana ampiasainy dia iray na maromaro no tompony, dia tsy mahazo manao fanomezana na inôna na inona, amin' ny fomba mivantana na an-kolakai, mba hoenti-mamatshy ara-bola ny fampielezan-kevitra ataon' ny antoko politika, anankiray, na fikam-

banana anankiray, na mpilatsaka hofidina anankiray na lisitry ny mpilatsaka hofidina iray.

And. 38. — Tsy misy na dia iray aza, antoko politika na fikambanana izay nanolotra na nanohana mpilatsaka hofidina iray na lisitry ny mpilatsaka hofidina, mpilatsaka hofidina na lisitry ny mpilatsaka hofidina, mahazo mandray mivantana na an-kolaka, vola fanampiana na fanampiana ara-pitaovana avy amin' ny Fanjakana vahiny iray, noho ny fandaniana mety ataony na inona karan' izany na inona.

And. 39. — Tsy misy tombo sy hala fa tsy maintsy ho aradrariny ny fitsinjarana ny fotoana ahazoam-miteny ao amin' ny Sampan-draharaoha'ny fandefasam-peon' ny Radio Madagasikara sy ny Televiziona Nasionaly Malagasy ary any amin' ireo sampan-draharaoham-paritra izay masoivohon' izy ireo, eo amin' ny samy antoko politika na fikambanana izay nanolotra na nanohana mpilatsaka hofidina iray na lisitry ny mpilatsaka hofidina, eo amin' ireo samy mpilatsaka hofidina tsirairay na ny lisitry ny mpilatsaka hofidina.

Torak' izany koa mikasika ny fampiasana ireo kianja sy trano falehan' ny besinimaro ka nahazoan-dàlana.

And. 40. — Ireo fepetra, fomba, fe-potoana ary fombafomba fanomezana ny fahazoan-dàlana hanao fampielezan-kevitra dia ho faritana amin' ny alalan' ny rijan-teny manokana natao ho an' ny sokajim-pifidianana tsirairay avy.

TOKO III

NY AMIN' NY FANAOVANA PETA-DRINDRINA

And. 41. — Mandritra ny fotoana aharetan' ny fampielezan-kevitra amin' ny fífidianana dia misy toerana fametahana peta-drindrina momba ny fífidianana omen' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany, ampiasain' ireo antoko politika, na ireo fikambanana izay nanolotra na nanohana mpilatsaka hofidina na ny lisitr' ireo mpilatsaka hofidina; ireo mpilatsaka hofidina na lisitr' ireo mpilatsaka hofidina, ... tsy maintsy toerana mahavantana falehan' ny besinimaro izy ireny ary miáta la vitra ny biraom-pifidianana.

Isaky ny toerana iray amin' irény dia atao mitovy velarana ny fametahana peta-drindrina omena ny tsirairay amin' ireo mpilatsaka hofidina na ny lisitr' ireo mpilatsaka hofidina tsirairay.

And. 42. — Ny toerana dia omena arakaraka ny filaharan' ny fahatongavan' ireo fangatahana izay tsy maintsy atao folo andro aorian' ny vaninandro farany voatondro ho fametrahana ny filatsahan-kofidina, raha, tratra aoriana indrindra.

And. 43. — Rarana ny manao-peta-drindrina miloko fotosy na ahitana ny fitambaran' ny loko telo, dia ny fotosy sy mena ary maitso izay an' ny Fanjakana Malagasy.

And. 44. — Tsy misy peta-drindrina azo apetaka intsony na dia iray aza aorian' ny andro sy ora ifaranan' ny fampielezan-kevitra amin' ny fidianana.

TOKO IV

NY AMIN' NY FANONTANA PIRINTY SY FIZARANA NY TARATASIN-DATSABATO

And. 45. — Ny latsabato dia atao amin' ny alàlan' ny taratasin-datsabato izay omen' ireo antoko politika, fikambanana, mpilatsaka hofidina na ny lisitry ny mpilatsaka ho fidina ary ny Fanjakana no mandefa izany.

Amin' izany, ny antoko politika tsirairay na ny fikambanana izay nanolotra na nanohàna mpilatsaka hofidina na lisitry ny mpilatsaka hofidina, ny mpilatsaka hofidina tsirairay na ny lisitry ny mpilatsaka hofidina isanisany dia manolotra amin' ny vaomiera iray voatokana ho amin' izany ireo taratasin-datsabatonny ampy tsara ny hebetsahany ka ao anatin' izany ireo ilaina amin' ny fikarakarana ny fidianana fihodinana faharoa izay tsinjovina sahadymieny misloha rahà misy, amin' ny alàlan' ireo rian-teny manokana mikasika ny sokajim-pifidianana isanisany.

Didim-panjakana no hametrà izay ho anisan' io vaomiera io sy ny fombaombà fampandehanan-draharaoha ao aminy.

Didim-panjakana no hamaritra izay ho toetoetra mampiavaka ny taratasin-datsabato sy ny lokon' izy ireny ary ny mari-panavahana izany mbamin' ireo fepetra mikasika ny fandefasana ilàlana azy ireny.

And. 46. — Ny saran' ny fanontana pirinty ireo taratasin-datsabato dia oneran' ny Fanjakana amin' ireo antoko politika, fikambanana, mpilatsaka hofidina na lisitry ireo mpilatsaka hofidina izay nahazo ahay ny (10) folo isan-jaton' ny vato manan-kery farafahakeliny, ary izany dia araka ny fombaombà izay ho ferana amin' ny alalan' ny didim-panjakana atao eo am-pivoran' ny Governemanta.

And. 47 (vaovao). — Tsy misy filazana hafa ho hita eo shatin ny taratasin-datsabato afa-tay ny anaranà sy ny fanampin' anaranà ary, raha misy, dia ny sarin' ilay ne ireo mpilatsaka hofidina, sy ny mari-panavahana ny antoko politika ne ny fikambanana iray nanolotra azy na nanolotra azy ireo ary kosa ny fanondroana ny fari-pifidianana.

And. 48. — Mandritra ny fotoana aharetan' ny fampielezan-kevitra momba ny fidianana, dia-raràna izay rehetra mpiasam-panjakana manampahefana tsy anisan' ny mpilatsaka hofidina, tsy hizara, eo am-panaovery ny asany na noho ny fanaovany izany, taratasin-datsabato sy fanehoan-kevitra ary taratasy aely ho amin' ny anaran' ny mpilatsaka hofidina na ho amin' ny anaran' ny lisitr' ireo mpilatsaka hofidina.

And. 49. — Amin' ny andro anaovana ny latsabato, dia raràna ny mizara na mampizara taratasin-datsabato, taratasy aely ary antontan-taratasy hafa momba ny fampielezan-kevitra.

And. 50. — Tsy ilàna fanolorana sosony araka ny voandidin' ny lalàna ny taratasin-datsabato.

TOKO V

MOMBA NY KARA-PIFIDIANANA

And. 51. — Ny mpifidy tsirairay dia mahazo karatra iray omen' ny Fanjakana izay manamarina ny zony handatsa-bato sy ny nisoretany anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy.

Ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Firaisampokontany no manao io karatra io sy manao sonia azy araka ny fepetra sy araka ny modeley izay ho faritana amin' ny alàlan' ny didim-panjakana. Ho hita ao avokoà ireo fanondroana rehetra izay tsy maintsý voasoratra tao amin' ny lisitry ny mpifidy araka ny voalazan' ny andininy faha-9 etsy ambony. Manan-kery mandritra ny dimy taona, manomboka amin' ny voalohan' ny volana january amin' ny taona anomezana azy ny karatra.

And. 52. — Ny fanomezana ny kara-pifidianana amin' ireo mpifidy dia karakarain' ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana ary eo ambony fiandraiketan' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Firaisampokontany.

And. 53. — Omena ny mpifidy ny karatra rahefa nohamarinina ny maha-izy azy sy soniaviny ny taratasy fizarana izany, izay nasehon' ny mpandraharaha miandraikitra ny fizarana.

And. 54. — Ny andro anaovana ny fifidianana, ireo karatra tsy voazara dia apetraka ao amin' ny biraon' ny komitim-parity ny fandriampahalemana mba halain' izay mpifidy tompony.

Aorian' ny famaranana ny latsabato, dia alefan' ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana any amin' ny solontenan' ny Fanjakana, eo amin' ny ambaratongan' ny Firaisampokontany, ireo karatra tsy voazara sy tsy misy mpaka miaraka amin' ny taratasy filazana ny anaran' izay tompony.

Aorian' izany, ireo taratasy firaiketana ireo dia omena ny vaomieram-panjakana, voatondron' ny andininy faha-10 etsy ambony, izay miandraikitra ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy amin' ny manaraka.

And. 55. — Raha misy fahaverezan' ny kara-pifidianana, ilay mpifidy dia tsy maintsý mampandre eo no ho eo ihany ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana izay mampahafantatra izany ny filohan' ny biraon' ny fandatsaham-bato voakasika mba hisakanana ny hosoka amin' ny fampiasana ilay karatra very no sady

manome ny mpifidy tapakila naharaisana ny fanambarana ny fahaverezana izay manamarina koa ny fisoratan' izany mpifidy izany anarana amin' ny lisitry ny mpifidy sy ny zony handatsabato.

And. 56. — Ny mpifidy rehetra voasoratra anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy dia manana zo handray anjara amin' ny latsabato. Raha very ny kara-pifidianany ka tsy nahazo solony arapotoana na ny tapakila voalazan' ny andininy faha-55 etsy ambony izy, dia ampy ho fanamarinana ny tampisehoany ny taratasy milaza ny maha-izy azy, na ny hitondrany vavolombelona roa monina ao amin' ny Fokontany misy azy ka voasoratra anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy sy afaka manaporofo ny maha-izy azy ireo koa na fantatry ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato.

And. 57. — Tsy ilain' ny mpifidy intsony ny mampiseho ny kara-tondroin' ny andininy faha-51 etsy ambony raha nanao fanaphana ny filohan' ny fitsarana ambaratonga voalohany na ny sampam-pitsarana na ihany koa ny mplsara voatenidry-ho filohan' ny vaomiera miandraikitra ny fanisam-bato izay mandidy ny fano-ratana azy ao amin' ny lisitry ny mpifidy na ny fampisehoana ny kopian' ny didy navoakan' ny Fitsarana Tampony manaoana ny didim-pitsarana izay mandidy na manamafy ny fikosehana ny anarany. Atovana ny fitanana an-tsoratra ireo raharahan-pifidianana izany.

TOKO VI

NY AMIN' IREO BIRAO FANDATSAHAM-BATO

And. 58. — Tsy azo ampiasaina ho birao fandatsaham-bato ireo trano fivavahana'sy tranon' olon-tsotra ary ireo toeram-ponenana'ny miaramila.

Raha tahiny ka tsy misy na iray aza, ao amin' ny Fokontany, trano falehan' ny bésinimaro azo ialofan' ny birao fandatsaham-bato, ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana ao amin' ny Fokontany dia tsy maintsy mampandre izany ny solontenan' ny Fanjakana any amin' ny ambaratongan' ny Firaismampokontany raha vantany vao mivoaka ny didim-panjakana manaika ny mpifidy mba ahazoan' ity farany mangataka ny fampandeferana ny fa-apiharana ireo fepetra voalazan' ny paragrafy etsy ambony.

(*Hitsivolana Taharena faha-92-044 tamin' ny 23 oktobra 1992*).

— And. 59 (*vaovao*). — Amin' izany rehetra izany, dia tsy maintsy raiketina amin' ny alalan' ny didim-pitondrana atao'ny Solontenan' ny Fanjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Faritanay, ny lisitr' ireo birao fandatsaham-bato ary izany dia enina ambin' ny folo (16) andro ahay mialoha ny vaninandro anaovana ny latsabato no sady koa ampahafantarina ny mpifidy amin' izay fomba-rehetra mifanentana amin' izany, eo ambanay fikarsakaran' ny Fitondran-drahraham-penjakana.

Izay rehetra fanovana atao amin' io lisitra io, na izay rehetra birao vaovao na koa toerana vaovao asiana ny birao, dia tsy

maintsy hanaovana didim-pitondrana fantaoceno izoy toy maitsoy roloina velo amby oespolo (48) ora ahay mialoha ny andro fandatsaham-bato ary ampohofenterino ny besinimaro amin' ny oldon' ny fomba rohotra.

And. 60. — Misy filoha iray, filoha lefitra iray, mpitsara mpanampy efatra ary mpitantsoratra iray ao amin' ny biraо fandatsaham-bato. Ho fakan-kevitra totsiny ihany ity farany eo amin' ny fifampierana ataon' ny biraо.

Na inona na inona fisehoan-javatra, dia mambra telo ahay ao amin' ny biraо no tsy maintsy manatrika ao amin' ny biraо fandatsaham-bato mandritra ny fotoana izoran' ny fifidianana.

Na manao ahoana na toy inona, ireo mpilatsaka ho fidina amin' ny fifidianana dia tsy mahazo manao ny asan' ireo mambra ao amin' ny biraо fandatsaham-bato

And. 61. — Ireo mambra ao amin' ny biraо fandatsaham-bato dia mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra no sady voasoratra ao amin' ny lisitry ny mpifidin' ny Fokontany

Ny filoha sy ny filoha-lefitra ary ny mpitantsoratra dia tendren' r / fivoriamben' ny Fokontany izay nantsoina-hivory manokana ho amin' izany raha vantanvao mivoaka ho fantatry ny besinimaro ny didim-panjakana iantsoana ny mpifidy. Io fivoriambe io no tsy maintsy manendry ihany koa, mandritra izany fotoam-pivoriany izany ihany, izay mpisolo toerana ireo mambra ao amin' ny biraо fandatsaham-bato voalaza ireo. Ny fanendrena dia hita fototra amin' ny alalan' ny fanapahana ataon' ny solontenam-panjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Firisampokontany.

Raha toa ka tafahitsoka ny paika arahina ao amin' ny fanendrena ny filoha sy ny filoha-lefitra ary ny mpitan-tsoratry ny biraо fandatsaham-bato mbamin' izay mpisolo toerana azy ireo araka ny azy ireo araka ny voalazan' ny paragrafy faha-2 etsy ambony, ary izany dia na noho ny tsy fisian ny mpifidy malaiy mamaky teny sy manoratra, na noho ny tsy fahatrarana ny isa ilaina mba hampanan-kery ny fanapahan-kevitra ataon' ny fivoriamben' ny Fokontany, dia ny solontenan' ny Fanjakana eo amin' ny ambara tongan' ny Firisampokontany no manao ny fanendrena valo andro ahay mialoha ny vaninandro hanaovana ny fifidianana, ireo olon-kafa mahafeno ny fepetra ilaina ka monina ao amin' ny-faritry ny tany iadidian' ny Firisampokontany

Na manao ahoana na manao ahoana, ny filohan' ny komitim-parity ny fandriampahalemana dia tsy mahazo mampirafy raharaha amin' ny asan' ireo mambra ao amin' ny biraо fandatsaham-bato.

Sokajy |

Mpitsara mpanampy

And. 62. — Mpifidy efatra mahay mamaky teny sy manoratra, ary voasoratra anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy ao amin' ilay

pokontany no misahana ny raharahan' ny mpitsara mpanampy ilo mpitsara mpanampy sy izay mpisolo toerana azy ireo dia tendifrena araka ny fombafomba mitovy amin' izay fanendrena ireo mambra hafa amin' ny birao fandatsaham-bato tondroin' ny para-grafy faha-2 sy faha-3 entin' ny andininy faha-61 etsy ambony.

Raha toa ka latsaky ny efatra ny isan' ireo mpitsara mpanampy tonga manatrika eo, dia manendry iray na maromaro amin' ireo mpifidy mahay mamaky teny sy manoratra ary voasoratra amin' ny lisitry ny mpifidy ao amin' ilay birao fandatsaham-bato ny filohan' ny biraom-pifidianana mba hisahana ny raharahan' ny mpitsara mpanampy.

Sokajy II

Delegen' ny mpilatsaka hofidina na ny an' ny lisitry ny mpilatsaka hofidina

And. 63. — Araka ny fisehoan-javatra, dia manana zo ny mpilatsaka hofidina tsirairay na ny mpisolo tena isanisany ao amin' ny lisitry ny mpilatsaka hofidina nomem-pahefana hanao izany, hanana delege iray avy tompon-toerana na mpisolo toerana isaky ny birao fandatsaham-bato izay afaka hanara-maso ny raharahan-pifidianana. Azon' ny mpilatsaka hofidina tsirairay na ny iray amin' ireo mpilatsaka hofidina amin' ny lisitra na ny solontena tsirairay avy amin' ny lisitr' ireo mpilatsaka hofidina atao ny manome fahe-fana ny mambra iray ao amin' ny antoko politika na fikambariana misy azy mba hanendry ireo delege.

Ireo mpilatsaka hofidinà dia mahazo manatrika ny raharahan-pifidianana ka tsy misy fombafomba takiana amin' izy ireo mialoha amin' izany. Eo anilan' ny toerana natoekana ho an' ny delege no ipetrahan' izy ireo. Na izany aza anefa, dia azon' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato atao ny mangataka ny fanamarinana momba ny maha-izy azy ireo. Tsy mahazo miara-manatrika eo ny delege tompon-toerana sy mpisolo toerana.

Na manao ahoana na manao ahoana, dia terana ho efatra ny isan' ireo delege nantsoina hanatrika ao amin' ny birao fandatsaham-bato iray. Raha toa ka minoatra io tarehi-marika io ny isan' izy ireo, dia manao fandaminana ny filohan' ny birao fandatsaham-bato mba ahazoan' izy ireo mifandimby mba ahafahan' ny delege tsirairay avy manao ny asany. Na manao ahoana na toy inona, ny tsy fision' ny fifandimbiasana dia tsy zary antony iray avy hatrany hanaoanana ny raharahan-pifidianana.

And. 64. — Ny delege dia tsy maintsy mpifidy voasoratra ana-rana ao amin' ny iray amin' ireo lisitry ny mpifidy ao anatin' ny Fivondronampokontany Azony atao ny mandatsa-bato ao amin' ny biraom-pifidianana izay nanendrena azy ka hanatontosany ny iraka maha-delege azy, afa-tsy raha misy fepetra mifanohitra amin' izany voalazan' ireo rijan-teny manokana mifehy ny sokajim-pifidianana tsirairay.

Raha misy ilàna izany, dia anampy ao amin' ny lisitra fanamarihan-tsonia izay an' io biraom-pifidianana io ireo filazalazana rehetra momba azy, araka ny voasority ny andinin-faha-65 etsy ambany, miarakà amin' ny laharana entin' ny kara-pitidianany sy ny fanondroana mazava ny birao handatsahany vato. Homarihina ao anatin' ny fitaanana an-tsonatra ireo raharraham-pifidianana, izany, ka atovana azy koa ny taratasy nanirahana ilay delege.

And. 65. -- Tsy maintsy ampahafantarina mivantana ny filohan ny biraom-pifidianana mialoha ny fisokafan' ny latsabato ny anaran' ilay delege. Na ho an' ny tompon-toerana na ho an' ny mpisolo toerana, io fampahafantarana io dia tsy maintsy misy, ankoatry ny antony nanirahana azy :

- ny anarana sy fanampin' anarana;
- ny vaninandro sy toerana nahaterahana;
- ny fonefana;
- ny laharana sy ny vaninandro ary toerana nanomezana ny karapanondrom-pirenena, ny fahazoana mamily fiarakodia-na pasipaorq;
- ny laharana entin' ny kara-pifidianana sy ny fanondroana mazava ny birao handatsahany vato;
- ny filazana mazava ny birao fandatsaham-bato izay nahazoany fahefana hanaovany ny asany.

Ny fampahafantarana izay vita sosony roa amin' ny taratasy tsotra tsy misy hajja, dia tsy maintsy soniavin' ilay manana fahefana haniraka ny delege tompon-toerana sy ny mpisolo toerana azy io.

Tsy maintsy hamarinina eo anatrehan' ny lalàna na ny sonian' ilay mpanome fahefana na ny an' ny notoloram-pahefana tsirairay ka ny solontenan' ny Fanjakana any amin' ny ambaratongan' ny Firisampokontany iray na ny lefiny no manao izany.

Maimaimpoana ny fanamarinan-tsonia eo anatrehan' ny lalàna.

And. 66. — Ny sosony faharoa amin' ny fanambarana ny fampahafantarana dia hatolotry ny mpanome fahefana mivantana ny delege ary manan-kery toý ny taratasy ara-dalàna tsy ilàna fombafomba hafa takiana aminy ahazoany misahana ny asa nanirahana azy.

Tsy maintsy aseho ny filohan' ny birao fandatsaham-bato io taratasy fanamarinanana io ary marihina ao anatin' ny fitanana an-tsonatra ireo raharraham-pifidianana, izany.

And. 67. — Arovâna ny zon' ireo delege ary tomombana ny fisio-joan' izy ireo tena ny mpilatsaka hofidina tsirairay na ny lisiry ny mpilatsaka hofidina isanisany any amin' ny 'birao fandatsaham-bato raha vantany vao mitendra ny fanambarana ny fampahafantarana ara-dalàna tsara sy vita araka ny tokony ho izy nomeñ' ny

mpilatsaka hofidina na ny solontenan' ny lisitry ny mpilatsaka hofidina izay soloan' izy ireo tena ary mitondra ny karatra famanatarana tondroin' ny andininy faha-79 etsy ambany

Raha toa ka m'ny ny fandroahana na tsy fahafahan' ny delege tompon-toerana, dia ny delege mpisolo toerana no antsoina avy hatrany mba hisolo azy

Na manao ahoana na manao ahoana ny mpanome fahefana ny mpilatsaka hofidina na ny lisitry ny mpilatsaka hofidina, ka rehefa nahazo alàlana hanao fampielezan-kevitra araka ny voalazan' ny andininy faha-40 etsy ambony, dia mahazo manendry delege iray 'ao'ao mandritra ny fotoana rehetra handatsaham-bato mba hiantoka ny fisoloana ny tenany rana sendra voaroaka na azon-tsampona ireo delege notinendry tany am-boalo'hany. Io fanendrena io, izay lazaina am-bava amin' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato dia homarinhina ao anatin' ny fitanana ant-soratra ireo raharaha mikasika ny latsabato ary tsy maintsy ahitana ireo filazalazana voatendron' ny andininy faha-65 etsy imbon'y.

And. 68. — Na manao ahoana na manao ahoana, ny tsy mahaeo ny delege iray dia tsy qhazoana mampiato velively ny fizotry ireo raharaha mikasika ny latsa-bato na ihany koa tsy zary ho lasa vato misakana ka manafoana ireo raharaha voalaza ireo ary izany dia na noho ny antony inona na noho ny antony inona.

SOKAJY III

*Fanabeazana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana
sy fanarahama-maso ny fifidianana*

And. 69. — Ireo fikambanana ivelan' ny Fanjakana -ONG- (na avy eto amin' ny Firenena izy ireny, na vahiny hafa firenena na koa iraisam-pireneha) izay mikendry ny fanandrataha hatrany ny zon' ny mpifidy, handatsa-bato no asa sahanin' izy ireo, dia azo omena alàlana araka ny fanapahana atao'ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) voalazan' ny lohateny III amin' ity Lalàm-pifidianana ity mba hanara-maso ny fizotry ny raharaha mikasika ny fandatsaham-bato ary izany dia hatrany amin' ny fandefasana ilàlana ny fitanana an-tsoratra mankankana amin' ny filohan' ny vaomiera miandrakitra ny fanisam-bato sy any amin' ny fiandraiketan-tsoratry ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana. Araka izany dia manendry mpanara-maso izy ireo, izay voafetra ho telo ny isany mitambatra raha be indrindra mba hisolo azy ireo any amin' ny birao fandatsaham-bato iray. Amin' izany rehetra izany, ny mpanara-maso nekena hanao ny asany dia tsy maintsy manaja ny fepatra raikezin' ny «Dinan' ny fanabeazana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana» sy ny «fanarahama-maso ny fifidianana» zoveno. Iao Lalàm-pifidianana izao. Na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana, ireo mpanara-maso dia tsy mahazo manao fanelanelanana eo amin' ny fampan-dehanan' esa ao amin' ny birao fandatsaham-bato.

And. 70. — Ny mpanara-maso tsirairay dia tsy maintsy mampi-seho amin' ny filohan' ny biraô fandatsaham-bato ny taratasy vavolombelona avy amin' ny fikambanana nihaviany ka misy mazava ny sonian' ilay mpanome fahefana azy sy ilay olona nira-hina samy voamarina teo anatrehan' ny lalâna. Ankoatra ny votoatin' ny iraka nampanaochina azy, ny taratasy vavolombelona dia tsy maintsy manondro :

- ny anarana sy fanampin' anarana ; ,
- ny vaninandro sy ny toerana nahaterahana ;
- ny fonenana ;
- ny fanondroana ny fikambanana sy ny adiresy misy ny foiben-toerany ;
- ny laharana sy ny vaninandro ary ny toerana nanomezana ny karapanondrom-pirenena-ho an' ny mpanara-maso teratany, na ny pasipaoro ho an' ny mpanara-maso vahiny ;
- ny fanondroana marina ny na ireo biraô fandatsaham-bato, izay nahazoany fahefana hanaovany ny asany ;
- ny laharana entin' ny kara-pifidianana sy ny fanondroana mazava ny biraô handatsahany vato ho an' ny mpanara-maso teratany.

Asiana filâzâna izany ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha-pifidianana miaraka amin' ireo fanamarihana rehetra atao' ny mpanara-maso tsirairay avy.

And. 71. — Ny mpanara-maso teratany dia mahazo mandatsabato any amin' ny iray amin' ireo biraom-pifidianana izay nahazoany fahefana hanaovany ny asany. Ilo biraom-pifidianana io dia tsy maintsy tondroina ao anatin' ny taratasy vavolombelona voalazan' ny andininy faha-70 etsy ambony. Eo amin' izany toe-javatra izany, dia ampiana ao anatin' ny lisitra fanamarinan-tsonia ao amin' io biraom-pifidianana io, izay tian-ko fantatra rehetra momba azy araka ny voasoritra tsara ao amin' ny andininy faha-70 etsy arhony miaraka amin' ny laharâna entin' ny kara-pifidianany sy ny fanondroana marina izay biraô handatsahany vato. Marihina ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha-pifidianana izany ka atovana azy io koa ny taratasy vavolombelona voalaza etsy ambony.

And. 72. — Mandritra ny fe-potoana aharetan' ny asa nanirahana ireo mpanara-maso vahiny tena nahazo alâlana sy manana porofo marina hanao izany eto Madagasikara, araka ny andininy faha-70 etsy ambony, dia maimaim-poana ny fanaovan-tsonia arahina fitombokase ny fidirana ary ny fitoeran' izy ireo eto.

Ankoatra izany, mandritra io vanim-potoana io ihany koa, izy ireo dia manana zo mikasika ny satâ mifehy ny iraka mitoetra sy miasa eto eo amin' ny saram-piantohana ny fandañiana amin' ny hotely sy ny fitaterana ary ny fanofâna fiarakodia sy ny fampanao-van-drahara hafta.

Eo am-pantanotosana ny iraka ampañaovina azy ireny dia tsy maintsy manaja ny fitandroana ny filaminam-bahoaka sy mankato ny didy aman-dalâna manan-kery eto amin' ny Tanim-pirenena izy.

SOKAJY IV

Fitandroana ny filaminana ao amin' ny birao fandatsaham-bato

And. 73. — Ny filohan' ny birao fandatsaham-bato irery ihany no miadidy ny filaminana ao amin' ny fivoriana.

Rarèna mafy ny mampiditra so na manodidina ny birao fandatsaham-bato ireo zava-pisotro misy alikaola sy/na ireo zava-mahadomelina.

Tsy azon' izay rehetra mitondra fiadiana isan-karazany ny midi-tria ao amin' ny birao fandatsaham-bato.

Tsy misy hery mitam-piadiana azo apetraka ao anatin' ny birao fandatsaham-bato na manodidina ny toerana hanaovana ny fivoriana, raha tsy nahazoan-dàlana.

Ny manampahefana sivily sy ny mpifehy miaramila dia tsy maintsy manatanteraka ny baiko iantsoan', ny filoha azy ireo.

Alohan' ny hanaovana ny baiko fiantsoana, ny Filohan' ny birap fandatsaham-bato dia tsy maintsy mifampidinika amin' ireo mambra ao amin' ny birao tandrify izany. Izay na ireo olona, fototry ny baiko fiantsoana noheverina atao dia tsy hilàna hevitra raha tahiny ka mambra ao amin' ny birao izy ireo.

And. 74. — Ny baiko fiantsoana ataon' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato dia tsy azo atao hany antony hisakanana ireo mpilatsaka hofidina na ireo delegen' izy ireo sy ireo mpanara-maso nekena hanao ny asany tsy hisahana ny fanaraham-maso araka ny tokony ho izy ny raharaham-pifidianana na koa tsy hampiasa ny tombom-pahefana izay ananan' izy ireo araka ny voatondron' ny lalàna sy didy amam-pitsipika.

And. 75. — Raha toa ilay baiko fiantsoana ka miafara amin' ny fandroahana na mpitsara mpanampy iray na maromaro, na delege iray na maromaro, na mpanara-maso iray na maromaro, na mpanisa vato iray na maromaro, dia tsy maintsy ataon' ny Filoha tsy misy hatak' andro araka izay voalazan' ireo rijan-tenin-dàlana sy rijan-tenin-didy amam-pitsipika manan-kery, ny fanoloana ny na ireo olona noroahina, ary izany dia atao alohan' ny hifaranan' ny baiko fiantsoana sy ny händaozan' ny manampahefana ny birao fandatsaham-bato. Raha tahiny ka misy fandroahana mpitsara mpanampy iray na mpanisa vato vato iray, na koa tsy fahatontosany ny andraikiny na inona na inona antony, ny Filoha dia tsy maintsy manendry mpifidy iray manatrika eo ka mahay mamaky tenty sy manoratra mbà hisolo azy.

Ny manampahefana izay nanao ny fandroahana ny mpitsara mpanampy iray na maromaro, na delege iray na maromaro na koa mpanara-maso iray na maromaro, na mpanisa iray na maromaro, araka ny baiko fiantsoana nataon' ny filohan' ny birao fandatsaham-bato, dia tsy maintsy mandefa avy hatrany, aorian' ny fandroahana, fitànana an-tsoratra iray anaovany tatitra momba ny iraka nampiandraiketina azy any amin' ny Mpampanoa lalàna sy any amin' ny solontenan' ny Fanjakana eto amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany voakasik' izany.

And. 76. — Ny birao no manapaka vonjimaika ny amin' ireo olana mitranga mikasika ny raharaha atao' ny fitambaran' ny mpifidy na ny sampan' ireo birao fandatsaham-bato. Tsy maintsy ombàn' antonantony ny fanapahan-kevitra noraisiny.

Tsy maintsy soratana ao amin' ny fitànanana an-tsratratra ny fitarainana sy fanapahan-kevitra rehetra ary atovana aminy ireo singataratasy na taratasin-datsabato mikasika izany rehefa nasian' ny birao sonia rango-pohy.

And. 77. — Ireo-sokajin' olona mpifidy dia tsy mahazo misahana afa-tsy ny fifidianana izay namoriana azy ireo ihany.

Raràna izy ireo tsy hiady hevitra na hikaon-doha, na ao anatin' na ety ivelan' ny birao fandatsaham-bato.

(*Hitsivolana Iaharena faha-92-044 tamin' ny 23 oktobra 1992*).

« And. 78 (voovoao). — Raràna ny fanaovana, ao anatin' ny birao fandatsaham-bato, izay rehetra peta-drindrina, ony na dia iren teratasin-draharaha ofisialy na teratasim-panjakana aza; ary koa rehefa mety ho sarin-teny zary fanentanana vita an-tsratratra mibaribary, na rehefa mety ho sary, afa-tsy ny sary sy mari-panevarana izay hita amin' ny teratasin-datsabato. »

And. 79. — Mandritra ny fotoana aharetan' ny latsabato, ny fitondrana karatra-famantarana, izay didim-panjakana no mamebra ny endriny sy ny modely, dia tsy maintsy atao na ho an' ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato, na ho an' ny delege sy ny mpanara-maso nekena hisahana ny andreikiny. Manerana ny Tanim-pirenena dia mitovy endrika avokoa ireo karatra famantarana. omen' ny Fanjakana.

Ny mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana sy ny manampahefana ara-pitondrana ary ny/na ireo mpilatsaka hofidina mbamin' ireo mpanao gazety nekena-hanao ny asany dia voatery ihany koa mitondra karatra famantarana mandritra ny fotoana anaovana ny fifidianana.

And. 80. — Apetraka eo ambony latabatry ny birao fandatsaham-bato ny sosony iray amin' izao hitsivolana izao sy ireo rijanteny natao ho fampiharana azy ary koa eo amin' ny toerana ahafahan' ny mpifidy rehetra mijery azy ireo eo an-toerana ihany.

TOKO VII

NY AMIN' NY FANDATSAHAM-BATO

And. 81. — Amin' ny anaran' ny tena ihany ny latsabato. Tsy azo atao amin' ny alàlan' ny fanomezam-pahefana hisolo ny tena na amin' ny alàlan' ny taratasy hifandefasana izany. Raha misy

mpiasam-panjakana, na mpitsara, na mpitandro filaminam-bahoaka, na miaramila ao amin' ny foloalindahy na ao amin' ny zandarimariam-pirenena manatontosa iraka ivelan' ny Fokontany misy ny fonenan' izy ireo kanefa ao anatin' ny fari-pifidianana misy azy ireo ihany, noho ny antony samihafa amin' ny andro hanaovana ny fidianana, dia mahazo mandray anjara amin' ny fandatsaham-bato izy ireo rehefa mampiseho ny taratasy nanirahana azy na izay singan-taratasy hafa mahasolo izany sy ny karpifidianany amin' ny Filohan' ny iray amin' ireo birao fandatsaham-bato ao amin' ny toerana misy azy ireo ka-hanaovany ny asany na hamindran-toerana azy ireo vonjimaika ihany.

And. 82. — Mafina ny latsabato.

And. 83. — Ny kopia iray amin' ny lisitry ny mpifidy dia apetraka eo ambony-latabatra ka manodidina izany no hivorian' ny birao.

And. 84. — Ny latsabato dia atao anaty valopy ka ny Fanjakana no miantoka ny valopy. Didim-panjakana no mameatra ny modely sy ny teny voalahatra amin' ireny valopy ireny.

Tsy tantera-páhazavana ireo valopy ireo no sady tsy misy dinty ahazoana manidy azy ary mitovy karazana avokoa isaky ny fotoam-pifidianana. Alefa any amin' ny birao fandatsaham-bato tsirairay izy ireny alohan' ny fidianana ka ny isany dia mitovy ahay amin' ny an' ireo mpifidy voasoratra.

Amin' ny andro fandatsaham-bato, dia omena hampiasain' ny mpifidy ao amin' ny efitrano fidianana ireo valopy ireo.

'Alohan' ny fanombohan' ny latsabato, dia tsy maintsy hamarin' ny birao fa foana tsy misy na inona na inona ny valopy.

Raha noho ny antony tsy azo anoharana na noho ny antony hafa, ka tsy misy ireo valopy ara-dalana ireo, dia tsy maintsy manolo izany amin' ny valopy hafa mitovy karazana amin' izy ireo ny filohan' ny birao fandatsaham-bato ary mampanao ny latsabato araka ny fepetra voalazan' izao hitsivolana izao. Marihina ao amin' ny fitanana an-tsratra izany fanoloana izany ary atovana azy ny dimy (5) amin' ireo valopy nampiasaina.

And. 85. — Tsy manomboka ny raharahan-pifidianana raha tsy efa voapetraky ny Filohan' ny birao fandatsaham-bato eo. ambony latabatra voatokana ho amin' izany daholo ny taratasin-datsabaton' ireo mpilatsaka hofidina rehetra na ireo lisitry ny mpilatsaka hofidina rehetra izay efa nanolotra izany, ny vaomiera manokana tondroin' ny andininy faha-45 etsy ambony.

Ny fahabangan' ny taratasin-datsabaton' ny mpilatsaka hofidina iray na ny lisitra iray misy ireo mpilatsaka hofidina, ka efa nanolotra izany ny vaomiera manokana dia mitarika ny fanafoanana ny latsabato ao amin' io birao io.

And. 86. — Raha toa ka tsy ahitana intsony eo ambony latabatra, ny taratasin-datsabaton' ny mpilatsaka hofidina iray na ny lisitry ny mpilatsaka hofidina iray, ao anatin' ny fotoana hanaovana ny raharraham-pifidianana, dia tsy maintsy aato avy hatrany izany 'rahahaha' izany mandra-parierenana io toe-javatra io.

Raha tsy misy mihitsy vahaolana azo atao amin' io lesoka io, dia hofoanana ny fandatsaham-bato ao amin' ilay biraom-pifidianana:

Na dia eo aza ireo fepetra voalažan' ny andininy faha-85 etsy ambony sy ny paragrafy faha-2 amin' ity andininy ity, ny fahabangan' ny taratasin-datsabaton' ny mpilatsaka hofidina iray na ny lisitry ny mpilatsaka hofidina iray, dia-tsy zary vato misakana velively ny fizoran' ny raharraham-pifidianana any amin' ny birao fandatsaham-bato iray na maromaro, na koa zary antony anafoanana ny latsabato amin' ireny birao voalaza ireny, raha 'tahiny izany lesoka izany dia hita miharihary fa vokatry ny tsy faham-piana mihitsy eo amin' ireo taratasin-datsabato nomen' ireo antoko politika, fikambanana, mpilatsaka hofidina na lisitry ny mpilatsaka hofidina araka ny voalazan' ny andininy faha-45 amin' izao Fehezan-dälana izao.

And. 87. — Ny vata fandatsaham-bato dia tsy tokony hisy afatsy hirika iray ihany voatokana hampidirana ny valopy alatsaky ny mpifidy tsirairay avy.

Alohan' ny hanombohana ny fandatsaham-bato sy rehefa avy niara-nanatrika ny fanamarihana fa foana tsy misy na inona na inona ny vata fandatsaham-bato, dia tsy maintsy akatona amin' ny hidiny roa na gadena roa samy hafa ny vata ka ireo fanalahidy dia mipetraka, ny iray any am-pelatanan' ny filohan' ny biraom-pifidianana ary ny iray any am-pelatanan' ny mpitsara mpanampy zokiolona indrondra.

And. 88. — Alohan' ny hidiran' ny mpifidy ao amin' ny birao fandatsaham-bato, ny mambra iray anisan' ny birao dia manamarina mialoha, sao io olona io efa misy ilay marika tsy maty kosehina natao araka ny fomba tondroin' ny andälana farany amin' ny andininy faha-91 etsy ambany.

And. 89. — Raha tafiditra ao amin' ilay efitrano, ny mpifidy dia tsy maintsy manamarina ny zony handatsa-bato amin' ny alàlan' ny fampisehoana ny karatrá iray maha-mpifidy azy na didy iray navoakan' ny Filohan' ny fitsarana na ilay mpitsara voatendry ho filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato voalazan' ny andininy faha-106 etsy ambany. Raha toa ka very ny kara-pifidianany, dia-tsy maintsy manaraka ireo fepetra voalazan' ny andininy faha-56 etsy ambony izy.

Aorian' ny fanamarinana ny maha-izy azy sy ny fandinihana fa voasoratra marina ao amin' ny lisitry ny mpitidy izy, diki maka sosony iray amin' ireo taratasin-datsabato rehetra ary koa valopy iray foana tsy misy na inona na inona.

Avy eo, mbola tsy nivoaka ny efitrano ilay mpifidy, dia tsy maintsy mandeha irery ao amin' ny faritra iray efa voaomana mba tsy ahitän' ny olona azy rehefa manitrika ny taratasin-datsabatony ao anaty valopy izy. Manaraka izany, dia asehony hohamatinin' ny Filohan' ny birao fandatsaham-bato fa tsy mitondra afa-tsy valopy iray ihany izy; manamarina izany ny filoha nefà tsy kasihiny ny valopy izay ilay mpifidy ihany no mampiditra ao anatin' ny vata fandatsaham-bato; ny fomba fametrahana ireo toerana fitokanana dia tao araka izay ahitan' ny besinimaro fa ara-dalàna ny fizotry ny raharaha-mpifidianana.

And. 90. — Na manao ahoana na manao ahoana, ny Filohan' ny birao dia tsy mahazo manome mihitsy alàlana handatsa-bato izay mpifidy mandà tsy handeha any amin' ny efitra fitokanana ka manitrika, eo imason' ny besinimaro, ny taratasin-datsabatony ao anaty valopy. Araka izany, dia iangaviany eo no ho eo ihany ity farany hivoaka avy hatrany ny birao fandatsaham-bato.

Ireo fepetra mitovy amin' izany dia ampiharina ihany koa raha toa ilay mpifidy ka mandà tsy haka sosony iray amin' ireo taratasin-datsabato rehetra mbamin' ny valopy napetraka eo ambony latabatra fiasana.

Amin' izany rehetra izany, dia hatao ny fanamarihana izany ao amin' ny fitanana an-tsoratra ireo raharaha-mpifidianana.

And. 91. — Aorian' ny fandrotsahan' ny mpifidy ny valopy ao anatin' ny vata fandatsaham-bato, dia soniaviny ny lisitra fanamarihan-tsonia eny an-tsisisiny. Raha tsy mahay manoratra izy, dia ny lavotondrony no apetany ao amin' ny lisitra fanamarihan-tsonia. Eo amin' ireo toe-javatra roa ireo, dia tovanan' ny mambra iray ao amin' ny birao fandatsaham-bato ny soniany, isaky ny mandeha, ny an' ilay mpifidy na ny lavotondron' izy io eo amin' ny lisitra fanamarinan-tsonia.

Mambra iray ao anatin' ny biraom-mpifidianana no manamarina fa mifanarako tsara amin' izay mipetaka ao amin' ny kara-mpifidianana io sonia io. Miaraka amin' izany koa, dia misy mpitsara mpanampy manamarika ny vaninandro nandatsaham-bato sy mamekaka ny soniany ao amin' ilay faritra voatokana ho amin' izany eo amin' ny kara-mpifidianana.

Mialoha ny handaozan' ny mpifidy ny birao fandatsaham-bato, dia asian' ny mambra iray anisan' ny birao, marika ny ankihibentènana haviany, artin' ny ranomainty tsy maty vonoina izy io. Raha sendra ka mondro izany rantsan-tànana izany, dia ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato no manapa-kevitra ny amin' ny safidy ataony amin' izay rantsan-tànana hasiana marika no sady mampanoratra ny filazana momba izany ao amin' ny lisitra fanamarihan-tsonia. Izay rehetra fandavana tsy hanaraka io fombafomba io, izay atao mba hisorohana dieny mialoha ny latsabato miverimberina imbetsaka, dia tokony iharany sazy voatondron' ny andininy faha-473 ao amin' ny Fehezan-dalàna famaizana. Ny filohan' ny birao fandatsaham-bato no mizaha fotra izany fandavana izany amin' ny alàlan' ny fanaovana fitanana

an-tsoratra iray ka mandefa azy ity any amin' ny mpitsara mpampano lalana; afaka izy amin' izay mikasika ny fanarahana ireo fombafomba tondroin' ny andininy faha-128 ao amin' ny Fehezan-dalana momba ny paika ady heloka.

And. 92. — Izay mpifidy rehetra hita fa manan-kilema tokoa ka tsy ahafaheny manitrika ny taratasin-datsabato ao anaty valopy sy mandatsaka izany ao anaty vata fandatsaham-bato, dia omen-dalana hangataka ny fanampian' ny mpifidy iray izay tiandy.

And. 93. — Ny latsabato dia hamarinina amin' ny alàlan' ny lisitra fanamarihan-tsonia eny an-tsisiny izay misy ny laharapisoratana, ny anarana, fanampin' anarana, ray aman-dreny niteraka, asa atao, ireo laharana sy vaninandro ary toerana nanomezana ny karapanondrom-pirenena ary koa ny tena adiresy marina an' ireo mpifidy voasoratra anarana ao amin' ny lisitrny ny mpifidy ka anisan' ny mandatsa-bato ao amin' ilay biraô tandrify izany.

Ampiana ao koa ny fanondroana mifanitsy amin' izay mikasika ireo mpifidy tonga miseho eo ka mitondra ny iray amin' ireo fanapahana voatondron' ny andininy faha-57 etsy ambony na ireo izay nahafeno ny fepetra voalazan' ny andininy faha-81 amin' izao Lalàm-pifidianana izao.

And. 94. — Izay rehetra mpilatsaka hofidina na ny solontenany voatendry ara-dalana ary izay rehetra mpanara-maso nankatoavina hanao ny asany, dia manana zo hanara-maso ireo raharaha rehetra mikasika ny latsabato sy ny fisarihana ny taratasin-datsabato ary ny fanisam-bato, any amin' ireo trano rehetra anaovana izany raharaha izany, ary koa hitaky ny fanoratana ao amin' ny fitanana an-tsoratra izay rehetra fanamarihana na fanoherana na fitsipahana momba ireo raharaha voalaza ireo, ary izany dia na mialoha ny fanambarana ny vokatry ny latsabato, na aty aoriany.

na fanoherana na fitsipahana momba ireo raharaha voalaza ireo, ary izany dia na mialoha ny fanambarana ny vokatry ny latsabato, na aty aoriany.

Izay rehetra fandavana tsy hampiasa io zo io dia mety hiharan' ireo sazy voatondron' ny andininy faha-126 etsy ambony.

TOKO VIII

NY AMIN' NY FISARIHANA NY VATO

And. 95. — Rehefa mifarana ny fandatsaham-bato dia arosy ny fisarihana ny vato. Atao am-pahibemaso izany fanisam-bato izany ary tsy maintsy ao anatin' ny biraom-pifidianana no iandraiketana izany.

Manendry mpanisa vato izay ampy tsara ny isany, ka mahay mamaky teny sy manoratra ny biraô, ary izany dia avy amin' ireo mpifidy tonga manatrika, izay mizara efatra isan-databatra farafahakeliny.

Raha maro ny mpilatsaka hofidina na lisitry ny mpilatsaka hofidina mifanandrina, dia azon' ireo solontenany atao avy ny manendry mpanisa vato ka tsinjaraina ihany koa, araka izay azo atao, amin' ny latabatra tsirairay fanisam-bato avy izy ireo.

Amin' izany dia omena ny filoha adiny iray maloha ny famaranana ny latsabato ny anaran' izy ireo mba hahazoana manao ny lisitry ny mpanisa vato isan-databatra alohan' ny fanombohan' ny fanisam-bato.

Ny latabatra, izay anaovana ny fisariham-bato, dia atao araka izay fomba hahazoan' ny mpifidy mivezevy manodidina azy iréo ka tsy hanelingelenany mihitsy ny asa ataon' ireo mpanisa vato.

Raha toa, amin' ny fotoana hifaranan' ny latsabato, ka tsy any am-pelatanan' ny filohan' ny biraom-pifidianana ireo fanalahidy roa mba hampiasainy, dia mandray izay fepetra rehetra ilaina izy mba hahazoana mamoha avy hatrany eo anatrehan' ny besinimaro ilay vata fandatsaham-bato.

And. 96. — Ireo mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato dia manao ireto asa manaraka ireto :

1. Famaranana ny isan' ireo mpandatsa-bato ao amin' ny lisitry, ny fanamarihan-tsonia eny an-tsising sy ny fanambarana izany;

2. Famohana ny vata fandatsaham-bato mba hamaritana ny isan' ireo valopy sy ny fanambarana izany.

Zarin' ny filoha amin' ireo latabatra samihafa ny valopy hohamarinina. Iray amin' ireo mpanisa vato isaky ny latabatra no misrika ny taratasin-datsabato avy ao anaty valopy tsirairay avy, ary rehefa novelariny izany dia atolony ny mpanisa vato iray hafa ; izy io no mamaky mafy izay voalaza ao ; mpanisa vato roa raha kely indrindra no mandray an-tsratra ireo anarana hita eo amin' ny taratasin-datsabato amin' ny ravin-taratasy efa voaomana ho an' ny fisariham-bato sy ny fanisana izany. Raha maromaro ny taratasin-datsabato ao anatin' ny valopy iray dia tsy manan-kery ny vato rehefa lisitra sy anarana samihafa no entin' ireo taratasin-datsabato ireo ; isaina ho vato iray kosa izany raha toa ka lisitra mitovy na mpilatsaka hofidina iray ihany no voatondro ao.

Ireo mpanisa vato no mamarana sy manao sonia ny taratasy fisarihana ny vato sy ny fanisana izany.

And. 97. — Aorian' ny fandatsaham-bato dia alefa any amin' ny vaomiera tena miandraikit:a ny fanisam-bato ireo lisitra fanamarihan-tsonia eny an-tsising, araka ny fepetra tondroin' ny paragrafy faha-2 amin' ny andininy faha-104 etsy ambany.

And. 98. — Ireo vato fotosy na izay tsy feno ny fanondroana rai-ketiny na koa izay nasian' ny mpandatsa-bato famantaranana ny tenany sy ireo taratasin-datsabato hita tao anatin' ny vata

fandatsaham-bato nefo tsy misy valopy ary ireo taratasin-datsabato ne valopy misy marika ao anatin' na ety ivelany hahafantarana azy mbamin' ireo taratasin-datsabato na valopy ahitana endri-javatra farnantarana na sary na koa soritra enti-manompe ny mpilatsaka hofidina na olon-kafa dia tsy miditra ho anisan' ny vokatra azo amin' ny fanisam-bato.

Atovana ny fitanana an-tsortra anefa izy ireo miaraka amin' ireo valopy tsy ara-dalana rehefa notovanana ny sonian' ny mambra ao amin' ny birao.

Tsy maintsy misy ny filazana ireo antony nampierashina azy amin' ny fitanana an-tsortra ny tsirairay avy amin' ireo taratasin-datsabato natovana.

And. 99. — Raha toa ka mihoatra ny isan' ny sonia mitanandrify, amin' ny isan' ireo valopy hita tao anaty vata fandatsaham-bato, dia atao an-tsapaka ny fanesorana ny isan' ny valopy mitovy amin' izay tafahoatra hita tao. Homarihina ao anatin' ny fitanana an-tsortra izany raharaha natao izany no sady ampiarchina aminy koa ireo valopy nesorina izay notovanana ny sonian' ny mambra ao amin' ny birao ary hatao ao anaty valopy mihidy vita sonia rango-pohin' ireto farany.

Ankilan' izany kosa dia neverina ho tsy manan-kery izay rehetra tafahoatra ny isan' ny sonia amin' ny valopy hita tao anaty vata fandatsaham-bato.

And. 100. — Raha tsy vita ny fampiarahana ireo singan-taratasy tondroin' fly andininy faha-98 sy faha-99 etsy ambony, dia tsy mitarika ny fanafoanana ny raharaha-pifidianana io toe-javatra io afa-tsy raha voamarina tokoa na nanohintohina ny fahamarian' ny latsabato izay zava-kinendry tamin' izany.

And. 101. — Aorian' ny fifaranan' izany raharaha natao izany, dia ambaran' ny Filohan' ny birao fandatsaham-bato ambahibemaso miaraka amin' izay ireo vokatry ny fanisam-bato no sadvanaovana fitanana an-tsortra izany.

And. 102. — Marihina ao anatin' izany ny ora nisokorian' ny fandatsaham-bato sy ny ora nanambarana fa nifarana izy io mba-min' ny fanatontosana izany fombafomba samihafa voaddidin' ny lalana atao ary, amin' ny ankapobeny, ireo zava-mitranga rehetra nandritra ny raharaha-pifidianana.

And. 103. — Raha vantany vao mifarana ireo raharaha natao, dia any amin' ny efitra fandatsaham-bato no anaovana ny fitanana an-tsortra momba izany. Izy ity dia soniavin' ny mambra telo (3) ahay anisan' ny birao fandatsaham-bato.

Iangaviana ireo delegen' ny mpilatsaka hofidina mba hanovana ny sonian' izy ireo. Tsy azo atao ho fombafomba tsy maintsy tante-rahina anefa ny fanaovan' ireo mpilatsaka hofidina na izay solotenany sonia eo ambanin' ny fitanana an-tsortra.

Atovana io fitanana an-tsortra io ny lisitra fanamarihan-tsonia sy ireo vato fotsy na tsy manan-kery, na ireo valopy sy taratasindatsabato notsipahina mbamin' ireo taratasy fanisam-bato vita sonian' ny mpanisa vato ary, raha misy, ireo taratasy nanomezam-pahefana ireo delege sy ireo taratasy vavolombelona ho an' ireo mpanara-maso, araka izay tondroin' ny andininy faha-64 sy faha-71 etsy ambony ary koa ireo valopy noesorina voalazan' ny andininy faha-99 atsy ambonv.

And. 104. — Atao sosony maro ny fitanana an-tsortra araka-raka ireo izay handefasana azy lazaina manareka etoana ka ny iray amin' izany dia hatao peta-drindrina avy hatrany eo ivelan' ny biraо fandatsaham-bato.

Ny filohan' ny biraо fandatsaham-bato tsirairay avy sy ireo mambra ao amin' ny komitim-parity ny fandriampahalemana any amin' ny Fokontany no mikarakara haingana ny fandefasana ilàlana tsy misy hatak' andro ny matoan-tsortra ny fitanana an-tsortra miareka amin' ireo singan-taratasy voatanisa ao amin' ny, andininy faha-103 etsy ambony, ka ao anaty valopy mihidy sy amin' ny fomba faran' izay malaky indrindra no hanaovany sy andefasany izany any amin' ny filohan' ny vaomiera tena mian-draikitra ny fanisam-bato izay mivory any amin' ny renivohitry ny Fivondronampokontany.

Ny sosony fahatelo amin'ilay fitanana an-tsortra dia alefa avy hatrany any amin' ny solontenan' ny Fanjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Fivondronampokontany mba ho tantsoratr' elany. Ny sosony fahefatra kosa dia ampitaina any amin' ny solontenan' ny Fanjakana eo amin' ny ambaratongan' ny Firisampokontany mba atao peta-drindrina eo ivelan' ny biraony miaraka amin' ny fitabaran' ireo vokatra rehetra azo tao amin' ny faritra iadidiany.

Ankoatr' izany, ny delegen' ny mpilatsaka hofidina sy ny mpanara-maso notoavina tsirairay avy manatrika ny fanisam-bato dia afaka maka ny kopian' ny fitanana an-tsortra ny raharahanam-pifidianiana izay tsy maintsy soniavin' ny mambra ao amin' ny biraо fandatsaham-bato, raha misy ilàna izany.

TOKO IX

**MOMBA NY FANISANA ANKAPOBE NY VATO
SY IREO FITAKIANA ARY FANOHERANA
MOAMIN' IREO FANGATAHAM-PITSARANA MIKASIKI NY FIFANOLANANA**

(Hitsivolaina Iahorena faha-92-044 tomin' ny 23 oktobra 1992).

* And. 105 (reoveo). — Raha vao vita ny fanangonana ireo vokatry ny fitidianano iseky ny biraо fandatsaham-bato, dia tsy maintsy atao' ny filohan' sy ireo mambra ao amin' ny komitim-parity ny fandriampahalemana ny fikarakerana haingana mba handefasana ilàlana eo no eo ihany sy amin' ny fomba faran' izay malefy

indrindra, ao anaty valopy mihidy, any amin' ny filohan' ny veomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato izay mivory any amin' ny renivohity ny Fivondronampokontony, iroo ontonten-taratasy rehetra tsy misy avakavaka ka nampiasaina tamin' ny raharaha-pifidianana.

And. 106. — Ampahibemaso no anaovana ny fanisana ankapobe ny vato ka ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato no mikarakaraka izany, izay toy izao avy no ho anisany :

— mpitsara iray tendrena amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana sady Minisiry ny Fitsarana : *Filoha* ;

— mambra telo avy amin' ny manampahefana ara-pitondrana ao amin' ny Fivondronampokontany ary mpiasam-panjakana telo izay samy tendrena avokoa amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana ataon' ny Minisiry ny Atitany ;

Manao ny fanisana tsirairay ireo taratasin-draharaha nalefan' ny biraom-pifidianana isanisany avy ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato no sady manamarina ihany koa fa tsy misy diso mihitsy ny fikajiana izay natao momba izany.

Marihin' io vaomiera io ao anatin' ny fitanana an-tsoratra ataony izay rehetra toe-javatra sy antonanton-javatra ary izay rehetra tsy fetezan-javatra ka azony notsimponina tao amin'-ireo taratasin-draharaha ary izany dia isaky ny biraom-pifidianana tsirairay. Raha noho ny antony lehibe tsy azo anoharana ka tsy tonga tany amin' ny vaomiera miandraikitra ny fanisam-bato ireo vokatry ny fifidianana avy amin' ireo birao fandatsaham-bato iray na maromaro, dia manao fitanana an-tsoratra momba izany lesoka izany izy io.

Ireo antontan-taratasy rehetra nampiasaina tamin' ny raharaha-pifidianana miaraka amin' ny fitanana an-tsoratry ny vaomiera mbamin' ny safim-pamintinana izany dia alefa ao anatin' ny valopy mihidy any amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny fitsarana momba ny Lalàmpanorenana ka ao anatin' ny fe-potoana efatra amby roapolo ora (24) miantomboka amin' ny naharaisana ny valopy farany mihidy tondroin' ny andininy faha-105 etsy ambony no anaoyany izany, eo ambany fikarakaran' ny filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato sy ireo manampahefana ara-pitondrana rehetra ao amin' ny Fivondronampokontany.

Io fandefasana io dia tsy maintsy atao amin' ny fomba faran' izay haingana indrindra ary samy tompon' andraikitra momba izany tsirairay avy ireo manampahefana ara-pitondrana any amin' ny Fivondronampokontany sy ny Faritany.

And. 107. — Manana zo hanao fitakiana sy hitsipaka ny maha-ara-dalàna ireo asa nentina nanatanteraka ny fampièlezan-kevitra na ireo raharaha mikasika ny latsabato izay nizotra tao amin' ny faritra iadidian' ilay biraom-pifidianana ka nisoratany anarana, izay rehetra mpifidy tena voasoratra anarana tokoa tao amin'. ny lis-

· pifidianana nampiasaina tamin' ny fanotanian-tsafidy napetraka amin' ny vahoaka amin' ny alàlan' ny fifidianana.

Manena zo mitovy amin' izany koa eo amin' ilay fari-pifidianana manontolo na ny ampahany ihany amin' izany ka voakasika noho ny filatsahany hofidina tao ny mpilatsaka hofidina tsirairay avy.

Azony toherina toy izany koa ireo vokatry ny fifidianana tao amin' ny biraom-pifidianana misy azy na ampangaina fa nisy tsy fanajana ireo ankina sy fepetra ary fomba voaddirin' ny lalàna tao, ary izany dia araka ny fombafomba voalazan' ny fizarana IV ity entin' ity Fehezan-dalàna ity.

FIZARANA III

FILANKEVI-PIRENENA MOMBA NY FIFIDIANANA

And. 108. — Filankevi-pirenena iray momba ny fifidianana (CNE) izay atao antoka sy fanomezan-toky amin' ny hisian' ny fahamarinana tanteraka eo amin' ny latsabato sy amin' ny fizotran' ny fandatsaham-bato araka ny hitsiny tokoa no miandraikitra fanaovana andri-maso ireo raharaha rehetra atao mba hampandeha tsara ny fifidianana amin' ny alàlan' ny fanontanian-tsafidy ape-traka amin' ny vahoaka.

Araka izany, dia manoro hevitra sy manampy ireo manampahe-fana izay miadidy ny fikarakarana ny fifidianana izy no sady manara-maso ny fanatanterahana an-tsakany sy an-davany ireo asa atao mikasika ny raharaha-pifidianana.

Amin' izany dia mahazo ny fanampian' ireo sampan-draharahan' ny Fitondram-panjakana izy ary azony atao raha misy ilàna izany ny mitondra ny raharaha eo amin' ireo manampahefana arapitondrana momba izay rehetra fepetra ilàna ny fidiran' ny hery mpitandro filaminana an-tsehatra.

Tompon' andraikitra eo anatrehan' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta ny amin' izay asa sahaniny ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

And. 109. — Didim-panjakana raisina eo am-pivoran' ny Governemanta no iantsoana ny Filankevi-pirenena hivory.

Amin' ny fotoam-pivoriana tsirairay misy, dia mahazo fanome-zana manokana avy amin' ireo sorabolan' ny Tetibolam-panjakana ankapobe izy ary mahazo mampiasa ihany koa ireo tahirim-bola azo avy amin' ny loharanom-bola famatsiana azy hafa, raha sendra misy izany ka ilàna ny fampiasana azy.

Ho fampandeferana ny fampiharana ireo fepetra voalazan' ny didy aman-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, dia tsy ampiharina amin' ny fitanana ireo tahirim-bola omena ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana ny fitsipikà mifehy ny fitanan-kaontim-panjakana. Na izany aza anefa, ireo kaontim-bolan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana dia tsy maintsy eo àmbany fanaraha-maso ombam-panamarinan' izay tompon' andraikitra voatokana ho amin' izany avy ety ivelany.

And. 110. — Didim-panjakana atao eo am-pivoran' ny Governe-manta no mameatra izay ho anisan' ny mambra ao amin' ny Filankevi-pirenena momba ny fidianana sy ny fomba fanendrena azy ireo ary ny anjara raharahan' izy ireo manokana sy ny fomba-fomba fampandehanan-draharaha na fiasan' izany Filankevitra izany.

FIZARANA IV

FIFANOLANANA

And. 111. — Ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana no mpi-tsara am-boalo'hany sady farany ny amin' izay rehetra fangataham-pitsarana ny fifanolanana momba ny fidianana, amin' ny alàlan' ny fanontanin-tsafidy apetraka amin' ny vahoaka.

Ireo didim-pitsarana izay avoakany mikasika izany dia tsy maintsy ampiharin' ireo andrim-panjakana sy andrim-pitondrana rehetra, ireo fahefam-panjakana rehetra ary ireo manampahefana ara-pitondrana rehetra mbaamin' ireo karazam-pahefana hitsara, afa-tsy izay momba ny sata ihany.

Tsy mampiato na inona na inona ny fangataham-pitsarana ny fifanolanana.

And. 112. — Nà dia eo aza ireo fepetra voalazan' ny andininy faha-94 etsy ambony, izay rehetra fanamarihana na fanoherana na fitsipahana momba ireo raharaha mikasika ny latsabato ka voasoratra ao amin' ny fitanana an-tsonatra momba izany, dia tsy maintsy hamafisina amin' ny alàlan' ny fitoriana famakian' ady araka ny fepetra soritan' ireo andininy faha-113 sy faha-114 ary faha-115 etsy ambony, fa raha tsy izany dia foana ho azy.

And. 113. — Ao anatin' ny fe-potoana fito (7) andro katroka aorian' ny fitaranan' ny latsabato, dia mahazo manolotra ny raharaha hotapahin' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana izay rehetra mpifidy mahafeno ny fepetra voalazan' ny andininy faha-107 etsy ambony ary izany dia amin' ny alàlan' ny fangataham-pitsarana ny fifanolanana izay atao araka ny fombafomba sy fepetra voalazan' ireo andininy faha-114 sy faha-115 etsy ambony.

Io fangatahana io dia azo ampidirina ka :

1. Na mivantana izany, amin' ny fametrahana azy ao amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana izay manome ny mpanolotra eo no ho eo ihany ny fanamarihana ny naharaisana azy :

2. Na alefa ka atao taratasy tsy very mandeha any amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana momba ny Lalàmpanorenana ; eo amin' io lafiny io dia ny rosian' ny fandefasana azy tsy very mandeha no itokiana ho fanamarinana ny naharaisany azy ihany. Azon' ny mpangataka atao ny mampandre ny fiandraiketan-

draharahan' ny Fitsarana momba ny Lalampanorenana amin' ny fomba faran' izay haingana indrindra ny vaninandro nandefasany ilay taratasy natao tsy very mandeha;

3. Na amin' ny fametrahana izany ao 'amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny fitsarana ambaratonga voalohany na ny an' ny sampam-pitsarana izay iankinan' ny toerana nandatsaham-bato na koa iankinan' ny fonenan' ilay mpangataka; eo amin' io lafiny io, ny fiandraiketan-draharahan-pitsarana voakasik' izany dia manome eo no ho eo ihany ny fanamarinana ny naharaisana azy ary mandefa ilay fangatahana amin' ny fomba faran' izay haingana indrindra any amin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana momba ny Lalampanorenana.

And. 114. — Ny fitarainana izay atao sosony roa ka tsy ampan-doavina hajia sy saram-panoratana, mba tsy hahaoana azy, dia tsy maintsy soniavina ary misy:

- ny anarana sy fanampin' anaran' ny mpitory;
- ny fonenany;
- ny kopian' ny kara-pifidianany na ny didim-pitsarana nomen' ny filohan' ny fitsarana na ilay mpitsara voatendry ho filohan' ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato voalazan' ny andininy faha-106 etsy ambony izay efa voamarina eo anatrehan' ny falana ka maimaimpoana no anaovana izany;
- ny anaran' ilay na ireo olom-boafidy izay toherina ny fidianana azy;
- ny tohan-kevitra sy ny antony amaharana ho fanafoanana izany.

Tsy maintsy ampiarahina amin' ny fitoriana ireo taratasy rehetra anaporofana ny tohan-kevitra amaharana.

Ireo taratasy ireo dia mety ho taratasy notoavina na arapanjakana, na ihany koa tenin' ny vavolombelona miendrika fanambarana voarakitra an-tsortra sy mahaleotena, ary voasonian' ny vavolombelona dimy raha kely indrindra ka nanatrika ny fitrangan-javatra na ny zava-boalaiza ho tsy ara-dalana.

Masi-mandidy amin' ny fandanjalanjana ny herin' ireo taratasy napongatra ho porofo ny Fitsarana momba ny Lalampanorenana.

And. 115. — Eo amin' ny ady ifanolanana mikasika ny fidianana, ny fitarainana dia ampahafantarin' ny fiandraiketan-draharahan' ny Fitsarana momba ny Lalampanorenana ny Filohan' ny birao fandatsaham-bato voakasik' izany mbamin' ilay olom-boafidy izay notoherina ny fidianana azy.

Azon' ireo olona voakasik' izany atao, ao anatin' ny dimy ambin' ny folo andro (15) nampehafantarana azy ireo, ny manolotra ny fehin-teny hiarovan' izy ireo tena.

Reha dila izany fe-potoana izany, dia samy voefetra ho dimy ambin' ny folo andro avy ny fe-potoana ananan' ny andaniny sy ny ankilany ary ifandimbiasan' ny roa tonta, araka izay anjarany avy, mba hamaliana izay fehin-teny atao hiarova-tena na ho setrin' izany.

Azon' ny Filoha halavaina ireo fe-potoana voatondro eo ambony ireo rahefa misy fangatahana omban' antony ka nampahafantàrina ny ankilany telo andro ahay mialoha ny hahataperan' ny fe-potoana, na ataony an-kitsirano izao raha toa ka misy anton-lavatra manokana manery ny amin' izany.

Raha tsy manolotra fehin-teny ao anatin' ny fotoana voafetra anaovany izany ny iray amin' ny mpiady, dia neverina fa vonon-kotsaraina amin' izay ny raharaha.

And. 116. — Manapa-kevitra ny Fitsarana momba ny Lalamporenana araka ireo fepetra mikambana voadidy arahina ka raike-tin' ny didy aman-dalàna mikasika ny tandrifim-pahefany sy momba ny ady ifanolanana eo amin' ny fifidianana izay fehezin' ny lalàna iombonana, afa-tsy raha misy fepetra manokana na mifanhitra amin' izany ka voalazan' ireo rian-teny manokana mifehy ny sokajim-pifidianana tsirairay.

FIZARANA V

FEPETRA FAMAIZANA

TOKO VOALOHANY

HOSOKA MIKASIKA NY FISORATANA AMIN' NY LISITRY NY MPIFIDY
SY NY FAMPIASANA NY ZO HANDATSA-BATO .

And. 117. — Hiharan' ny sazy henemana ka hatramin' ny herintaona an-tranomaizina ary sazy vola 72 000 Iraimbilanja (efa-jato sy efatra arivo sy iray alina Ariary) ka hatramin' ny 720 000 Iraimbilanja (efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy Ariary) na ny iray amin' ireo sazy freo ihany :

1. Na iza na iza olona ho nisoratra na nikasa hisoratra tsy marim-pototra amin' ny lisitry ny mpifidy iray amin' ny anarana sandoka na ny filazana sandoka ny maha-izy azy, na tamin' ny alalan' ny fampiasana tetika na fanambarana misy fitaka, na inona izany na inona, na koa nanafina ny tsy mampahefa azy araka ny lalàna, na nangataka ka 'nahezo nisoratra tamin' ny lisitry roa na maromaro;

2. Na iza na iza olona ho nampiasa tetika am-pitaka; na tamin' ny fomba inona izany na tamin' ny fomba inona ka nanoretra, namono na nanaisotra, na nikasa hampanoratra, hampamono na hampanaisotra anaran' olom-pirenena tsy ara-drariny;

3. Na iza na iza olona hita fa nampiasa hosoka tamin' ny fano-mezana na ny fampisehoana taratasy fanamarinana ny fanoratana na ny famonoana anaran' olona amin' ny lisitry ny mpifidy;

4. Na iza na iza olona ho nandatsa-bato tamin' ny favoriambem-ianana iray ka nisoratra anarana tamin' ny iray amin' ireo

fomba voatondro eo amin' ireo endàlana etsy aloha ireo; na nisan-doka anarana sy raharahan' olona iray voasoratra ao amin' ny lisitry ny mpifidy;

5. Na iza na iza olona ho nisoratra tamin' ny rejisitra fanisam-bahoakan' ny Fokontany mohoatra ny iray mba ho enti-misoratra anarana amin' ny lisitry ny mpifidy maromaro;

6. Na iza na iza ho nanararaotra ny fisoraten' anarana imbe-tsaka mba hoenti-mandatsabato imbetsaka;

7. Izay rehetra niray tsikombekombaa tamin' ny fanaovana ireo heloka ireo.

TOKO II

NY AMIN' NY FANDIKAN DALANA MIKASIKA NY FAMPIELEZAN KEVITRA MOMBA NY FIFIDIANANA

And. 118. — Hiharan' ny sazy an-tranomaizina enim-bolana ka hatramin' ny telo taona ary sazy vola 200 000 Iraimbilanja (efatra alina Ariary) ka hatramin' ny 2 000 000 Iraimbilanja (efatra hetsy Ariary) no ny iray amin' ireo sazy ireo ihany, izay niandohan' ny ady, fifanjevoana nanakorontana ny fandriampahelemam-bahoka, ary izany dia tamin' ny alàlan' ny kabary nodradraina na soratra naso ho imasom-bahoaka na nozaraina nandritra ny fotoana nanaovana fampielezan-kevitra momba ny fididianana.

And. 119. — Ny fanalam-bareka natao na, tamin' ny alàlan' ny kabary sy horakoraka nodradraina teo amin' ny fotoana nanaovana fampielezan-kevitra, tamin' ny alàlan' ny soratsoratra, sazy antaratasy na sary nozaraina nandritra ny fotoan' ny fampielezan-kevitra momba ny fididianana, dia hiharan' ireo sazy voatondron' ny lalàna momba ny fifandraisana.

And. 120. — Ny faniratsirana ireo manampahefana na ny fane-vatevana ireo Andrim-pitondrana eto amin' ny Fanjakana Malagasy mandritry ny fampielezan-kevitra dia hiharan' ny sazy enim-bolana ka hatramin' ny telo taona an-tranomaizina ary sazy vola 200 000 Iraimbilanja (efatra alina Ariary) ka hatramin' ny 2 000 000 Iraimbilanja (efatra hetsy Ariary).

And. 121. — Izay rehetra olona tantara ta nanodinkodina volam-panjakana sy fananam-panjakana tondroina eo amin' ny andininy faha-36 etsy ambony, dia hiharan' ny sazy voalazan' ireo andininy faha-169 ka hatramin' ny faha-172 amin' ny Fehezan-calàna famaizana.

And. 122. — Izay rehetra fitaka amin' ny fandikana ny fitsipiki mifehy ny fampielezan-kevitra araka ny voalaza ao amin' ireo andi

niny faha-31 sy faha-32 ary faha-33 etsy ambony, dia hiharan' ireo sazy voatondron' ny andininy faha-117 entin' ity Fehezan-dalana, ity.

And. 123. Sazy vola 144 000 Iraimbilanja (valonjato sy valo arivo sy roa alina Ariary) ka hatramin' ny 1 440 000 Iraimbilanja (valo arivo sy valo alina sy roa hetsy Ariary) miaraka na tsia amin' ny sazy an-tranomaizina iray volana ka hatramin' ny enim-bolana, no ampiharina amin' ireo olona izay nandoto na nandrovitra peta-drindrina na toy inona na toy inona karazan' izy ireny raha vao misy fifandraisany ara-dalana amin' ny fifidianana ireny peta-drindrina ireny.

Sazy mitovy amin' izany koa no ampiharina amin' ireo izay nanimba na nandrodana manontolo na koa ny ampehany ihany aza, ireo takelaka fanaovana peta-drindrina momba ny fifidianana ka na fomba inona na fomba ahoena no nentin' izy ireo nanao izany.

(Hitsivolana Iaharana faha-92-044 tamin' ny 23 oktobra 1992).

And. 124 (vaovao). — Na iza rô iza, mandritra ny fampielezen-kevitra momba ny, fifidianana, ka nanakorontana ny fandriampahalemam-behoaka tamin' ny atôlan' ny.adilahy, ffanjevoana na fanaovana an-keriny hafa, na tamin' ny atôlan' ny vono na kapoka sy retrâ, vonoan' olona, fanepotehan-javatra na fanimbam-penanana, ka mivantana no fanaovana izany na tsy mivantana fa tamin' ny atôlan' ny fandelanelanana nataon' olon-kafa na fitamberan' olona mero, dia hiharan' ireo sazy voslazan' ny Fehezan-dalana femeizana erakaraka izay fisheoan-javatra.

Izay rehetra mpilatsaka hofidina iharan' izay voslazan' ny peragraf etsy aloha, dia mihintsema tsy ho mpandray anjara intsony amin' ny fifidianana, ary izany dia ankostra ny sazy ampiharina aminy momba izany.

Heverina ho toy ny mpiray tsikombakomba tamin' ny fanaovana reo fitetsika voasoritra etsy ambony ireo, ary hiharan' ny sazy nitovy amin' izay ihany koa, izay rehetra manam-pahefana nahefa na izay rehetra tompon' andraikitra ao amin' ny hory mapirofilaminana, ka manao fanahy iniana tsy haneo sonia ny beiky fiantsoana na toy hanatareraka izany, kanefo feno ireo fepetra takiana momba ny fanaovana lo sonia io na lo-fanatarerhana izany io. »

TOKO III

NY AMIN' NY FISAKANANA NY FAHALALAHANA MANDATSA-BATO
SY NY FAHAMARINAN' NY LATSBATÔ.

NY AMIN' NY FANAOVANA KOLIXOLY SY MOMBA NY HERISETRA

And. 125. — Hiharan' ny sazy an-tranomaizina roa taona ka hatramin' ny enin-taona ary sazy vola 250 000 Iraimbilanja (dimy alina Ariary) ka hatramin' ny 2 500 000 Iraimbilanja (dimy hetsy Ariary) na ny iray amin' ireo sazy ireo iheny, na iza na iza naka an-keriny na-nampivily lâlana mba tsy hahatongavany any amin' izay toerana alehany, ireo fiarakodia isan-karazany izay mitatitra

Fitaovana momba ny fifidianana, Indrindra indrindra fa ireo tarsasy voatonta pirinty sy ireo valopy ary ireo taratasin-datasabato mbamin' ireo kojakoja hafa momba ny latsabato, na ho nanimbe ireo fitaovana aman-kojakoja momba ny fifidianana voelaza ireo

Raha toa ny tihetsika tahaka izany ka najao niaraka amin' ny fitondrana fiadiana mihárihary na mafina ka tsy ahazoana mana; vaka ny hoe tena fiadiana sy fiasana lazaina hoe fiadiana noho ny fampiasana azy amin' izany, dia ho dimy taona ka hatramin' ny folo taona an-tranomaizina sy sazy vola 500 000 Iraimbilanja (iray hetsy Ariary) ka hatramin' ny 5 000 000 Iraimbilanja (iray tapitrisa Ariary) no sazy ampiharina, izany anefa tsy misakana ny fampiharana ireo sazy mafimafy kokoa izay voatondron' ny lalàna raha miseho ny fampiasana fiadiana tahaka izany.

And. 126. — Hiharan' ny sazy herintaona ka hatramin' ny dimy taona an-tranomaizina ary sazy vola 144 000 Iraimbilanja (valon-jato sy valo arivo sy rpa alina Ariary) ka hatramin' ny 1 440 000 Iraimbilanja (valo arivo sy valo alina sy roa hetsy Ariary) ireo izay nanao tihetsika na namela fotsiny ny fanaovana izany tihetsika izany, na dia tany ivelan' ny trano fandatsaham-bato aza no nanaovany izany, mba hoenti-manohintohina na nikasana hanohintohinana ny fahamarinan' ny latsabato, hamoahana na nikasana hamoahana *tsiambaratelon'* ny latsabato, hisakanana na nikasana hanekanana ny raharahanam-pifidianana, na hanemban-tsemanana ny fizotry ny raharahanam-pifidianana amin' ny antsakany sy an-davany na koa izay ho nanova na nikasa hanova ny voketry ny fifidianana avy amin' ny alàlan' izany tihetsika na fitazanam-potsiny izany tihetsika izany.

Sazy mitovy amin' izany ihany koa no hampiharina amin' ireo izay ho nampiasa famoretana na ho nanararaotra ny fahefana ananan' izy ireo mba ho enti-manodina na manova izay mety hiantefan' ny safidim-pon' ny olom-pirenena iray na maromaro.

Sazy mitovy amin' izany koa no hampiharina amin' izay rehetra mambra ao amin' ny biraom-pifidianana ka ho nàndika ireo fepetra voalazan' ny andininy faha-94 etsy ambony.

And. 127. — Ho saziana dimy taona ka hatramin' ny folo taona an-tranomaizina ary sazy vola 500 000 Iraimbilanja (iray, hetsy Ariary) ka hatramin' ny 5 000 000 Iraimbilanja (iray tapitrisa Ariary) Izay ho nampiasa famgretana na fanararaotam-pahefana narahin-keriseta, izany anefa tsy misakana ny fampiharana ireo sazy mafimafy kokoa voatondron' ny lalàna.

And. 128. — Raha tahiny ka misy olom-pirenena iray na maromaro voasakana tsy hampiasa ny zom-bahoalà ananany tamin' ny alàlan' ny fitangoronana arahin-tabataba, fanaovana angovo na rahom-bava, ny tsirairay amin' ireo olo-meloka dia ho saziana amponja enim-bolana raha kely indrindra ary roa taona raha be indrindra, sy ho raràna tsy hizaka ny zò handatsa-bato ary koa tsy azo fidina mandritra ny dimy taona raha haingana indrindra ary folo taonà raha ela indrindra.

And. 129. — Hiharan' ny sazy vola 144 000 Iraimbilanja (valon-jato sy valo arivo sy roa alina Ariary) ka hatramin' ny 1 440 000 Iraimbilanja (valo arivo sy valo alina sy roa hetsy Ariary) ary sazy em-ponja herintaona ka hatramin' ny dimy taona, na ny iray amin' ireo sazy ireo ihany, mieraka amin' ny fandraofana ilay zavatra fototry ny heloka, izay rehetra mpilatsaka hifidina raha fandatsaham-bato mitondra anaran' olon-tokana no miseho, na rehefa mety ho mpilatsaka hifidina loha-laharana amin' ny lisitra misy azy raha sendra ka fandatsaham-bato mandeha lisitra no-atao, ka ho nandray na ho nanaiky fanampiana ara-bola na fanampiana ara-pitaovana; mba hoenti-mamatsy ara-bola ny fampielezan-kevitra iray momba ny fifidianana, izay midika ho fandikana ny voalazan' ny andininy faha-38 entin' ity fehezan-dalana ity.

Hiharan' ny sazy mitovy amin' izany koa, na iza na iza, mba hoenti-manao fampielezan-kevitra momba ny fifidianana, ka ho nanaiky hanao fanomezana ho fandikana izay voalazan' ny andininy faha-37 etsy ambony.

Raha tahiny ka fikambanana mizaka ny zo aman' andraikiny itay impanome, dia ampiharina amin' ireo mpitondra azy voatondron' ny lalana; na ireo mpitondra azy, ireo voalazan' ny paragrafy etsy ambony.

And. 130. — Izay rehetra mpivarotra vatom-pifidianaha sy izay rehetra mpividy izany dia homelohina tsirairay avy handoa sazy vola avo roa heny amin' ny vidin' ny zavatra noraisina na nampa-nantenana.

Ankoatra izany, rahefa mety ho olom-pireneena ka mividyna mpivarotra vato irey, tamin' ny fisian' ny fifidianana, na ohattrinona na ohattrinona vidiny, dia verezin-jo tsy hizaka ny zom-bahoaka ananany no sady hambara fa tsy, mahazo misahana asampenjekana intsony na inona na inona izany mandritra ny dimy taona raha haingana indrindra ary folo taona raha ela indrindra.

And. 131. — Na iza na iza ho nandika ireo fepetra entin' ny andininy faha-73, paragrafy faha-3 etsy ambony, dia hiharan' ny sazy an-tranomaizina telo volana ka hatramin' ny roa taona ary sazy vola 100 000 Iraimbilanja (roa alina Ariary) ka hatramin' ny 1 000 000 Iraimbilanja (roa hetsy Ariary) izany anefa.tsy misakana, raha misy ny fampiharana ireo sazy hentitrentitra kokoa izay mety ho voatondron' ny lalana manan-kery.

TOKO IV

FEPETRA TETEZA-MITA

And. 132. — Mandra-pametrahana amin' ny toerany ireo vondrom-behoskem-paritra voalazan' ny Lalampanorenan' ny Repoblika faha-III, dia manohy hatrany ny asa fanaony ankehitriny ireo Delegasiona manokana sy ireo komitim-paritra miadidy ny fandriampahalemana. Araka izany, dia ireo filohan' ny Delegasiona

manokana no miantsóroka avy hatrany ny asan' ny solontenam-panjakana isaky ny ambaratongan' ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana, araka ny fanoritan' ity Fehézan-dalàna ity azy.

And. 133. — Mba ihoarana izay voalazan' ny andininy faha-9 sy ny faha-89 paragrafy faha-2, etsy ambony, ny tsy fananaña eo am-pelatanana ny kara-panondrom-pirenenia dia tsy ho anisan' ny anton-javatra iray velively hisakana ny fanoratana mpifidy iray ac amin' ny lisitry ny mpifidy, na amin' ny fampiasany ny zony handatsa-bato amin' ireo fifidianana Filohan' ny Repoblika sy Solombavam-bahoaka ho amin' ny Repoblika faha-III.

FIZARANA VII

FEPETRA SAMIHAFA SADY FARANY

And. 134. — Raha sendra ka ny antsasany latsaka amin' ireo birao fandatsaham-bato ao anatin' ny fari-pifidianana anankiray no tsy afaka nanao ny asany noho ny fanaovana an-kasomperana niseho, dia ampy hamaritana ny vato azon' ny mpilatsaka hofidina tsirairay na ny lisitry ny mpilatsaka hofidina ireo vokatry ny fifidianana voaangona avy tamin' ireo birao fandatsaham-bato sisa.

Ampiharina ihany koa ireo fepetra ireo raha sendra ka ny antsasany latsaka tamin' ireo vokatry ny fifidianana voaangona avy tamin' ireo birao fandatsaham-bato ao anatin' ny fari-pifidianana anankiray no potika noho ny fanaovana an-kasomperana nitrange.

And. 135. — Ny fitoriana anoherana ny raharahan-pifidianana dia atao araka ny fitsipika voasoritr' ireo rian-teny manokana mikasika ny sokajim-pifidianana tsirairay avy.

Mandra-pametrahana amin' ny toerany ireo Andrim-panjakana ny Repoblika faha-III, dia manohy ny asany hatrany ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary izany dia araka ny lalàna manan-kery.

And. 136. — Rian-tenin' ny didy emam-pitsipika no hameatra, raha ilaina, ny fombafomba fampiharana izao hitsivolana izao.

And. 137. — Foanan' izao hitsivolana izao izay fepetran-dalàna rehetra ka mifanohitra aminy, Indrindra indrindra ny hitsivolana laharana faha-82-016 tamin' ny 6 mey 1982 mikasika ny fampiasana ny zo handatsa-bato.

And. 138. — Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan' ny andininy faha-4 amin' ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin' ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna eto amin' ny Firenena sy ny lalàna iraisam-pirenen-tsamihafa ifampitondrana 'ivelan' ny Fanjakana, dia manan-kery avy hatrany izao hitsivolana izao raha vantamy vac

ampahafentanina ny besinimero amin' ny atàlan' ny fampielezam-peo sy ny fahitalevitra na amin' ny faneovana azy peta-drindrine, ankoatra ny famoshana azy amin' ny *Gazetim-panjakana*' ny Républika.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery tao Antananarivo, ny 2 oktobra 1992.

Guy Willy RAZANAMASY.

Avy amin' ny Praiminisitra,
sady Lehiben' ny Governemanta:

Ny Minisitry ny Atitany.

Colonel Charles Sylvain RABOTOARISON.

*Ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana
sady Minisitry ny Fitsarana,
mpisolo toerana vonjimaika,*

JAILANY Salim.

*Ny Minisitry ny Raharraham-bahiny
mpisolo toerana vonjimaika,*

BAR-JAONA Andriamandimby.

Ny Minisitry ny Foloalindahy,

Général Désiré Philippe RAMAKAVELO.

Ny Minisitry ny Fitantanam-bola,

Evariste MARSON.

*Ny Minisitry ny Tetibola
sy ny Tetipivoarana,
Gérard RABEVOHITRA.*

Ny Minisitry ny Fanabeazam-bahoaka,

Fulgence FANONY.

*Ny Minisitry ny Paositra
sy ny Fifandraisen-davitra,
Aimé MARCEL.*

Ny Minisitry ny Polisim-pirenena,

Augustin AMADY.

TOVANA

DINAN' NY FANABEAZANA NY OLOM-PIRENENA EO AMIN NY FITIAVAN-TANINDRAZANA SY NY FANARAHAMASO NY FAMPISAFIDIANAM-BAHOAKA

Ny Filan-kevitry ny Gouvernementa, raha nivory tamin' ny 8 mey 1992, dia nanoritra mazava teo am-pandraisana ireo mpanaramaso iraisam-pirenena, izay tanjona nokendreny hotratrarina, ka toy izao izany :

— mampanao izay ahitana fototra ny tsy an-kinatinafina sy ny manara-dalana ireo asa atao momba ny fampisafidianam bahoaka ary izany dia manomboka amin' ny fisoratana anarana ao amin' ny lisitry ny mpifidy ka hatramin' ny dingan' ny fisariham-bato ary ny famaranana;

— mampanao fanamarinana, eo amin' ny lafiny rehetra mikasika ny fomba fizotry ny raharaha atrehina, ny fahalahahana feno sy tanteraka amin' ny famosanai-kevitra ananan' ny olom-pirenena rehetra ary koa ny tsy-fisian' ny hosoka sy ny tsy fitandroana ny fahamarinan' ny letsabato;

— farany dia manao izay ahazoana porofo marina ho vavolombelona fa mety ny fitondrana ny raharaha sahanina ka hiavaka ny fampisafidianam-bahoaka amin' ny fananany endrika demokratika.

Io fitsimbinana ny tsy an-kinatinafina io dia tsy azo neverina ho iai'an' ireo fahefam-panjakana amin' ny adidy aman' andraikitri' izy ireo : « Ny fanabeazana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana » dia mitdetratra hatrany ho andraikitra iray tsy maintsy sahanin' ny Fanjakana na toa aza ka mifandimby aminy momba izany ireo fikambanana tsy miankina na ivelan' ny Fanjakana (ONG) ka naneo fangatahana hiadidy izany sady nahafeno koa ireo 'epetra voandidy arahina.

Etsy an-danin' izany, dia eken' ny Fanjakana fa zon' ny fikambanan' olon-tsotra ny fanaraha-maso ireo fividianana. Ny fanaraha-maso dia tsy maintsy mizotra ao amin' izay faritry ny ankapoben-javatra noferan' ny Fanjakana ka tsy hanelingeline ireo raharaha fanatanerahana ny fampisafidianam-bahoaka.

Izao Dinan' ny fanaraha-maso izao no manoritra ireo torolalana sy fepetra arahina amin' ny fanabeazana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana ary ny fanaraha-maso ny fampisafidianam-bahoaka.

I. — FEPETRA SY TOROLALANA ARAHINA MBA HO FANABEAZANA NY OLOM-PIRENENA EO AMIN' NY FITIAVAN-TANINDRAZANA :

11. — *Fepetra ilaina ahazoana miditra hiedidy izany :*

Ny fikambanana tsy miankina amin' ny Fanjakana (ONG) manana faniriana ny hankatoavana azy eo amin' ny lafiny fana-

beazana ny olom-pirenena mikasika ny fitiavan-tanindrazana sy/na ny fanaraha-maso ny fampisafidianam-bahoaka, dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra manaraka ireto:

111. manao izay tsy hiandianany na amin' iza na amin' iza sy miasa amim-pahaleovantena tanteaka eo anatrehan' izay rehetra antokr nà fikambanana politika;

112. mampiseho ny maha-za-draharaha azy hisahana ireo esa ara-tsosialy sy ny adidy eo amin' ny fansabeazana ny valalabemandry na eo amin' ny fampandrosoana ka ifandraisany sy iara-hanay misalahy amin' ireo vohitra iombonana any an-toerana izany no souy manaporoto koa ra rantsy tsara izay sordim-paritre iadi-diany ka tondroiny mazava amin' izany ireo anaran' ny Andrim-panjakana sy Andrim-panjakana niara-niesa tamin' nv mpangataka fankatoavana;

113. mampiseho fa manavanana azy tokoa ny hisahana asa aman-draharaha eo amin' ireo lafin' ny fanofanana ny olom-pirenena mikasika ny fitiavan-tanindrazana sy ny fanaraha-maso ny tampsafidianam-bahoaka ary ny tanafahany marina, hanantontosa ny andräikiny amin' ny fitetezam-paritany.

Mba hahalavorary izany, dia ilaina ny:

114. hanolorany ny lisitr' ireo mambra ao aminy ny filazam-pahaizana ananany sy ny esa manavanana azy ireo ary ny esa sahanin' izy ireo ankehitriny;

115. hanolorany izay olona hifandimby sy hifanolosolo qmINY eo amin' ny raharaha sahanina sy ny adresin' izy ireo any amin' ny faritra. Ao anatin' io faritra io, ny fikambanana tsy miankina amin' ny Fanjakana na ny fitambaran' izany fikambanana izany dia tokony ho afaka manolotra mpanara-maso iray raha vitsy indrindra ho an' ny birao fandetsaham-bato dimy.

116. hampiseho ny fomba maty paika arahiny hoentimandamina ny esa atao sy ny fandaharana ny esa iandrainketeny ary ireo fiasana amam-pitaovana ilaina amin' ny fanebeazana efa voavoatra ahombiazana eo amin' nv fanebeazana sy ny fanaraha-maso.

Ny fitaovana enti-miesa sy/na ilaina amin' ny fampianaranana dia atolotra hohamarinin' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) na ireo izay hifandimby sy hifanolosolo aminy any an-toerana mba ahitany fa azo antoka marina izany ary mifanaraka amin' ireo fepetra voatondron' ny lalana sy mirindra amin' izay eo am-pelatanan' ny fikambanana hafa tsy miankina amin' ny Fanjakana (ONG) ka efa nanaiky ny hiditra an-tsehatra ihany koa rahateo amin' ny fanebeazanà ny olom-pirenena momba ny fitiavan-tanindrazana sv ny fanaraha-maso.

Ny antontan-teratasy efa naroso sy naseho toy izany dia ho anisan' ny tantsoratr' elan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana.

12. — Ireo esa sahanina sy raharaha atao eny an-toerana.

Ireo fikambanana ivelan' ny Fanjakana (ONG) na koa ny fitembaran' ireo fikambanam-pirenena ivelan' ny Fanjakana dia tsy maitsy manangana rantsa-mangeika iray miadidy ny fandrindrana ary samy mifanaiky mba hanatanteraka ny drafitra tokana fanentanana sy fanofanana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavantindrazana, ary izany dia erak' izay fitaovana sy fombafomba samy azy manokana ihany, nefà tsy maitsy manaja ireto sordia lehibe manaraka ireto :

121. Manao izay shavitan' izy samirery ny fitetezana ny toerana, eto amin' ny Firenena ary ampahafantarin' izy ireo ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana izay toerana tsy ahitany fahombiazana loatra eo amin' ireo faritra alehan' izy ireo.

122. Miadidy, ka etaony lohalaharana amin' izany ny fanofanana ireo mambra anisan' ny birao fisoratana anarana amin' ny lisitry ny mpifidy sy fandatsaham-bato miisa 15'000 araka ny fanondroanandro iray mifantana amin' izany. Rehefa vita fiofanana ireo mambra dia azo lazaina tsotra izao fa ho taratry ny fanitarana ary ny fanohizana ny fanofanana hatrany amin' ny ambaratongan' izay vohitra iandraiketan' izy ireo. Mety koa izy ireo ho tompon' andraikitra amin' ny atao hoe «vondrona mpihaino vaovao».

123. Manao izay hahatontosa ny fanofanana ny olom-pirenena eo amin' ny fitiavan-tanindrazana ka tsy manana fiandianana atsy na aroa, fa anteriny amin' izany kosa ny fahamendrehana ny olom-pirenena, sy ny lanjan' ny fanapahan-kevitra eo amin' ny latsabato izay toy ny fanehoana miharihary io fahamendrehana io ary ny fifandrohizana, misy eo amin' ny latsabato atao sy ny fitantanana ny Fanjakana.

Ireo sori-dàlane lehibe mikasika ny fiofanana dia azon' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) oména amin' ny fotoana mahamety izany.

II. — IREO FEPETRA SY TOROLALANA MOMBA NY FANARAHAMASO

Manoloana ny fitomboan' ny isan' ireo sarintsarinà-fikambanana tsy miankina amin' ny Fanjakana izay milaza fo-tisy ho mahavita azy eo amin' ny fanaraha-maso ny fifidianana, dia lazaina mazava etoana amin' ireo fikambanana tsy miankina na ivelan' ny Fanjakana (ONG) izay maneho ny faniriany handray anjara izao fepetra sy torolalana manaraka izao :

21. — Fomba fiheverana ankapobe.

Hitana ny laka tokos ny faneovana-fanaraha-maso eo amin' ireo fifidianana ireo. Araka ny fameritana azy mantsy, dia tena vovonana iadian' ny loheny mihitay ny fanaraha-maso raha mikasika izay mety ho fanontanian-tsiefidy manaraka ny fomba demokratika eto amin' ny firenena, ary izany dia noho ny maha-samihafe be ihany ireo olona voakasika izay liana te-hahefantatra 'ny vokatr' izany.

Mahasshana ireo ambaratonga rehetra eo amin' ny fizotry ny fididianana izany fanaraha-meso izany ary indrindra indrindra eo amin' ireo dingana ilàm-pitandremana fatratra toy ny fanoratana anarana, ny fanomezana amin' ny tompony ny karafidianana, ny fanaovana ny lisity ny mpifidy, ny fandatsahambato rahateo indrindra indrindra, ny fisariham-bato, ny fikaontina ny vato eny an-kebakebany eny, ary ny tena fanisana farany ny vato.

Heverina ho toy ny iahasa tokana izy io, na dia tarika samy manana ny mampiavaka azy aza no entaniny (toy ny fikambanana isan-karazany tsy miarkina effin' ny Fitondram-panjakana (ONG) ka na avy, eto amin' ny firenena izy ireny na iraisam-pirenena), tarika mahatapa-tena ary miasa any amin' ireo ambaratonga samihafa (toy ny Faritany, ny Fivondronampokontany, ny Firaism-pokontany) no sady miasa eo amin' ireo dingana samihafa momba ny fizotry ny raharaha fanatanterahana ny fampisafidianaembahoaka (alohan' ny latsabato sy mandritra ny fanaovana azy ary aty aoriany).

22. — Karazan' ireo mpanara-meso

— ao ireo mpanara-maso avy amin' ny Fikambanan' olon-tsotra malagasy eto amin' ny firenena izay nahazo alàlana ara-dalàna araka ny fepetra voalaza etsy ambony, ka miasa samirery na miasa eo anivon' ny refitra mpandrindra anankiray izay mitonon-tena fa tompon' antoka amin' izay asa rehetra sahanin' ireo mambra ao aminy.

— ao ireo mpanara-maso iraisam-pirenena, avy amin' ny fieraha-miasan' ny firenena maromaro sy avy amin' ny fifandrimbonan' ny firenena roa tonta, na anisan' ny refitra mijoro miasa ho an' ny tenany na koa tsangan' asa fanta-daza noho ny asa lioforsany izay mikatseka mandrakeriva ny fanajana ny zo eman-kasin' ny olombelona sy ny fampanjakana ny demokrasia.

Ireo sokajy roa tonta mpanara-maso ireo dia heverina ho toy ny mameo ny rafi-piasana amin' ny fididianana ary hidododoana raha sendra misy fefanolanana atrangan' ireo komity mpanohana na ireo delege misolotena ny andaniny sy ny ankilany mpifaninana amin' ny fididianana.

23. — Fandaminana ny fomba fanaraha-meso.

231. Tarika atao fakan-tahaka

— Izay rehetra refitra ejoro ka misahane ny fanaraha-meso dia tsy maintsy hankatô ny fananganana tarika irey fakan-tahaka izay ireo mambra ao aminy no hampifandanja ny hoenti-manana eo am-peletanan', izy ireo avy (toy ny fitaovana, ny fahafahana mitety vohitra, ny fahaiza-manao, ny fahafantarana ny tontolo iasàna, ny isan' ny olona ao aminy) mandritra ny fahaovana fanaraha-meso ireo toe-java-misy rehetra miseho eo amin' ilay dingana heverina iasàna mifandrohy amin' ny fizotry ny raha-aha arihi-maso.

* tarika midby amin' ireo toerana atao fototra iaingana amin' ny fanaovana fanaraha-meso,

- * tarika iray na maromaro misahena ny fàneraha-maso ka mandehandeha mitety vohitra,
- * tarika iray na maromaro mifandray amin' ireo andiany mpenangom-beavao,
- * tarika iray na maromaro miandraikitra ny fitaterana.

Eo amin' izay rehetra fampijoroana tarika-modeley dia ho filamatra indrindra ny fahitana, etsy andaniny, tarika iraisam-pirenent-samihafa, ary etsy an-kilany, tarika teratany malagasy, izay miala-misalahy amin' ny asa atao.

232. Fampitoviana tantana ireo fitaovana ampiasaina amin' ny fàneraha-maso

Ireo refitra lehibe izay zanak' omby tsy ampiaranin-domano eo amin' ny fanaovana far araha-maso dia hamoaka boky fikirakira izay mirakitra torolèlana mba ahafahana mandravona sy mampitovy tantana ny famakafakana. ireo vaovao rehetra azo.

233. Fitsinjarana ireo tarika amin' ny faritra iadidiana.

Izany fitsinjarana izany dia hatao mifanaraka amin' ny drafitra volavolaina eo ambany fitarhan' ny Filankevi-pirenena momba ny fifidianana (CNE) mha ahafahana mitsinjara ny fahaiza-miase ankapobe sy feno eo amin' ny fitambaran' ireo rafitra ireo.

234. Toetoetry ny fitantanam-bola

Na manao ahoana-na manao ahoana, my Fanjakana dia tsy afaka bandray anjara na amin' inona izany na amin' inona mikasika ny fantsorohana ny vola lany ateraky ny fanaovana fanèraha-maso; toy ny fampiantranoana vahiny na nafa.

ORDONNANCE N° 92-041

portant Code électoral

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution,

Vu l'ordonnance n° 90-001 du 9 mars 1990 portant régime général des partis ou organisations politiques;

Vu l'ordonnance n° 92-018 du 8 juillet 1992 relative à la Haute Cour Constitutionnelle,

Vu la décision n° 11-HCC/D/3 du 2 octobre 1992 de la Haute Cour Constitutionnelle,

En conseil de Gouvernement,

Ordonne :

Article premier. — La présente ordonnance fixe les règles générales relatives à l'exercice du droit de vote, sous réserve des dispositions légales et particulières à chaque catégorie d'élection.

TITRE PREMIER

JOUISSANCE ET CONSTATATION DU DROIT DE VOTE

CHAPITRE PREMIER

*Des conditions requises pour être électeurs et candidats
(Ordonnance n° 92-044 du 23 octobre 1992).*

• **Art. 2 (nouveau).** — Sont électeurs tous les citoyens malgaches, sans distinction de sexe, âgés de dix-huit ans révolus à la date du jour du scrutin, résidant à l'intérieur du territoire nationale, et jouissant de leurs droits civils et politiques.

Les conditions d'électorat des femmes ayant acquis la nationalité malgache par mariage sont fixées par le Code de nationalité malgache.

Les conditions d'électorat des étrangers naturalisés malgaches sont fixées par les articles 37, 38 et 39 dudit Code.

Les conditions d'électorat des malgaches résidant à l'étranger sont fixées par la loi spécifique à chaque élection.

Art. 3. — Sont privés du droit électoral et ne doivent pas, en conséquence, être inscrits sur la liste électorale visée aux articles 6, 8 et 9 ci-dessous :

1. Les individus condamnés pour crime;

2. Ceux condamnés à une peine d'emprisonnement ferme ou d'amende ferme supérieure à 500 000 FMG pour un délit quelconque, à l'exclusion toutefois des condamnations prononcées :

- a. Pour les délits d'imprudence, hors le cas de fuite concourante;
 - b. Pour infractions économiques ou financières, autres que celles qui sont qualifiées délits mais dont cependant la répression n'est pas subordonnée à la preuve de la mauvaise foi de leurs auteurs et qui ne sont passibles que d'une amende;
 - 3. Les faillis non réhabilités;
 - 4. Les interdits et les aliénés internés;
 - 5. Ceux auxquels les juridictions ont interdit le droit de vote, par application des lois qui autorisent cette interdiction. Le greffe des juridictions concernées doit adresser à l'Autorité chargée de l'établissement de la liste électorale un avis notifiant cette privation de droit de vote.
- Art. 4. — Sont éligibles, sans distinction de sexe, tous les citoyens malgaches remplissant les conditions ci-après :
1. Etre inscrits sur la liste électorale;
 2. Avoir l'âge requis par la loi pour chaque fonction élective;
 3. Ne pas avoir été condamnés pour crime ou délit.

(Ordonnance n° 92-044 du 23 octobre 1992).

Art. 5 *Mouraokat* :— Les conditions d'éligibilité et les régimes d'incompatibilité pour l'exercice des fonctions publiques électives sont fixés par les lois particulières régissant chaque catégorie d'élection.

Tous les fonctionnaires d'autorité, civils et militaires désirant se porter candidat à des élections, doivent se mettre en position de disponibilité au plus tard la veille de l'ouverture de la campagne électorale. En cas de non élection ou au terme de leur mandat, ils sont réintégrés d'office dans leur corps d'origine.

CHAPITRE II

Des listes électorales

Section 1

Etablissements des listes électorales

Art. 6. — Il est dressé dans chaque Fokontany une liste électorale par les soins du représentant de l'Etat au niveau du Firisampokontany sous le contrôle et la responsabilité du représentant de l'Etat au niveau du Fivondrcnampokontany.

Art. 7. — Une commission locale de recensement des électeurs, chargée de recenser tous les citoyens ayant acquis les qualités exigées par la loi pour l'exercice du droit de vote est créée au niveau de chaque Fokontany.

Cette commission, placée sous la responsabilité du président du comité local de sécurité, est composée de quatre représentants de chaque secteur du Fekontany. Les membres de ladite commission sont nommés par le Représentant de l'Etat au niveau du Firisampokontany, sur proposition du président du comité local de sécurité.

Les organisations non gouvernementales agréées en matière d'éducation civique et d'observation des élections peuvent, en tant que de

descou, s'adjointre à cette commission. Elles doivent en faire la déclaration au représentant de l'Etat au niveau du Firoisampokontany et y déposer la liste de leurs membres affectés à cet effet.

Art. 8. — La liste électorale comprend tous les électeurs inscrits au registre de recensement du Fokontany.

L'absence résultant du Service national légal n'empêche pas l'inscription sur la liste électorale du Fokontany de la résidence principale. Ces mêmes dispositions sont également applicables aux marins en activité de service.

En aucun cas, nul ne peut être inscrit sur le registre de recensement de plus d'un Fokontany, ni sur plus d'une liste électorale sous peine des sanctions prévues à l'article 117 du présent Code.

Art. 9. — La liste électorale doit indiquer pour chaque électeur :

- le numéro d'ordre;
- les nom et prénoms;
- les date et lieu de naissance;
- la filiation;
- la profession;
- les numéro, date et lieu de délivrance de la carte nationale d'identité;
- l'adresse exacte.

Art. 10. — Une commission administrative présidée par le représentant de l'Etat au niveau du Fivondronampokontany, arrête la liste de tous les citoyens qu'elle reconnaît avoir acquis les qualités exigées par la loi pour l'exercice du droit de vote. La composition de ladite commission est laissée à l'initiative du représentant de l'Etat au niveau du Fivondronampokontany.

La liste électorale arrêtée par la commission administrative est déposée au bureau du Fokontany pour y être consultée par les électeurs. Avis de ce dépôt est donné le jour même par affiches apposées dans les bureaux des Fivondronampokontany, Firoisampokontany et Fokontany, sur les marchés et aux principaux points de rassemblement.

Art. 11. — L'accomplissement des formalités légales, édictées à l'article 10 ci-dessus est constaté par un procès-verbal dont le représentant de l'Etat au niveau du Fivondronampokontany, conserve une copie.

Art. 12. — Tout citoyen omis peut, dans un délai de vingt jours à compter de la date d'affichage, présenter sa réclamation.

Tout électeur peut contester une inscription indue.

Le même droit appartient aux autorités administrative et judiciaire.

Les réclamations formulées verbalement ou par écrit sont reçues au bureau du Firoisampokontany et inscrites sur un registre spécialement tenu à cet effet. Il en est donné récépissé.

Les réclamations sont transmises au représentant de l'Etat au niveau du Fivondronampokontany au plus tard avant l'expiration du délai prévu au paragraphe premier du présent article.

Les contestations ne sont pas suspensives du droit de vote.

Art. 13. — L'électeur dont l'inscription aura été contestée est averti par écrit et sans frais par le représentant de l'Etat au niveau du Fivondronampokontany et peut présenter des observations.

Art. 14. — Les réclamations et contestations sont jugées dans le délai maximum d'un mois à compter de la date de délivrance du récépissé par une commission spéciale composée de représentant de l'Etat au niveau du Fivondronampokontany et de celui du Firoaisampokontany concerné ainsi que de deux représentants des électeurs désignés par la collectivité territoriale décentralisée dont la liste électorale est mise en cause.

Faute par la commission spéciale d'avoir statué dans ce délai, le réclamant pourra saisir directement, dans un délai d'un mois à compter de la date d'expiration du délai imparti à la commission spéciale pour statuer, le président du tribunal de première instance ou de section dans les conditions de l'article 16 ci-dessous.

Art. 15. — Notification de la décision de la commission est faite sans délai aux parties intéressées par les soins du représentant de l'Etat au niveau du Fivondronampokontany; elles peuvent interjeter appel dans les quinze jours par simple lettre ou déclaration au greffe du tribunal de première instance ou de section.

Art. 16. — L'appel est porté devant le président du tribunal de première instance ou de section. Celui-ci statue par ordonnance dans les dix jours, sans frais, ni forme de procédure et sur simple avertissement donné cinq jours à l'avance à toutes les parties intéressées.

Toujours, si la demande portée devant lui implique la solution préjudicelle d'une question d'état, il renvoie préalablement les parties à se pourvoir devant les juridictions compétentes et fixe un bref délai dans lequel la partie qui aura soulevé la question préjudicelle devra justifier de ses diligences.

